


06 - 16 Janoary 2016

# MITOETRA AO AMIN'I KRISTY

# FIAINANA BE DIA BE

Fivondronamben'ny Federasiona
Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito
Ranomasimbe Indianina

# Mitoetra ao amin'i Kristy
# – Fiainana be dia be

## And. fototra: Efes. 3:16-19

**Andro 1**: Ny Tena Ilaina indrindra

**Andro 2**: Ny Fanomezana Lehibe Indrindra ho an'Andriamanitra – Ny Tenantsika

**Andro 3**: Kristy ao Anatintsika

**Andro 4**: Mitoetra ao amin'i Kristy

**Andro 5**: Manoatra noho ny Mpandresy

**Andro 6**: Fifaliana amin'ny fankatoavana

**Andro 7**: Fiainana Tonga Fitahiana ho an'ny Hafa

**Andro 8**: Kristy Hita Taratra eo amin'ny Fianakaviana

**Andro 9**: Kristy Hita Taratra eo amin'ny Fiangonana

**Andro 10**: Kristy Hita Taratra eo amin'ny Fiarahamonina

# Fampidirana

Miarahaba antsika tratry ny 10 Andro Fiaraha-mivavaka taona 2016! Folo taona lasa izay no nanombohan'ny fiangonana ny folo andro fiaraha-mivavaka isaky ny fiandohan'ny taona vaovao. Maro ny fahagagana nataon'Andriamanitra nandritra ireny fotoam-piaraha-mivavaka ireny. Nitondra fifohazana ny Fanahy Masina, nitondra fiovam-po, fitiavana vaovao hitory ny filazantsara ary namerina amin'ny laoniny indray fifandraisana maro. Tsy hiadian-kevitra fa ny vavaka no loharanon'ny fifohazana!

Mino sy manantena izahay fa hitondra fiovana eo amin'ny fiainanao sy ny fiainan'ireo izay entinao amim-bavaka ihany koa, ny fiombonanao amim-bavaka amin'ny mambran'ny fiangonana mba hangataka ny firotsahan'ny Fanahy Masina, izay efa nampanantenain'ilay Ray homena an'ireo izay mangataka Aminy. Koa manasa anao mba hamaky ny valintenin'ireo izay nandray anjara tamin'ny 10 Andro Fiaraha-mivavaka teo aloha:

"Miasa eo anivon'ny fiangonanay tokoa ny herin'ny Fanahy Masina. Misy amin'ireo izay namana nihemotra no efa miverina amin'ny fiangonana ankehitriny, ary misy koa ny mambra sasantsasany ao amin'ny fiangonana izay manolo-tena tanteraka amin'izao taona 2015, fa hiara-dia amin'ny Tompo mandrakariva. Misaotra anareo noho izany, Andriamanitra anie homba antsika rehetra." - *Joe Kin, Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito Kanudi, Port Moresby, Papua New Guinea.*

"Fitahiana sesehena no natolotr'Andriamanitra raha nivory mba hivavaka ny fiangonanay nandritra ireny folo andro fiaraha-mivavaka ireny. Nisy zatovo lahy iray izay nandao ny fiangonana fotoana maro lasa izay. Tonga nanatrika ny fotoam-bavaka ny Zoma hariva ny vadiny, ary niara-niombom-bavaka taminy ny vondrona madinika ny mba hiverenan'ny vadiny indray ao am-piangonana. Ny Sabata maraina, dia indro ilay zatovo lahy fa tonga teo! Midera an'Andriamanitra izahay noho ny fiasany teo anivonay!" - *Peggy Casebier, Oregon, USA*

"Ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka dia nitondra fifohazana tao amin'ny Fiangonana AMAF Southend sy teo amin'ny fotoam-pivavahana isaky ny Zoma hariva, izay tsy nisy intsony tao amin'ny fiangonana. Io folo andro fiaraha-mivavaka io no nampianatra anay fa ny vavaka ihany no hany fanovozan-kery, ka nitondra firaisana teo amin'ny samy mambran'ny fiangonana izany sy hafanam-po hiasa ho an'ny Tompo." - *Tafadzwa Katsota, Fiangonana AMAF Southend, Zimbabwe*

"Tamin'ny 1-10 Janoary no nanatanterahanay ny folo andro fiaraha-mivavaka. Nanonona vavaka fiarovana manokana ho an'ny isam-batan'olona voasoratra tao amin'ny lisitry ny antom-bavaka i Bill McClendon, mpitandrina ny fiangonanay. Tamin'ny 7 Janoary, raha teny an-dalana handeha hiasa aho, dia indro ny fiara iray teo amin'ny lalana afovoany fa nivily niala tamin'ny laharana nisy azy ka nankany amin'ny laharana nisy ranomandry niavosa. Nanomboka nihodinkodina ilay fiara, ary tafajanona teo amin'ny laharana nisy ahy nitodika nanatrika ny fiarako. "Misaotra Anao aho Jesôsy ô!" hoy aho. Nahita ny endriko ilay mpamily, dia niezaka nanodina ny fiarany ka lasa nanohy ny diany indray. Nanantena asa avy tamin'ity fiara teo anoloako ity ny fiarabe mpamonjy fiara simba iray tao aoriako, saingy tsy nisy izany! Niantso ilay mpitandrina ny fiangonanay aho ka nitantara taminy izay rehetra nitranga. Eo anilantsika mandrakariva Andriamanitra amin'ny

fotoana rehetra; izaho manokana dia mahatsapa izany mandrakizay." - *Charmaine Ridgelyn Baltimore First SDA Church, Ellicott City, Maryland, USA.*

"Feno fankasitrahana ny Raintsika izay any an-danitra aho. Nanatanteraka zava-mahagaga Izy. Manana zandry lahikely (10 taona) izay nanana olan'ny fo aho, ary nanapa-kevitra ny mpitsabo fa any Inda no anaovana fandidiana azy. Rehefa nanomboka nivavaka ho azy aho, dia nitombo miandalana ny fahasitranany, tao anatin'ny andro vitsivitsy monja. Nandritra izay fotoana izay ihany koa, dia nanao tombana ireo mpitsabo fa mety ho sitrana izy afaka roa herinandro. Namonjy ny fiainany indray Andriamanitra, ary rahampitso izy no hiverina avy any Inda. Mbola manantena zava-mahagaga hatrany aho mandritra ireo andro sisa tavela." - *Yoel Asaph, Mwanza, Tanzania.*

**Lohahevi-dehibe**: Mitoetra ao amin'i Kristy - Fiainana be dia be.

Mandritra ity Folo Andro Fiaraha-mivavaka 2016 ity isika dia hivavaka manokana hangataka ny Fanahy Masina mba hampianatra antsika ny fomba hitoerana ao amin'i Kristy sy handraisana *"fiainana be dia be."* Mampirisika ny mpino ny apôstôly Paoly mba *"hofenoina ny Fanahy"* (Efes. 5:18), *"mba homeny anareo, araka ny harenan'ny voninahiny, ny mba hohatanjahina fatratra amin'ny Fanahiny ny toe-panahinareo; mba hitoeran'i Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana, ka hamaka sy hiorina mafy amin'ny fitiavana hianareo, mba hahaizanareo mbamin'ny olona masina rehetra ny hahafantatra tsara izay sakany sy lavany ary haavony sy halaliny, ary hahalala ny fitiavan'i Kristy, izay mihoatra noho ny fahalalana, mba hamenoana anareo ho amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra"* - Efes. 3:16-19.

*"'Mitoera Amiko, ary Izaho aminareo.' Ny mitoetra ao amin'i Kristy dia midika fandraisana mitohy ny Fanahiny, fiainana milefitra tsy misy fepetra ho amin'ny fanompoana Azy. Tsy maintsy mivoha mandrakariva ny fantsona mampitohy ny olona amin'Andriamaniny. Toy ny sampam-boaloboka misintona mandrakariva ny tsiron-kazo avy amin'ny voaloboka velona, dia toy izany koa no tokony hamikirantsika an'i Jesôsy, sy handraisana avy Aminy, amin'ny alalan'ny finoana, ny hery sy ny fahatanterahan'ny toetra amam-panahiny"* - IFM, t. 730.

"Ny hoe *'Tomoera Amiko ary Izaho aminareo'* dia zavatra azo tanterahina tokoa, ary tsy ho tonga aminao ny fanasana raha tsy afaka manatanteraka izany ianao. Jesôsy Mpamonjy antsika dia misarika antsika mandrakariva ho eo amin'ny Fanahy Masina, miasa ao an-tsainao mba hahatonga anao ho tafatoetra eo amin'i Kristy… Mifandraika amin'ny asa ataon'ny tenananao manokana avokoa ireo fitahiana maro arotsany. Koa holavina va i Kristy? Hoy Izy: *'Ary izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy'* - Jao. 6:37. Hoy indray Izy amin'ny andian'ny olona iray hafa, *'Kanefa tsy mety manatona Ahy hianareo hanananareo fiainana'* - Jao. 5:40." *(In Heavenly Places, t. 55).*

Mila ny Fanahy isan'andro isika mba hahatonga antsika hampitoetra antsika eo amin'i Kristy, hanànantsika fanandramana amin'ny fiainana be dia be, sy hizarantsika izany amin'ireo zanak'Andriamanitra lahy sy vavy ao anaty fahaverezana. Mandritra ireo folo andro ireo, dia tiantsika ny hanokanantsika fotoana handinihana manokana ny hoe nahoana sy fomba ahoana no maha-zava-dehibe ny hitoerantsika ao amin'i Kristy ary koa inona ireo vokatra aterak'izany ho antsika sy ho an'ny hafa. Andeha isika hiombom-bavaka mba hampianaran'Andriamanitra

antsika *"ity zava-niafina ity any amin'ny jentilisa, dia Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra"* - Kôl. 1:27.

**Torolalana Manokana mandritra ny Fotoam-bavaka**

• Aoka ho fohy ny vavaka ataonao – fehezanteny iray na roa monja ho an'ny lohahevitra iray. Avelao ny hafa hanohy izany indray. Azonao atao ny mivavaka im-betsaka araka izay irinao, toy ny teny ataonao mandritra ny resaka iray.

• Tsara ny fahanginana, satria manome fotoana ho an'ny tsirairay izany mba hihainoana ny Fanahy Masina.

• Fitahiana goavana ihany koa ny fiarahana miredona hira, araka izay hitarihan'ny Fanahy. Tsy mila zava-maneno akory ianao amin'izany; ny fihirana tsy arahin-java-maneno dia efa ampy.

• Raha tokony handany foana hiresahana ny amin'ireo antom-bavaka anananao, dia mivavaha fotsiny ihany ho azy ireo. Azon'ny hafa atao ihany koa ny mivavaka ho an'ireo antom-bavakao manokana ka hangataka ny teny fikasana izay ilainao amin'izany.

**Mitaky ny Teny Fikasana**

Nanome antsika teny fikasana maro ao amin'ny Teniny Andriamanitra. Tombontsoa ho antsika ny mitaky azy ireo ao anatin'ny vavaka asandratsika. Samy teny fikasana avokoa, na ireo baiko na ireo torohevitra omeny. Tsy hitaky amintsika zavatra izay tsy azontsika tanterahina amin'ny heriny Izy.

Rehefa mivavaka isika dia mora kokoa ny mifantoka amin'ireo zavatra ilaintsika, ireo olana mahazo antsika, ireo fihaikana manoloana antsika – ka hidradradradra sy hitomany noho ny toe-javatra mahazo antsika. Tsy izany anefa no anton'ny hivavahantsika. Natao hitondra hery ho an'ny finoantsika ny vavaka. Izany no hampirisihanay anao mba hitaky amim-bavaka ireo teny fikasana amin'Andriamanitra. Hanampy anao tsy hifantoka amin'ny tenanao sy ireo fahalemenao izany, ka hampiorina anao eo amin'i Jesôsy. Amin'ny fibanjinantsika Azy ihany no hahatonga antsika ho voaova araka ny endriny.

"Natao ho antsika avokoa ny teny fikasana tsirairay voarakitra ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Asehoy ao amin'ny vavaka ataonao ireo teny fampanantenana nataon'ny Tompo, ary takio amim-pinoana ireo teny fikasany. Ny teniny no toky ho antsika fa raha mangataka amim-pinoana ianao, dia handray ireo fitahiam-panahy maro sesehena. Aoka hitozo hangataka, dia hahazo mihoatra lavitra noho izay angatahinao sy heverinao ianao" - *In Heavenly Places, t. 71.*

"Mangataha mba hahazoana ny Fanahy Masina. Mijoro eo aorian'ny teny fikasana rehetra nataony Andriamanitra. Tazony eny an-tananao ny Baibolinao ary mitenena hoe: efa nataoko izay nolazainao. Entiko eto aminao ny teny fikasana nataonao hoe: *'Mangataha, dia homena hianareo, mitadiava, dia hahita, dondony, dia hovohana'" – Henoinareo ny Fanoharana, t. 120.*

Fomba ahoana no hahafahanao mitaky ireo teny fikasany. Raha hanao vavaka mba hisian'ny fiadanana ianao, dia azonao atao ohatra, ny mamaky ny Jao. 14:27 *"'Fiadanana no avelako ho*

*anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo.' Omeo ahy ny fiadanana izay nampanantenainao omena anay."* Misaora ny Tompo noho ny fiadanana natolony anao, eny, na dia mety tsy ho hitanao eo amin'ny manodidina anao aza izany.

Misy pejy vitsivitsy - "Teny fikasana Takina amim-Bavaka," - nomaninay, izay ahitana ireo teny fikasana maro samy hafa azonao angahatahina. Aoka ho eo anilanao mandrakariva ireo teny fikasana ireo rehefa mivavaka ianao. Takio ao amin'ny vavaka mangina sy vavaka ampahibemaso ataonao ireo teny fikasan'Andriamanitra.

**Fifadian-kanina**

Mampirisika anao izahay mba hanao fanandramana ny fifadian-kanin'i Daniel mandritra ireo folo andro fiaraha-mivavaka. Fomba tsara indrindra hoentina manokana ny fiainantsika ho an'Andriamanitra mandritra ny taona ho avy, ny manomboka ny taona amin'ny vavaka sy fifadian-kanina. Hoy i Ellen White amintsika: "Izao anio izao ka hatramin'ny fiafaran'ny tantara dia ilain'ny vahoakan'Andriamanitra ny ho tonga matotra kokoa, mavitrika kokoa, tsy miantehitra amin'ny fahendren'ny tenany manokana, fa amin'ny fahendren'ilay Mpitarika azy ireo. Tokony hanokana fotoana izy ireo hifadian-kanina sy hivavahana. Mety tsy hilaina ny mifady hanina tanteraka, fa tsara ho azy ireo kosa ny mahalala onony ka hihinana sakafo farany izay tsotra indrindra" - *Counsels on Diet and Foods, tt. 188, 189.*

Fantatsika ny amin'i Daniela, izay tsy nihinana afa-tsy voankazo sy hanikotrana nandritra ny folo andro.  Koa mampirisika anao koa izahay mba hanaraka fomba fisakafoana tsotra toy izany mandritra ireo folo ireo. Fomba fisakafoana tsotra, tsy ahitana siramamy, sakafo namboarina sy voadio (traité sy raffiné), ary ny fisotroana zava-pisotro malefaka dia hahasoa antsika tokoa amin'ny lafiny maro samy hafa. Voalohany, ny hoe mihinana amin'ny fomba tsotra indrindra, dia midika hoe fikarakarana sakafo ao anatin'ny fotoana fohy kokoa, ka manana fotoana bebe kokoa hiarahana amin'ny Tompo. Faharoa, arakaraka ny maha-tsotra indrindra ny sakafo hanintsika no mahamora ihany koa ny fandevonan-kanina, ka hananantsika saina mazava kokoa. Tsy hozovina amintsika fa ny siramamy dia manadonto ny faritra manokana sy manan-danja indrindra ao amin'ny saintsika izay mibaiko ny fahaiza-manao sy ny fihetseham-po ary ny fihetsika rehetra ataontsika (lobe frontal). Raha tiantsika ny hanana saina mazava kokoa mba handrenesantsika ny feon'Andriamanitra, ary raha irintsika ny ho tonga akaiky kokoa Aminy, dia aoka isika hitandrina ny amin'ny fomba fisakafontsika mba tsy ho tonga sakana ho antsika izany.

Izao no teny atao amintsika: "Tandremo fatratra ny fotoana hivavahanareo, hianaranareo ny Baiboly sy handinihanareo tena" - *Gospel Worker, t. 100*. Ankoatra ny fanomezana antsika saina mahiratra, dia manampy antsika amin'ny fandinihana ny fo ihany koa ny fifadian-kanina.

Tsy hoe fifadiana sakafo fotsiny ihany ny fifadian-kanina. Mampirisika anao koa izahay mba hifady ny fijerena fahitalavitra, ny sary mihetsika, ny lalao ao anaty solosaina, eny, fa na ny fampiasana tambazotra sôsialy toy ny "Facebook" ary koa ny "YouTube". Mazàna ny zavatra toy ny Facebook sy ny YouTube, izay toa tsy ratsy akory no fahitana azy, dia mibahana betsaka eo amin'ny fotoanantsika. Avelao avokoa izay rehetra azonao avela, mba hanananao fotoana bebe kokoa miaraka amin'ny Tompo.

Ny fifadian-kanina dia mahakasika izay rehetra mety ho sakana ho antsika tsy hananantsika fifandraisana ety amin'Andriamanitra amim-bavaka sy amin'ny fianarana ny Baiboly. Izao no ambara amintsika, "ny fanahy izay mihazona ny saintsika sy ny fontsika ary ny sitrapontsika amin'Andriamanitra no tena fanahin'ny fifadian-kanina sy vavaka marina" - *Seventh-day Adventist Bible Commentary, b. 4, t. 1148*.

Tsy hoe fomba haingana hahazoana fahagagana avy amin'Andriamanitra akory ny fifadian-kanina. Ny fifadian-kanina dia mifototra amin'ny fanetren-tena tanteraka mba hahafahan'Andriamanitra miasa ao anatintsika sy amin'ny alalantsika. "Amin'ny lafin-javatra sasany, dia takina sy sahaza tokoa ny fifadian-kanina sy ny vavaka. Eo am-pelatanan'Andriamanitra ireo dia fomba hanadiovana ny fo sy hamohazana indray ny toe-tsaina vonon-kandray. Mahita valiny ny vavaka ataontsika satria mampietry ny fanahintsika eo anatrehan'Andriamanintra isika" - *Medical Ministry, t. 283*.

Andeha isika hanetry tena eo anatrehan'Andriamanitra ka hitady Azy amin'ny fontsika sy ny saintsika ary ny herintsika manontolo. Aoka isika hanatona akaiky kokoa Aminy amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fifadian-kanina ary Izy kosa hanatona ety kokoa antsika.

## Ny Fanahy Masina

Aoka ho azonao antoka ny fangatahana ny Fanahy Masina mba haneho aminao ny fomba na ny antom-bavaka izay tokony hataonao ho an'ny olona iray na ho an'ny toe-javatra iray manokana. Ny Baiboly dia milaza fa isika dia tsy mahalala izay tokony hivavahantsika akory, ary ny Fanahy Masina irery no ilay Iray hany afaka manao fanelanelanana ho antsika.

*"Tsy hoe tsy maintsy mivavaka fotsiny amin'ny anaran'i Kristy isika, fa amin'ny fibitsihan'ny Fanahy Masina koa. Izany dia manazava ny dikan'izay voalaza hoe: 'Ny fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina.' Mahafaly an'Andriamanitra ny mamaly fivavahana toy izany. Rehefa manonona vavaka amin'ny anaran'i Kristy amin-kafanam-po sy amin-kery isika, dia ao amin'io hery io indrindra no misy antoka avy amin'Andriamanitra fa hamaly ny fivavahantsika Izy, 'mihoatra lavitra noho izay angatahintsika na heverintsika'."* - HF, t. 120.

## Ny Finoana

Manambara amintsika ny Fanahin'ny Faminaniana fa "ny vavaka sy ny finoana dia hanao asa lehibe izay tsy hain'ny hery hafa tanterahina eto an-tany" - *The Ministry of Healing, t. 509*. Ampirisihina ihany koa isika hivavaka sy hanam-pinoana mba ho ren'Andriamanitra ka hahita valiny ny vavaka ataontsika.

"Hoy i Kristy: 'Mangataha dia omena hianareo.' Ao amin'ireo teny ireo no anoroan'i Kristy antsika ny fomba fivavaka tokony ataontsika. Amin'ny fahatsoram-pon'ny zaza no tokony hanatonantsika Ilay Raintsika any an-danitra, ka hangataka Aminy ny fanomezan'ny Fanahy Masina. Hoy indray i Jesôsy*: 'Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray hianareo, dia ho azonareo izany.'* Amin'ny fibebahana sy ny fiaiken-keloka, famborahana ny fahotana sy ny fahalemena tsirairay ao amin'ny fanahy, no tokony hanatonantsika ny Ray, ka tombontsoa ho antsika ny hitaky ireo teny fikasana

nampanantenain'ny Tompo. (…) Tsy maintsy mino ny tenin'Andriamanitra isika; satria ao amin'ny fampiorenanao ny tenanao ao amin'izay finoana masina indrindra no ahitana ny tena fizahana ny toetra. Amin'ny alalan'ny teniny no hisedran'Andriamanitra anao. Aoka tsy hanantena hahatsapa fihetseham-po mahafinaritra isika vao hino fa nandre antsika Andriamanitra; tsy tokony ho fepetra ampiasainao ny zary fitsapana fotsiny, satria ny fihetseham-po dia miovaova toy ny rahona eny amin'ny lanitra. (…) Raha mbola eto an-tany isika dia afaka mandray ny fanampian'ny Lanitra. (…) satria efa fotoana maro izay no nizahako an'Andriamanitra. Handroso amim-pinoana aho, tsy hanala baraka ny Mpamonjiko amin'ny tsy finoana aho" - *Review and Herald, 11 Okt. 1892, par. 1, 3, 6*.

"Kely loatra ny finoantsika. Ferantsika ny asan'Ilay Iray Masin'i Isiraely. Tokony ho feno fankasitrahana isika noho ny fietreny hampiasa ny tsirairay avy amintsika ho toy ny fanaka eo am-pelatanany. Ny vavaka mafana tsirairay atao amim-pinoana na amin'inona na amin'inona, dia hahita valiny avokoa. Mety tsy ho araka ny andrasantsika izany; saingy ho tonga ireny, angamba tsy ho araka ny niheverantsika azy, fa amin'ny fotoana izay tena ilaintsika azy indrindra kosa. Oh, fahotana manao ahoana re ny tsy finoantsika e! 'Raha miray amiko hianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany'" - *Testimonies for the Church, b. 3, t. 209*.

Nolazaina ihany koa isika fa "ny amin'izay fanomezana rehetra nampanantenainy, dia azontsika atao ny mangataka izany; rehefa izany, dia anjarantsika ny mino fa mandray izany isika, ka hamerina fisaorana amin'Andriamanitra indray fa nandray izany isika" - *Education, t. 258*. Koa amin'izany aoka ho fahazarantsika ny misaotra an'Andriamanitra mialoha amim-pinoana noho izay hotanterahiny ho antsika sy ny fomba hamaliany ireo vavaka asandratsika.

**Mivavaha ho an'olona fito**

Mampirisika anao izahay, mandritra izao folo andro fiaraha-mivavaka izao, mba hitondra amim-bavaka olona folo izay irinao hanana fanandramana ny amin'ny "fiainana be dia be." Mety ho fianakaviana izany, namana, mpiara-miasa, mpifanolo-bodirindrina na koa olom-pantatra tsotra fotsiny. Manokàna fotoana manokana ary angataho Andriamanitra hampahafantatra anao izay olona tokony hoentinao amim-bavaka. Angataho ihany koa Izy hanome anao izay tena andraikitra sahaza anao indrindra manoloana ireny olona ireny.

# Tari-dalana ho an'ny Mpitarika

Miarahaba tonga amin'izao Folo Andro Fiaraha-mivavaka 2016 izao!

Arahabaina tonga amin'izao Folo Andro Fiaraha-mivavaka 2016 izao! Nanao asa fahagagana tsy tambo isaina tokoa Andriamanitra tamin'ny alalan'ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka, hatramin'ny nanombohan'izany tamin'ny Hetsika Firotsahan'ny Ranonorana Maneran-tany tamin'ny taona 2006. Nitondra fifohazana, fiovam-po, fanavaozana teo amin'ny fitiavana ny fitoriana ny filazantsara ary nanasitrana fifandraisana maro ny Fanahy Masina. Tsy hiadian-kevitra, fa ny vavaka no tena loharanon'ny fifohazana!

Ireto tari-dalana ireto no natao mba hanampiana anao mpitarika. Ny fizaràna voalohany dia mifandraika amin'ireo lohahevitra hodinihina mandritra ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka 2016, ny tapany faharoa kosa dia mirakitra ireo tondro izay hanampy anao sy vondrom-bavaka kely misy anao. Tsarovy anefa, fa fitaovana sy loharanon-kevitra fotsiny ihany ireo. Aza misalasala ny hitondra fanovana amin'ireo araka izay hitarihan'ny Fanahy anao.

Mandritra ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka, 6-16 Janoary 2016, dia tokony hihaona mivantana na an-telefaonina isan'andro ny vondrona misy anao, mba hiombonanareo amim-bavaka mandritra ny ora iray. Andro Sabata ny andro fahiraika ambin'ny folo, 16 Janoary. Io andro io dia voatokana hankalazana an'Andriamanitra noho ireo valim-bavaka nataony tamin'ireo fiombonam-bavaka nisy. Manantena izahay fa hanampy anao ireo hevitra sy soso-kevitra ireo mba hahatonga ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka 2016 ho fanandramana mahery vaika ho an'ny vondrona madinika na fianakaviamben'ny fiangonana misy anao.

**Andinindininy An-kapobeny ho an'ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka**

Nahoana no Mivavaka ho an'ny Fifandraisana Mitoetra amin'i Kristy sy Fananana Fiainana Be dia Be?

Amin'ny maha-mpanara-dia an'i Kritsy antsika, dia faniriantsika indrindra ny hijoro ho vavolombelona ho Azy. Tiantsika ny haneho Azy. Saingy tsy azontsika tanterahina izany raha tsy mitoetra amin'i Kristy isika. Tsy ho tonga ho vavolombelona mihitsy isika raha amin'ny herin'ny tenantsika manokana, ary tsy hahita fifaliana sy tsy hanana fiainana be dia be raha tsy ao amin'i Kristy.

Nanasa antsika i Kristy mba hitoetra ao Aminy isika, ka izany no maha-zava-dehibe indrindra ny tokony hianarantsika ny fomba hahatanterahan'izany. Mandritra ireo folo andro ireo no hahitantsika ny antony sy ny fomba hahatonga antsika ho tafatoetra ao Aminy, ho hitantsika ihany koa ny fanovana entin'izany eo amin'ny fiainantsika. Andeha isika hiara-mivavaka mba hahafahan'Andriamanitra mampianatra antsika *"ity zava-niafina ity any amin'ny jentilisa, dia Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra"* - Kôl. 1:27.

**Taratasy ho an'ny Lohahevitra Isan'andro**

Efa misy taratasy mirakitra ny lohahevitra nomanina ho andro tsirairay mandritra ny folo andro. Ny pejy voalohany dia manoro hevitra antsika ny amin'ny drafitry ny fotoam-bavaka ary mirakitra ihany koa ny fomba hafa hanatanterahana ireo antom-bavaka manokana sy hira hohiraina miaraka. Ny pejy faharoa indray dia ahitana ireo andininy avy ao amin'ny Baiboly sy ny asasoratr'i Ellen White izay fanampim-panazavana ho an'ny lohahevitra amin'ny alina. Manoro hevitra anao izahay mba hanao dika mitovy amin'ireo taratasy mirakitra lohahevitra mba hahafahan'ny mpandray anjara tsirairay manaraka ny fotoam-bavaka. Azo atao ny manao dika mitovy amin'izany ambadika sy ambadika.

Ho tafaray ireo fiangonana rehetra maneran-tany amin'ny fitondrana amim-bavaka ny lohahevitra voatsinjara atao isan'andro. Aoka hiray amin'izy ireo ianao, amin'ny alalan'ny Soratra Masina sy ireo teny notsongaina ary ny soso-kevitra amin'ny antom-bavaka ao anatin'ny taratasy ho an'ny lohahevitra tsirairay. Arakaraka ny hifantohanao bebe kokoa amin'ny lohahevitra no hahatonga ny fotoam-bavaka hanana ny lanjany manokana. Na izany aza, tsy voatery hanaraka fotsiny izay voasoratra ao amin'ny taratasy ho an'ny lohahevitra ianao; aoka ho tari-dalana tsotra fotsiny ho anao izany. Tsy voatery hivavaka hanaraka ny laharan'ny teboka tsirairay ianao - soso-kevitra noraketina fotsiny ao izany.

**Teny avy amin'ny asa soratr'i Ellen White mikasika ny Fitoerana ao amin'i Kristy sy ny Fiainana Be dia Be**

Nisy andalana maro avy amin'ny diam-penin'i Ellen White sy andininy ao amin'ny Baiboly maro nangonina ho an'ny alina tsirairay. Boky samy hafa nosoratan'i Ellen White no nangalana izany, ary samy milaza avokoa ny maha-zava-dehibe ny fitoerana ao amin'i Kristy sy ny vokatra aterak'izany eo amin'ny hafa. Manoro hevitra anao izahay mba hiara-mamaky izany amin'ny vondrona misy anao. Azonareo atao ny manao izany amin'ny fiandohan'ny fotoam-bavaka, mba hametrahana ny dingana ho amin'ny lohahevitra entina amim-bavaka mandritra ny andro, na eny an-tenantenan'ny fotoam-bavaka ihany koa.

**Soso-kevitra ny amin'ireo Fotoana ho an'ny Vavaka Tsirairay**

Miovaova araka ny fotoana iarahanareo mivavaka ny fotoana laninareo amin'ny fanatanterahana ny fizaràna tsirairay amin'ny fotoam-bavaka. Ny fitsinjaram-potoana manaraka eto ambany dia torohevitra fotsiny ihany ny amin'ny fandaminana mahomby:

- Fiarahabana/Fanolorana: 2-5 minitra
- Famakiana ny Soratra Masina sy ireo Andalana avy amin'ny Asasoratr'i Ellen White: 3 minitra
- Fiderana an'Andriamanitra ao amin'ny Fotoam-bavaka: 10 minitra
- Fiaiken-keloka sy Fangatahana Fandresena amin'ny Ota mandritra ny Fotoam-bavaka: 3-5 minitra

- Vavaka Fifonana sy Fanelanelanana ao anatin'ny Fotoam-bavaka: 35 minitra
- Fisaorana ao anatin'ny Fotoam-bavaka: 10 minitra

**Vavaka Fanelanelanana ho an'Olona Fito**

Ampirisiho ny tsirairay hangataka amin'Andriamanitra mba hanehoany amin'izy ireo olona fito hoentina amim-bavaka mandritra ny folo andro. Mety ho fianakaviana, namana, mpiara-miasa, mpiara-mivavaka, sns. Ampirisiho izy ireo hangataka ny Fanahy Masina mba hitarika ireo olona fito ho tafatoetra eo amin'i Kristy. Ny mambran'ny vondrona dia tokony hangataka amin'Andriamanitra mba hanoroany azy ireo ny fomba hahafahany mivavaka ho an'ireo filana manokana mety misy sy mba hahafahany manatona ireo olona fito ireo mandritra ny folo andro.

**Fotoam-pivavahana mandritra ny Sabata Amin'ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka 2016**

Aoka hiompana feno amin'ny vavaka sy ny fizaràna fanandramana noho ireo vavaka nahitam-baliny ny fandaharam-potoana mandritra ny Sabata roa. Mamoròna zava-baovao - misy fomba maro hahazoanao mizara amin'ny fianakaviamben'ny fiangonana izay nitranga nandritra ny fotoana fiaraha-mivavaka isan'andro.

**Fankalazana amin'ny Sabata Famaranana**

Ny Sabata famaranana, dia tokony haompana manokana ho fotoam-piravoravoana lehibe noho izay rehetra nataon'Andriamanitra nandritra ireo folo andro. Manokàna ampaham-potoana malalaka tsara ho an'ny fijoroana ho vavolombelona ny amin'ireo vavaka nahitam-baliny sy ny fampianarana ara-Baiboly/fitorian-teny mikasika ny vavaka ary ny hira. Rehefa izany, dia tariho ho amin'ny fotoam-bavaka indray ny mpivory mba hahazoan'ireo tsy nanatrika ny fotoam-pivoriana isan'andro mahatsapa ny fifaliana ao amin'izany hoe fiombonam-bavaka amin'ny hafa izany. Jereo ny fizaràna Andro faha-11 mba hananana hevitra mivelatra kokoa.

**Fanjohina ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka 2016**

Mivavaha mafy mba hahafantaranareo izay irin'Andriamanitra ny amin'ny fomba hanohizan'ny fiangonana/vondrona misy anao, ny asa efa natombony nandritra ireo Folo Andro Fiaraha-mivavaka 2016. Angamba mety hanohy izany amin'ny fiaraha-mivavaka isan-kerinandro ianareo. Na koa mety hirin'Andriamanitra hanomboka asa fanompoana vaovao ao amin'ny fiangonana misy anao ianao, na hanao asa fitoriana eo amin'ny fiaraha-monina misy anao. Itafio ny fahavononam-panahy ary araho izay lalana hitarihan'Andriamanitra anao. Ho feno fitalanjonana indrindra ianao eo am-piarahana Aminy.

**Fijoroana ho Vavolombelona**

Miangavy anao izahay mba hizara ny fomba fiasan'Andriamanitra nandritra ireo Folo Andro Fiaraha-mivavaka 2016! Ho fampaherezana ho an'ny maro hafa ny tantara zarainao. Azonao atao ny mandefa izany ao amin'ny stories@ministerialassociation.org na koa mametraka azy ao amin'ny www.tendaysofprayer.org.

**Mpanondro Vavaka Iombonana**

**Miombon-kevitra**

Rehefa misy olona manana antom-bavaka manokana hangatahana amin'Andriamanitra, dia aoka ny hafa hifanaiky ka hitondra amim-bavaka izany ihany koa – manan-kery indrindra izany! Aoka tsy hihevitra fa raha misy olona iray mivavaka ho an'izany dia tsy ilaina intsony ny hitondran'ny hafa amim-bavaka azy. *"Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany"* - Mat. 18:19. Loharanon-kery lehibe manao ahoana re izany voasandratra amim-bavaka izany!

**Mitaky ny Teny Fikasan'Andriamanitra**

Efa misy pejy vitsivitsy nomanina hahitanao teny fikasana samy hafa izay azonao angatahina amim-bavaka. Ampirisiho ny vondrona mba hitaky ireo teny fikasan'Andriamanitra rehefa mivavaka izy ireo. Mora foana ho antsika ny mifantoka amin'ny olana mahazo antsika. Saingy rehefa mitaky ny teny fikasan'Andriamanitra isika, dia hitombo hery ny finoantsika ary hiverina ao an-tsaintsika fa tsy misy na inona na inona tsy hain'Andriamanitra tanterahina. Manampy antsika ireo teny fikasana ireo tsy hijery ny fahalementsika sy ny fahasahiranantsika fa hemetraka kosa ny fijerintsika eo amin'i Jesôsy. Fa ho an'ny fahalemena tsirairay sy ny tolona tsirairay dia azontsika atao ny mahita teny fikasana sahaza ao amin'ny Baiboly. Tariho ny olona hikatsaka teny fikasana bebe kokoa ka hitahiry izany an-tsoratra mba hahafahan'izy ireo mitaky izany amin'ny hoavy.

"Amim-pahatsoram-po tanteraka no tokony hamborahantsika ireo filantsika amin'ny Tompo, ary amim-pinoana sy amim-pahatokiana no hitakiana ireo teny fikasany mba hahafantaran'ny mpivory rehetra fa mitombo hery miaraka amin'Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny vavaka. Hitombo hery ihany koa izy ireo amin'ny finoana fa mitoetra eo anivon'ny fivoriana ny fanatrehan'ny Tompo, ary ho voasarika izy ireo hanokatra ny fony handray ny harem-pitahiana avy Aminy. Ny finoan'izy ireo ao amin'ny fahatsoram-ponao dia hitombo, ary amin'ny sofina vonon-kihaino no handraisan'izy ireo ny torohevitra omen'ny mpitondra teny" - *Evangelism, t. 146*.

"Manana fitahiana be dia be ho an'ireo izay hiara-miasa amin'Andriamanitra ny lanitra. Izay rehetra mankatò Azy dia mahazo mitaky amim-pahatokiana ny fanatanterahana ireo teny fikasana ireo. Nefa tokony hampiseho fitokisana tanteraka sy tsy azo hozongozonina amin'Andriamanitra isika. Matetika no miandry Izy vao mamaly antsika mba hizahany ny finoantsika na hitsapany ny tena maha-izy ny faniriantsika. Rehefa nangataka araka ny teniny isika, dia tokony hino ny teny fikasany sy hivavaka lalandava amim-paharetana." - *Henoinareo ny Fanohanara, t. 118.*

**Fifadian-kanina**

Asao ireo rehetra manatrika ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka mba hanao fifadian-kanina manokana, toy ny tsy fijerena fahitalavitra, tsy fihainoana hiran'izao tontolo izao, tsy fijerena sary

mihetsika, tsy fampiasana “internet”, tsy fihinanana vato mamy na koa fifadiana karazan-tsakafo hafa izay saro-devonina. Atokany ny ampaham-potoana tombony ho an’ny vavaka sy fianarana ny Baiboly, hangatahana an’Andriamanitra hanampy anao sy ireo mpivory miaraka aminao mba hiorina tanteraka eo amin’i Kristy. Amin’ny fanarahana fomba fisakafoana tsotra, dia hisokatra ny sain’ny tsirairay ao amin’ny vondrona mba ho vonona hatrany handray ny feon’ny Fanahy Masina.

**Ny Fanahy Masina**

Angataho ny Fanahy Masina haneho aminao ny fomba sy ny antony tokony hivavahanao ho an’ny fiainan’olona iray na ho an’ny toe-javatra iray manokana.

*"Tsy hoe tsy maintsy mivavaka fotsiny amin’ny anaran’i Kristy isika, fa amin’ny fibitsihan’ny Fanahy Masina koa. Izany dia manazava ny dikan’izay voalaza hoe: ‘Ny Fanahy no mifona amin’ny fitarainana tsy azo tononina.’ Mahafaly an’Andriamanitra ny mamaly fivavahana toy izany. Rehefa manonona vavaka amin’ny anaran’i Kristy amin-kafanam-po sy amin-kery isika, dia ao amin’io hery io indrindra no misy antoka avy amin’Andriamanitra fa hamaly ny fivavahantsika Izy, ‘mihoatra lavitra noho izay angatahintsika na heverintsika’."* - HF, t. 120.

**Fifanakaikezana**

Raha hanomboka fotoam-bavaka iombonana ianao, dia asao ny tsirairay hifanatona akaiky kokoa. Rehefa mifanatona akaiky kokoa ny olona ka manao faribolana, dia hiroborobo araka izany koa ny fanahin’ny firaisana, izay tena manan-danja tokoa ho an’ny vavaka iombonana. Raha miparitaka kosa ny olona ao amin’ny efitrano, dia manjary sarotra ny hihaino ny vavaka ataon’ny hafa.

**Firaketana an-tsoratra**

Ny fanaovana diarim-bavaka mandritra ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka dia mety ho fomba mahomby ho an’ny mpandray anjara rehetra mba handraisany ho an’ny tenany manokana ireo lohahevitra entina amim-bavaka isan’andro, sy hanaovany fanoloran-tena tanteraka ho an’Andriamanitra ary hahatsapany ireo fitahiana atolony ho azy ireo. Ny fanoratana ny vavaka sy ny firaketana an-tsoratra ireo valim-bavaka avy amin’Andriamanitra dia lalana azo antoka mitondra ho amin’ny fampaherezana.

Misy fomba maro karazany azo ampiasana ny firaketana an-tsoratra mandritra ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka, raha tianao izany. Azonao atao ny manokana fotoana ao anatin’ny fivoriam-bavaka, mba handraisan’ny olona an-tsoratra ao amin’ny diarim-bavaka azy manokana, ireo valim-bavaka nomen’Andriamanitra azy ireo. Na azonao atao ihany koa ny mitahiry diarim-bavaka iraisan’ny vondrona manokana izay ahitana ireo antom-bavaka sy valim-bavaka – mety ho boky kely firaketana (carnet), na taratasy lehibe iray, na amin’ny alalan’ny “internet”. Ny fomba tsotra indrindra hanatanterahana izany dia ny fanaovana tsipika iray lava be eo afovoan’ny taratasy. Soraty eo amin’ny ilany an-kavia ny antom-bavaka, ary eo amin’ny lafiny an-kavanana kosa ny valim-bavaka. Mahavelom-bolo tokoa sy mampiorina ny finoantsika indrindra ny manao jeritodika ny amin’ireo fomba namalian’Andriamanitra ny vavaka nataontsika!

**Fiankohofana**

Ampirisiho sy asehoy ny toetra feno fiankohofana. Manatona ny efitra fiandrianan'ny Mpanjakan'izao tontolo izao isika. Koa aoka ho feno fitandremana fatratra mandritra izany fotoam-bavaka izany, eo amin'ny fihetsika sy ny fombafombantsika. Na izany aza, tsy ilaina ny fandohalehana mitohy maharitra. Tianao ny hahatsapan'ny be sy ny maro filaminana mandritra ny ora iray, noho izany, asao izy ireo handohalika na hipetraka na koa hitsangana araka izay hitarihan'Andriamanitra azy ireo sy araka izay tsapany fa mampilamina azy.

**Tonom-bavaka**

Tokony ho fohy sady mivantana ny vavaka. Mahatonga ny hafa hanana tombontsoa hivavaka koa izany. Ezaho fehezina anaty fehezan-teny vitsivitsy ny vavaka ataonao. Azon'ny tsirairay atao ny mivavaka imbetsaka. Mihazona ny fotoam-bavaka ho mahaliana hatrany ny fanaovana tonom-bavaka fohy ary aoka ny Fanahy Masina hikasika ny fon'ny vondrona amin'ny fomba fivavaka. Tsy voatery atomboka na faranana amin'ny hoe "Ry Andriamanitra malala" na "Amena" ny vavaka fohy tsirairay atao. Resaka mitohy atao amin'Andriamanitra izany.

**Fahanginana**

Amin'ny maha-mpitarika anao, dia aoka tsy hohazoninao irery ny fotoana. Ny tanjona dia ny mba hamelana ny hafa koa hivavaka. Sarobidy ny fotoam-pahanginana, satria manome fotoana hitenenan'Andriamanitra ireny. Avelao ny Fanahy Masina hiasa ary omeo fotoana kosa ny tsirairay hivavaka.

**Fihirana**

Ny hira ataon'olom-bitsy tsindraindray eny afovoan'ny vavaka dia mandravaka ny fiaraha-mivavaka. Ahitana lisitry ny hira mifandraika amin'ny fotoana, ao amin'ny pejy faran'ny taratasy mirakitra ireo lohahevitra. Tsy voatery hampiasa ireo hira rehetra voarakitra ao ianao – soso-kevitra fotsiny ihany ireo. Ny fihirana hira dia fomba tsara ihany koa entina manelanelana vavaka roa samy hafa.

**Fandraisana Antom-bavaka**

Aoka tsy hanontany ireo antom-bavaka avy amin'ny vondrona, fa avy hatrany dia lazao ny mpivory hitondra amim-bavaka ireo antom-bavany ary asao ny hafa hifanatona ka hitondra amim-bavaka ireo antom-bavaka miaraka. Ny anton'izany dia ny fotoana! Ny firesahana ireo antom-bavaka dia manjary handany ny ampahany betsaka eo amin'ny fotoananareo. Velom-bolo i Satana raha toa ka azony atao ny mihazona antsika ho variana miresaka ireo olana miseho, toy izay hivavaka ho azy ireny. Mazàna dia atomboky ny vondrona amin'ny fizaràna torohevitra ahitana vahaolana ny fotoana. Andriamanitra no tompon'ny hery! Arakaraka ny hivavahantsika, no hipoahan'ny heriny.

**Ny Tontolo Andronao**

Zava-dehibe tokoa izany! Aoka ho azonao antoka, amin'ny maha-mpitarika anao, fa mandany fotoana betsaka eo an-tongotr'i Jesôsy ianao, miresaka Aminy sy mamaky ny Teniny. Raha raisinao ho lohalaharana eo amin'ny fiainanao ny fahafantarana an'Andriamanitra, dia hanokatra fanandramana mamy ho anao izany.

*"Avy tao amin'ny toeram-pivavahana mangina no niavian'ny hery izay nanozongozona an'izao tontolo izao tamin'ny andron'ny Refôrmasiona lehibe. Tamin'ireny toerana ireny no nametrahan'ireo mpanompon'i Jehovah ny tongony tambonin'ny vatolampin'ny teny fiksany."* - HM, t. 214.

## Ireo Teny Fikasana Takina Amim-Bavaka

**Teny Fikasana ny amin'ny Fanahy Masina**

*"Mangataha ranonorana amin'i Jehovah hianareo amin'ny andro fara-orana, dia amin'i Jehovah, Izay manao ny helatra; ranonorana mivatravatra no homeny azy, eny, samy homeny ny zava-maitso any an-tsaha ireny."* - Zak. 10:1

*"Koa raha hianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy?"* - Lio. 11:13

*"Fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako. Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo (…) Ary raha tonga Izy, dia hampiaiky izao tontolo izao ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana."* – Jao. 14:26; 16:8

*"Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria Izaho mankany amin'ny Ray. Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka. Raha mangataka zavatra amiko amin'ny anarako hianareo, dia hataoko izany."* – Ja. 14:12-14.

*"Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy Jehovah, Tompon'ny maro."* - Zak. 4:6.

**Teny Fikasana fa Hamaly Vavaka Andriamanitra**

*"Raha miray amiko hianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany."* – Jao. 15:7

*"Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindrampo sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'izay andro mahory."* - Heb. 4:16

*"Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray hianareo, dia ho azonareo izany."* – Mar. 11:24

*"Antsoy Aho amin'ny andro fahoriana, dia hamonjy anao Aho, ka hanome voninahitra Ahy hianao."* - Sal. 50:15.

*"Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky etỳ ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany."* - Mat. 18:19.

*"Ary na inona na inona no angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana dia ho azonareo."* - Mat. 21:22.

*"Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka. Raha mangataka zavatra amiko amin'ny anarako hianareo, dia hataoko izany."* – Jao. 14:13,14.

*"Ary amin'izany andro izany dia tsy hanontany Ahy na inona na inona hianareo; lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa na inona na inona hangatahinareo amin'ny Ray dia homeny anareo amin'ny anarako izany. Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin'ny anarako hianareo; mangataha, dia hahazo hianareo, mba ho tanteraka ny fifalianareo."* – Jao. 16:23,24.

*"Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy; ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona no angatahintsika, dia fantatsika fa azontsika izay angatahintsika aminy."* - 1 Jao. 5:14,15.

**Teny Fikasana ny amin'ny Herin'Andriamanitra**

*"Fa moa misy zavatra mahagaga izay tsy hain'i Jehovah va?"* - Gen. 18:14.

*"Jehovah hiady ho anareo, fa hianareo kosa hangina."* - Eks. 14:14.

*"Raha amin'ny olona, dia zavatra tsy hainy izany; fa tsy mba tahaka izany amin'Andriamanitra; fa ny zavatra rehetra dia hain'Andriamanitra."* – Mar. 10:27.

*"Mahatoky Izay miantso anareo, sady Izy ihany no hanefa izany."* - 1 Tes. 5:24.

*"Fantatro fa hainao avokoa ny zavatra rehetra, ary tsy azo ferana ny fisainanao."* - Jôba 42:2.

*"Raha amin'ny olona, dia zavatra tsy hainy izany; fa tsy mba tahaka izany amin'Andriamanitra; fa ny zavatra rehetra dia hain'Andriamanitra."* - Mar. 10:27.

*"Inona àry no holazaintsika ny amin'izany zavatra izany? Raha Andriamanitra momba antsika, iza no hahatohitra antsika? Izay tsy niaro ny Zanani-lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra?"* - Rôm. 8:31,32.

*"Andriamanitra tsy mba olona ka handainga, na zanak'olombelona ka hanenina; moa efa nilaza va Izy, ka tsy hefainy? na efa niteny va Izy, ka tsy hotoviny?"* - Nom. 23:19.

*"Tsy fantatrao va? Tsy efa renao va fa Andriamanitra mandrakizay Jehovah, izay namorona ny faran'ny tany? Tsy mba mety ho reraka na sasatra Izy; Tsy takatry ny saina ny fahalalany. Mampahatanjaka ny reraka Izy, ary izay kely hery dia omeny hery be. Na dia ny tanora fanahy aza dia ho reraka sy ho sasatra, ary na dia ny zatovo aza dia mety ho tafintohina mafy; Fa izay miandry an'i Jehovah dia mandroso hery kosa; Elatra no hiakarany tahaka ny voromahery; Hihazakazaka izy, nefa tsy ho sasatra; Handeha izy, nefa tsy ho reraka."* - Isa. 40:28-31.

**Teny Fikasana ny amin'ny Fitarihan'Andriamanitra**

*"Tsy efa nandidy anao va Aho? Koa mahereza sy matanjaha; aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao."* – Jos. 1:9.

*"Ary, indro, Izaho momba anao ka hiaro anao amin'izay lalan-kalehanao rehetra ary hampody anao indray ho amin'ity tany ity; fa tsy handao anao Aho mandra-panaoko izay voalazako taminao."* - Gen. 28:15.

*"Indro, Izaho maniraka Anjely eo alohanao hiaro anao any an-dalana sy hitondra anao ho any amin'ny fitoerana izay namboariko."* - Eks. 23:20

*"Kanefa any ianao no hitady an'i Jehovah Andriamanitrao ka hahita Azy, raha mitady Azy amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra."* - Deo. 4:29.

*"Antsoy Aho, dia hovaliako hianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao."* - Jer. 33:3.

*"Aoka hasandratra ny lohasaha rehetra, aoka haetry ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra; Aoka ny be havoana ho tonga lembalemba, ary ny tany saro-dàlana ho tonga lemaka; Dia hiseho ny voninahitr'i Jehovah, ary ny nofo rehetra hiara-mahita izany; Fa ny vavan'i Jehovah no efa niteny."* - Isa. 40:4,5.

*"Hanome saina anao sy hampianatra anao izay lalan-kalehanao Aho; hitsinjo anao ny masoko ka hanolotsaina anao Aho."* - Sal. 32:8.

*"Ary Jehovah no mandeha eo alohanao; ary Izy no hiaraka aminao; tsy handao anao na hahafoy anao Izy; koa aza matahotra na mivadi-po hianao."* - Deo. 31:8.

*"Iza no lehilahy matahotra an'i Jehovah? Izy no hampianariny izay lalana tokony hofidiny."* - Sal. 25:12.

*"Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao; maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny lalanao."* - Ohab. 3:5,6.

*"Ary afoinao ho an'ny noana izay hanina tianao, ka mahavoky ny ory hianao, dia hiposaka ao amin'ny maizina ny fahazavanao, ary ny aizim-pitonao ho tahaka ny mitataovovonana; Ary Jehovah hitari-dàlana anao mandrakariva sady hahavoky ny fanahinao ao amin'ny tany karankaina aza sy hampahatanjaka ny taolanao; dia ho tahaka ny saha vonton-drano hianao sy ho tahaka ny loharanao miboiboika izay tsy mety ritra."* - Isa. 58:10,11.

*"Raha tsy mbola miantso aza izy dia hamaly Aho; ary raha mbola miteny izy, dia hihaino Aho."* - Isa. 65:24.

**Teny Fikasana ny amin'ny Fo Vaovao**

*"Ary homeko fo hahalalany Ahy ho Jehovah izy; dia ho oloko izy, ary Izaho kosa ho Andriamaniny; fa hiverina amiko amin'ny fony rehetra izy."* - Jer. 24:7.

*"Dia hoforan'i Jehovah Andriamanitrao ny fonao sy ny fon'ny taranakao hitiavanao an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra, mba ho velona hianao."* - Deo. 30:6.

*"Ary homeko fo vaovao hianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin'ny nofonareo ny fo vato, ka homeko fo nofo ianareo."* - Jer. 36:26.

*"Ary matoky indrindra aho fa Izay nanomboka asa tsara ao anatinareo no hahatanteraka izany mandra-pihavin'ny andron'i Jesôsy Kristy."* - Fil. 1:6.

*"Efa nomen'ny herin'Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny toe-panahy araka an'Andriamanitra amin'ny fahalalana Ilay niantso antsika tamin'ny voninahiny sy ny fahatsarany, ary izany no nahatanterahany amintsika ireo teny fikasana sady soa no lehibe indrindra, mba ho tonga mpiray amin'ny fomban'Andriamanitra amin'izany hianareo, rehefa afa-nandositra ny fahalotoana izay eo amin'izao tontolo izao noho ny filàna."* - 2 Pet. 1:3,4.

*"Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo."* - 2 Kôr. 5:17.

*"Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy."* - Gal. 2:20.

*"Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesôsy Kristy Tompontsika. Mahatoky Izay miantso anareo, sady Izy ihany no hanefa izany."* - 1 Tes. 5:23,24.

**Teny Fikasana ny amin'ny Famelan-keloka**

*"Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny."* - 2 Tant. 7:14.

*"Voaisotrao ny heloky ny olonao, Voasaronao ny fahotany rehetra."* - Sal. 85:2.

*"Fa Hianao, Tompo ô, no tsara sady mamela heloka ary be famindram-po amin'izay rehetra miantso Anao."* - Sal. 86:5.

*"Ary raha mitsangana mivavaka hianareo, ka misy olona anananareo alahelo, dia mamelà ny helony, mba havelan'ny Rainareo Izay any an-danitra kosa ny helokareo."* – Mar. 11:25.

*"Ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy hianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy."* - Efes. 4:32.

*"Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra."* - 1 Jao. 1:9.

*"Avia ary hifandahatra isika, hoy Jehovah: Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, dia ho fotsy tahaka ny oram-panala, na dia mangatrakatraka tahaka ny sily aza, dia ho tahaka ny volon'ondry fotsy."* - Isa. 1:18.

*"Izaho dia Izaho no mamono ny fahadisoanao noho ny amin'ny tenako, ary tsy hotsarovako ny fahotanao."* - Isa. 43:25.

*"Fa havelako ny helony, ary tsy hotsarovako intsony ny fahotany."* - Jer. 31:34.

*"Izy no ananantsika fanavotana amin'ny ràny, dia ny famelana ny fahadisoantsika, araka ny haren'ny fahasoavany."* - Efes. 1:7.

**Teny Fikasana ny amin'ny Fandresena ny Ota**

*"Fa izay rehetra naterak'Andriamanitra dia maharesy izao tontolo izao; ary ny fandresena izay enti-maharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika."* - 1 Jao. 5:4.

*"Kanefa amin'izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'ilay tia antsika."* - Rôm. 8:37.

*"Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika."* - 1 Kôr. 15:57.

*"Aza matahotra hianao, fa momba anao Aho; ary aza miherikerika foana, fa Izaho no Andriamanitrao; mampahery anao Aho sady mamonjy anao; eny, mitantana anao amin'ny tanana ankavanan'ny fahamarinako Aho."* - Isa. 41:10.

*"Ary ho fanampin'izany rehetra izany dia tano ny finoana ho ampinga, izay hahazoanareo hamono ny zanatsipìka mirehitra rehetra izay alefan'ilay ratsy."* - Efes. 6:16.

*"Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy."* - Gal. 2:20.

*"Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony."* - Fil. 2:13.

*"Fa hoy izaho: Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo hianareo."* - Gal. 5:16.

*"Fa Andriamanitry ny fiadanana hanorotoro an'i Satana faingana eo ambanin'ny tongotrareo. Ho aminareo anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika."* - Rôm. 16:20.

*"Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina."* - Rôm. 12:2.

*"Aza tia izao tontolo izao, na izay zavatra eo amin'izao tontolo izao. Raha misy olona tia izao tontolo izao dia tsy ao anatiny ny fitiavana ny Ray."* - 1 Jao. 2:15.

**Teny Fikasana ny amin'ny Fanasitranana**

*"Ka hoy Izy: Raha hazoto hihaino ny feon'i Jehovah Andriamanitrao hianao ka hanao izay mahitsy eo imasony sy hihaino ny lalàny ary hitandrina ny didiny rehetra, dia tsy hisy hataoko aminao ireny aretina rehetra ireny, izay nataoko tamin'ny Egyptiana; fa Izaho no Jehovah Izay mahasitrana anao."* - Eks. 15:26.

*"Ary hifamatra amin'ny andronao ny fiadananao."* - Deo. 33:25.

*"Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko; ary aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra, Izay mamela ny helokao rehetra, Izay manasitrana ny aretinao rehetra, Izay manavotra ny ainao tsy hidina any an-davaka, Izay manarona famindrampo sy fiantrana anao, Izay mahavoky soa ny vavanao; ny fahatanoranao mody indray toy ny an'ny voromahery."* - Sal. 103:2-5.

*"Aza manao anao ho hendry; matahora an'i Jehovah, ka mifadia ny ratsy. Dia ho famelombelomana ny nofonao izany sy ho fanamandoana ny taolanao."* - Ohab. 3:7,8.

*"Natao tsinontsinona sy nolavin'ny olona Izy; lehilahy ory sady zatra ny fahoriana, ary tahaka izay tsy tian'ny olon-kojerena akory Izy; natao tsinontsinona Izy ka tsy mba nahoantsika. Nitondra ny aretintsika tokoa Izy sady nivesatra ny fahoriantsika; kanjo isika kosa nanao azy ho nokapohina sy nasian'Andriamanitra ary nampahorina. Nefa Izy dia voalefona noho ny*

*fahadisoantsika sy notorotoroina noho ny helotsika, ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika."* - Isa. 53:3-5.

*"Jehovah ô, sitrano aho, dia ho sitrana; vonjeo aho, dia ho voavonjy; fa Hianao no fiderako."* - Jer. 17:14.

*"Fa hotanterahiko ny fanasitranana anao, eny, hositraniko ny faharatranao, hoy Jehovah."* - Jer. 30:17.

*"Dia, indro, hotanterahiko tokoa ny fanasitranana azy, eny, hositraniko izy, ary hasehoko aminy ny haren'ny fiadanana sy ny fahamarinana."* - Jer. 33:6.

*"Ary hiposaka aminareo, izay matahotra ny anarako, ny Masoandron'ny fahamarinana, manana fanasitranana ao amin'ny tànany; ary hivoaka hianareo ka hifalihavanja toy ny zanak'omby mifahy."* - Mal. 3:20.

*"Misy marary va eo aminareo? Aoka izy hampaka ny loholon'ny fiangonana; ary aoka hanosotra diloilo azy amin'ny anaran'ny Tompo ireo sady hivavaka eo aminy; ary ny fivavaky ny finoana dia hamonjy ilay marary, fa ny Tompo hanangana azy; ary raha nanota izy, dia havela ny helony."* - Jak. 5:14,15.

**Teny Fikasana ny amin'ny Hery Hoenti-Manatanteraka ny Sitrapon'Andriamanitra**

*"Miandrasa an'i Jehovah hianao; matokia, ary aoka hahery ny fonao; eny, miandrasa an'i Jehovah."* - Sal. 27:14.

*"Ary tsy ketraka izahay; fa na dia mihalevona aza ny toetray ivelany, dia havaozina isan'andro isan'andro kosa ny toetray anatiny. Fa ny fahorianay maivana, izay vetivety foana, dia mainka miasa fatratra indrindra ka mahatanteraka voninahitra mavesatra maharitra mandrakariva ho anay, raha tsy mijery ny hita izahay, fa ny tsy hita; fa ny hita dia ho vetivety foana, fa ny tsy hita no haharitra mandrakizay."* - 2 Kôr. 4:16-18.

*"Ary aza mba ketraka amin'ny fanaovan-tsoa isika; fa amin'ny fotoan'andro no hijinjantsika, raha tsy reraka isika."* - Gal. 6:9.

*"Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin'ilay mampahery ahy*." - Fil. 4:13.

*"Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony."* - Fil. 2:13.

*"Nefa hoy Izy tamiko; Ampy ho anao ny fahasoavako; fa ny heriko. dia tanterahina amin'ny fahalemena. Koa mainka sitrako ny hirehareha amin'ny fahalemeko, mba hitoeran'ny herin'i Kristy amiko."* - 2 Kôr. 12:9.

**Teny Fikasana ny amin'ny Hahatonga Antsika ho Vavolombelon'Andriamanitra**

*"Aza matahotra na mangovitra hianareo; tsy efa nampandre anareo hatramin'ny fahiny va Aho ka nanambara taminareo? Eny, hianareo no vavolombeloko; misy Andriamanitra afa-tsy Izaho va? Tsia, tsy misy Vatolampy, tsy hitako izany."* - Isa. 44:8.

*"Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitr'i Jehovah efa miposaka aminao."* - Isa. 60:1.

*"Fa izany rehetra izany dia avy amin'Andriamanitra, Izay nampihavana antsika taminy amin'ny alalan'i Kristy sady nanome anay ny fanompoana fampihavanana."* - 2 Kôr. 5:18.

*"Fa hoy Jehovah tamiko: Aza manao hoe: Mbola zaza aho; fa handeha amin'izay rehetra hanirahako anao hianao, ary izay rehetra handidiako anao no hambaranao."* - Jer. 1:7.

*"Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany."* - Asa. 1:8.

*"Fa hianareo kosa dia taranaka voafidy, fanjaka-mpisorona, firenena masina, olona nalain'Andriamanitra ho an'ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran'ilay niantso anareo hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga."* - 1 Pet. 2:9.

*"Fa manamasìna an i'Kristy ho Tompo ao am-ponareo; ary aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin'ny fahalemem-panahy sy ny fanajana."* - 1 Pet. 3:15.

# Alim-bavaka

## Alim-bavaka Azo Isafidianana ho an'ny Andro faha-10

## Nahoana no Manao Alim-bavaka?

Tsy misy zava-masina tahaka ny mandany ny alina manontolo na ny ampahany amin'izany amim-bavaka. Kanefa, ny alina ihany no hany fotoana izay tsy maha-seriny sady mampirotoroto ny olona. Inoanay fa ny tsy hitazona ny olona handany ny alina manontolo no tanjonao, fa ny hivavaka kosa arakaraka ny maha-ilaina izany sy mandra-pahatapitry ny antom-bavaka rehetra izay tsapanao fa tian'Andriamanitra hoentinao amim-bavaka.

Manoro hevitra izahay mba ho olona maromaro no hitarika ny fotoana mandritra ny alina. Aoka tsy hataonao ambanin-javatra ny fotoana fiatoana fakan-drivotra. Amin'ny maha-mpitarika anao, dia afaka mahatsapa ny rivotra iainan'ny vondrona ianao, ka hahalala ny fotoana tokony hisian'ny fiatoana sy ny fotoana tokony hanohizana ny fizaràna manaraka amin'ny fotoam-bavaka. Manoso-kevitra anao izahay mba hanome fiatoana mandritra ny 10 minitra fara fahakeliny isaky ny adiny iray sy sasany. Azonao ampidirina ao amin'ny fotoam-bavaka ihany koa ny famakiana andalana avy ao amin'ny Baiboly. Mety ho tianao ny hanatanteraka ny lohahevitra rehetra natolotra na koa ny ampahany amin'izany, miankina amin'izay mahasoa sy tsara indrindra ho an'ny vondrona misy anao. Aza misalasala ny hanova ny filaharan'ny fandaharam-potoana.

Indro ny fandaharam-potoana arosonay ho an'ny alim-bavaka:

- ❑ Atombohy amin'ny fotoam-piderana. Derao Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka sy ny hira.

- ❑ Manokàna fotoana ho an'ny fiaiken-keloka, hahazoanao antoka fa tsy misy na inona na inona tonga sakana ka tsy handrenesan'Andriamanitra anao. Omeo fotoana ny olona mba hiaikeny heloka manokana, sy ho an'ny fiaiken-keloka faobe ihany koa. Ampirisiho ny olona hiaiky mangina ireo fahotany manokana ary hiaiky ampahibemaso ireo fahadisoana vita ampahibemaso. Hitantsika ao amin'ny Dan. 9:1-19 ny nanandratan'i Daniela vavaka fanelanelanana sy fiaiken-keloka ampahibemaso noho ny fahotan'ny vahoakan' Andriamanitra. Ampirisiho ny olona hiaiky ampahibemaso ny fahotan'ny fiangonana.

- ❑ Mivavaha ho an'izay rehetra ilain'ny olona tonga manatrika ny fivoriam-bavaka. Olona maratra am-po, na mila vavaka, na mahafantatra olona hafa izay tena mila vavaka fatratra. Manaova faribolana, dia mametraha seza eo afovoany ka asao izay rehetra manana antom-bavaka manokana handroso tsirairay ka hizaràna izany. Aorian'izay dia asao ny be sy ny maro hanodidina ilay olona hanaovana vavaka, ary miangavia olona roa na telo hivavaka ho an'ireo filana manokana sy hitaky ireo teny fikasan'Andriamanitra ho azy ireo. Ho talanjona ianao hahita ireo olona maro anaty ratram-po sy mila vavaka tokoa.

- ❑ Zarao ho antoko roa ny vondrona. Asao ny vehivavy hiara-mivavaka anaty efitra iray ary lehilahy ao amin'ny efitra hafa. Manendre vehivavy iray ho mpitarika ny antokon'ny vehivavy ary lehilahy iray ho an'ny antokon'ny lehilahy. Matetika dia misy filàna manokana izay tsy azo sy tsy tokony hambara amin'ny hafa. Mora kokoa anefa ny hizaràna izany amin'ny olona mitovy amin'ny tena.

- ❑ Rehefa miverina miaraka indray ianareo dia mivavaha ho an'ireo filàna voatanisa eto ambany.

- ❑ Mivavaha ho an'ireo olona fito izay efa nentinao tamim-bavaka nandritra ny folo andro.

- ❑ Misafidiana andininy ao amin'ny Baiboly ary mivavaha ho an'izany.

- ❑ Farano amin'ny fotoam-piderana sy fisaorana ny fotoam-bavaka.

**Antom-bavaka**

• Mivavaha ho an'ireo mpitarika ny fiangonana (ny mpitandrina ny fiangonana misy anao, ireo mpitarika ny federasiona misiona, fivondronambe (union), diviziona ary ny fiobe maneran-tany) mba ho fenon'ny Fanahy Masina izy ireo ary mba ho tafatoetra ao amin'i Kristy.

• Mivavaha mba ho tafaray amin'ny fahamarinana sy amin'ny Fanahy ny fiangonana. Mivavaha mba hahatonga ny fiangonana sy ny fikambanana hafa rehetra ho feno fanoloran-tena tanteraka amin'ny fitoriana ny hafatry ny anjely telo ao amin'ny Apôk. 14 sy ny hafatry ny anjely fahefatra ao amin'ny Apôk. 18.

• Mivavaha ho an'ny mambra rehetra, ny federasiona, ny fivondronambe, ny sehatr'asa maro samy hafa, ny diviziona ary ny foibe maneran-tany mba hanana fijery mitohy sy mifantoka amin'ny "Fifohazana sy Fanavaozana". Mifantoha manokana ihany amin'ny "Fifohazana sy Fanavaozana" ho an'ny tenanao manokana, ny fianakavianao sy ny fiangonanao ary ny fiarahamonina misy anao. Mivavaha mba hahatonga ny olona hirotsaka tanteraka ao amin'ny ezaka "Iray amin'ny alalan'ny Vavaka", ka hangataka ny ranonorana farany dia ny Fanahy Masina sy ny fahatanterahan'ny voalaza ao amin'ny Joe. 2 sy Hôs. 6 ary ny Asa. 2.

• Mivavaha mba hanomezan'ny isam-batan'olona sy ny fiangonana maneran-tany lanja mitohy hatrany ny famakiana sy ny fanarahana isan'andro ny Baiboly amin'ny alalan'ny ezaka "Inoy ny Mpaminany", izay mampivoitra manokana ny famakiana sy ny fianarana ny Baiboly sy ny Fanahin'ny Faminaniana.

• Mivavaha ho an'ny mpitarika ny fiangonana tsirairay maneran-tany, mba hampifantoka tanteraka ny fomba fijeriny amin'ny zava-panahy sy ny fitoriana ny filazantsara. Mangataha amin'ny Tompo mba hiarovana ireo mpitandrina sy ny mambran'ny fiangonana tsy hanary ny maha-ara-paminaniana antsika Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, dia ilay fiangonana sisa an'Andriamanitra amin'izao andro farany izao.

• Mivavaha ho an'ny mpitarika ny fiangonana rehetra miaraka amin'ny mambra mba hananan'izy ireo toetra vonona sy fahatsapana fa miaina amin'ny andro farany tokoa isika izao ary tsy ho ela dia ho avy i Jesôsy araka izay voalaza intelo ao amin'ny Apôk. 22.

• Mivavaha mba hanokanantsika bebe kokoa ny fotoantsika amin'ny zavatra maharitra mandrakizay, amin'ny alalan'ny fianarana ny Baiboly sy ny vavaka, ka hamela an'Andriamanitra hitarika ny olony araka ny sitrapony fa tsy araka ny sitrapontsika. Izany dia hanampy antsika hitoetra akaiky kokoa an'Andriamanitra ary hahatonga ny herin'Fanahy Masina ho afaka hanova ireo fironana araka izao tontolo izao, izay loza manambana ho an'ny fiangonan'Andriamanitra sy ny fiainantsika isan'andro.

• Mivavaha mba hananana fo feno fankasitrahana, sy fankatoavana feno ny asa soratra voarakitra ao amin'ny Fanahin'ny Faminaniana amin'ny maha-azo ampiarana izany eo amin'ny fiainantsika ankehitriny. Mivavaha mba hananan'ny mpitarika ny fiangonana sy ny mambra rehetra fahazotoana hampiasa isan'andro ireo fitaovana ireo.

• Mivavaha mba hananantsika fijery mifantoka feno eo amin'i Kristy sy ny asa nataony ho antsika nandritra ny fiainany teto an-tany, ny fahafatesany teo ambony hazo fijaliana, ny nitsanganany tamin'ny maty ny asa fanompoana ataony ho antsika ankehitriny ao amin'ny Efitra Masina Indrindra any an-danitra ary ny fiverenany tsy ho ela fanindroany.

• Mivavaha ho an'ny mambran'ny fiangonana rehetra sy ireo mpitarika mba hananan'izy ireo fahalianana sy fanohanana bebe kokoa ny fanabeazana advantista, mba ho tena fanabeazana marina araka ny maha-Andvantista Mitandrina ny Andro Fahafito izany, amin'ny antsakany sy andavany.

• Mivavaha mba hananana fahalianana mitombo hatrany amin'ny fandinihana ny bokin'i Daniela sy Apôkalipsy.

• Mivavaha mba hahatakaran'ny olona ny asa fanompoana ao amin'ny fitoerana masina ka hitoriany izany amin'ny maha-fomba tsara indrindra hanehoana ny asam-pamonjena.

• Mivavaha mba ho tanteraka ao amin'ny fiangonana ny fitiavan'Andriamanitra.

• Mivavaha ho an'ny fanomezan-danja lehibe ny foto-pampianarana ara-Baiboly mikasika ny famoronana – fa ny tanintsika dia noforonina tao anaty enina andro ara-bakiteny, tamin'ny alalan'ny tenin'ny Tompo.

• Mivavaha ho an'ny fanohanana goavana sy mitohy ireo tanora Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito izay mianatra any amin'ny sekolim-panjakana. Mivavaha mba ho tonga misiônera mavitrika izy ireo, izay hanompo ny hafa eny anivon'ireny anjery manontolo sy kôlejy manerantany ireny.

• Mivavaha ho an'ny fiaraha-miasa mafy orina sy ny firaisana eo amin'ny isam-piangonana ary ny fanohanana ireo asa fanompoana eo amin'ny fitoriana ny filazantsara izay ataon'ny fiangonantsika.

• Angataho ny Tompo mba hanolokolo sy hanome mpitarika ny fiangonana feno ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, ho fianarana ary feno fanetren-tena, mba ho ohatra haneho ny tena fitarihana marina miorina eo amin'i Kristy, eo am-panatanterahan'ny fiangonany ny iraka avy any an-danitra dia ny hitory amin'izao tontolo izao ny hafatry ny anjely telo miaraka amin'ny fahamarinan'i Kristy ho fototra.

• Mivavaha mba ho tsapan'ireo mambran'ny fiangonana sy ny olona rehetra ny maha-zava-dehibe ny fanavaozana ara-pahasalamana, amin'ny maha-hiaka lehibe iray azy ho famerenana indray ny olombelona ho araka ny endrik'Andriamanira, amin'ny alalan'ny fahamarinan'i Kristy. Mivavaha mba haneken'ny be sy ny maro ny fomba fiaina ara-pahasalamana sy ny fahalalana onony ary mba hitandroantsika ny vatantsika amin'ny maha-tempolin'ny Fanahy Masina antsika, ka hahafahantsika mandray misimisy kokoa ireo hevi-dehibe avy amin'Andriamanitra.

• Mivavaha ho an'ny drafitr'asa fitoriana filazantsara faobe any amin'ireo diviziona 13 sy ireo fivondronambe mifandraika aminy (Faritra Afovoany Antsinana / Moyen Orient sy ny Fivondronambe Afrika Avatra). Mivavaha mba hisian'ny fahombiazana amin'ny ezaka "Iraka eny an-tanàn-dehibe" sy ny fanatrarana ireo tanàna eny amin'ny faritra ambanivohitra.

• Mivavaha ho an'ny mambra tsirairay mba hahatsapa ny maha-adidy goavana ny famonjem-panahy, ary koa mba ho hitan'izy ireo tokoa fa ny lanitra dia miantso ny isam-batan'olona hanaraka ny dian-togotr'i Kristy sy hizara ny finoany.

• Mivavaha ho an'ny fampiasana araka ny tokony izy ny haino aman-jery tsirairay hoenti-mizara ny hafatry ny anjely telo amin'ny fomba vaovao ho an'ireo olona mirotoroto amin'izao vanin'andro ankehitriny izao.

• Mivavaha ho an'ny fandraisana anjara bebe kokoa amin'ny fitoriana ny filazantsara, avy amin'ny mambran'ny fiangonana sy ireo sehatr'asa hafa, ho fanohanana ny iraka tanterahin'ny fiangonana anketriny.

• Mivavaha ho an'ny fanorenana "ivon-toeram-pifandraisana (centres d'influence)" (fiangonana, tobim-pahasalamana, toeram-pitaizana zaza, toeram-pamakiam-boky, ivon-toerana fanaovana asa fitoriana eo amin'ny fiarahamonina, ivon-toerana ho an'ny tanora, toeram-pisakafoana ho an'ny tsy mihinan-kena, toeram-pitsaboana ary ny maro hafa koa), indrindra fa any amin'ireo tanàn-dehibe manerana ny tany. Ento amim-bavaka ihany koa mba hisy fahasamihafana goavana ho tsapa entin'ireo ivon-toerana ireo eo amin'ny fiainan'ny olona rehefa manao fanandramana ny amin'ny fahamarinan'Andriamanitra izy ireo amin'ny alalan'ireo asa fanompoana kristianina.

• Mivavaha mba hahazoana ny fahazavan-tsaina avy amin'Andriamanitra, hahafantarana ny fomba fiasan'i Kristy (asa fanompoana ara-pahasalamana feno), izay mitarika ny mambran'ny fiangonana hamaly ny hetahetan'ny olona ka hanaraka ny ohatr'i Kristy ny amin'ny fanompoana ny hafa.

• Ento amim-bavaka ny asa fitoriana filazantsara sy ny fijoroana ho vavolombelona hiarahan'ny lehilahy sy vehivavy ary ny ankizy madinika mpino advantista maneran-tany.

Mivavaha mba hanafiana antsika ny herin'ny Fanahy Masina raha milefitra eo ambany fitantanany isika eo amin'ny fiainantsika.

- Mangataha amin'ny Tompo ho an'ireo ankohonana advantista maro mitandrina ny andro fahafito, mba hahatonga azy ireny ho môdely haneho taratra ny fomba hitondran'i Kristy fiadanana sy fitiavana ao amin'ny isan-tokantrano ka manafoana ny fanararaotana sy ny rarintsaina amin'ny alalan'ny hery manamasin'ny fahamarinan'i Kristy sy mampitodika ny fijerin'ny rehetra ho amin'ny fiavian'i Jesôsy tsy ho ela ary ny fihaonan'ny ankohonon'Andriamanitra any an-danitra ho mandrakizay.

- Mivavaha ho an'ireo ankohonana maro tafasaraka ao amin'ny fiangonanao sy ny fiangonana maneran-tany.

- Mivavaha ho an'ny vondrona sy ny fiangonana tsirairay mba hisian'ny firaisana maneran-tany, izay mifototra amin'ny fankatoavana feno ny Tenin'Andriamanitra, vavaka feno fanetren-tena, ny herin'ny Fanahy Masina, ny fanajana ny sata/fomba fiasan'ny fiangonana ary ny fanoloran-tena feno amin'ny iraka manoloana ny fiangonana.

- Ento amim-bavaka ny hisian'ny fanetren-tena eo amin'ny fiainantsika, mba hahatonga antsika ho iray eo ambany fileferana amin'ny fitarihan'Andriamanitra. Mivavaha ihany koa ho an'ny dingana tsirairay ataon'ny fiangonana eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra hiombonana, sy ho an'ny fanekena izay rehetra tapaka mandritra ny fivoriana atao any amin'ny Foibe Maneran-tany.

- Mivavaha ho antsika mbamin'ireo tanorantsika rehetra mba ho voaaro amin'ny hery miasa manginan'izao tontolo izao, izay tsy mitsaha-mitombo hatrany. Mivavaha mba hananantsika fifantohana feno amin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny fanompoana ny hafa. Ento amim-bavaka ny fiangonana eo an-toerana mba hanana fahafoizana hanohana ny tanora manoloana ny iraka fitoriana filazantsara sy ireo tombontsoa maro hanaovana asa fanompoana.

- Mivavaha ho an'ny mambran'ny fiangonana rehetra mba hampiasa bebe kokoa ireo asasoratra kristianina. Ento amim-bavaka koa ny mba hisian'ny fanomezan-danja misimisy kokoa ny fitoriana amin'ny alalan'ny asasoratra, na amin'ny fanaovana dika mitovy an-taratasy izany, na amin'ny endrika elektrônika.

- Ento amim-bavaka ny fanamafisana indray ny maha-zava-dehibe ny fanatrehana ny Sekoly Sabata, izay manome lanja ny firaisam-po, ny iraka, ny fianarana Baiboly ary ny fitoriana atao eo an-toerana.

- Ento amim-bavaka ny fanamafisana ny asa fitoriana ataon'ny tarika madinika, mba hahatonga ny mambra rehetra handray anjara amin'ny fijoroana ho vavolombelona ataon'ny tena manokana sy amin'ny fanambarana ilay fahamarinan'Andriamanitra lehibe indrindra amin'izao andro farany izao.

- Mivavaha mba hisian'ny fijery ambony kokoa mifantoka amin'ny asa fitoriana atao amin'ny alalan'ny haino aman-jery advantista, izay mitarika ho amin'ny fijoroana ho vavolombelona, sy ho amin'ny filazantsara mahafaobe manerana izao tontolo izao.




## Andro voalohany

## Ny Tena Ilaina Indrindra: Ny Fanahy Masina

*"Koa raha hianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka Aminy?"* - Lio. 11:13.

**Tari-dalana ho an'ny Fotoam-Bavaka**

***Fiderana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)***

- Atombohy amin'ny fiderana an'Andriamanitra, noho ny toetrany, ny fotoam-bavakao: Izy dia fitiavana, fahendrena, fahamasinana, sns.

- Misaora an'Andriamanitra, satria vonona tanteraka ny hanome anao ny fanomezana lehibe indrindra Izy, dia ny Fanahy Masina.

***Fiaiken-keloka sy Fangatahana ny amin'ny Fandresena ny Ota (tokony ho eo amin'ny 5 minitra)***

- Angataho Andriamanitra haneho aminao izay fahotana tokony hekenao mangina ao am-po. Mangataha ny fandresena avy Aminy, handresenao ireo ota ireo.

- Angataho Andriamanitra hamela ny helokao, noho ny tsy nankasitrahanao, araka ny tokony ho izy ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina. Angataho Izy hampitoetra ao anatianao ny hanoanana sy ny hetaheta handray ny Fanahy Masina.

- Misaora an'Andriamanitra noho ny namelany ny fahotanao, araka izay ambaran'ny 1 Jao. 1:9.

***Fitalahoana sy Fanelanelanana (tokony ho eo amin'ny 35 minitra)***

- Angataho Andriamanitra haneho aminao bebe kokoa ny amin'ny toetrany, mba hahalalanao Azy.

- Angataho Andriamanitra hanamboatra anao ho vonona ny hofenoina ny Fanahy Masina.

- Mivavaha ho an'ny ankohonanao sy ireo sakaizanao, mba hahatsapa izy fa mila ny Fanahy Masina.

- Moa misy zavatra izay manakana ny Fanahy Masina tsy hitoetra ao am-ponao ve? Ambarao amin'Andriamanitra izany.

- Mivavaha ho an'ireo mpitarika ny fiangonana (mpitandrina eo an-toerana, mpitarika ny federasiona, ny fivondronambe, ny diviziona ary ny foibe maneran-tany), mba hahitan'izy ireo fa mila ny Fanahy Masina izy ireo eo amin'ny fiainany.

- Mivavaha ho an'ny firaisan'ny fiangonana amin'ny fahamarinana sy ny Fanahy.

- Mivavaha ho an'ny mambra rehetra, ny federasiona, ny fivondronambe, ny sehatr'asa maro samy hafa, ny diviziona ary ny foibe maneran-tany mba hanana fijery mitohy sy mifantoka amin'ny "Fifohazana sy Fanavaozana". Mifantoha manokana ihany amin'ny "Fifohazana sy Fanavaozana" ho an'ny tenanao manokana, ny fianakavianao, ny fiangonanao ary ny fiarahamonina misy anao. Mivavaha mba hahatonga ny olona hirotsaka tanteraka ao amin'ny ezaka "Iray amin'ny alalan'ny Vavaka", ka hangataka ny ranonorana farany, dia ny Fanahy Masina sy ny fahatanterahan'ny voalaza ao amin'ny Joe. 2 sy Hôs. 6 ary ny Asa. 2.

- Mivavaha ho an'ny mambra tsirairay mba hahatsapa ny maha-adidy goavana ny famonjem-panahy, ary koa mba ho hitan'izy ireo tokoa fa ny lanitra dia miantso ny isam-batan'olona hanaraka ireo dian-togotr'i Kristy sy hizara ny finoany.

- Mivavaha mba hanomezan'ny isam-batan'olona sy ny fiangonana maneran-tany lanja mitohy hatrany ny famakiana sy ny fanarahana isan'andro ny Baiboly amin'ny alalan'ny ezaka "Inoy ny Mpaminaniny", izay mampivoitra manokana ny famakiana sy ny fianarana ny Baiboly sy ny Fanahin'ny Faminaniana.

- Iraka an-tanàn-dehibe - Ento amim-bavaka ny Diviziona Afrika Afovoany Andrefana sy ireo tanàna anaovan'izy ireo ezaka manokana ho an'i Kristy: Lagos, Douala, Calabar, Accra, Abuja, Lome. Mivavaha ihany koa ho an'ny Diviziona Azia Atsimo sy ireo tanàn-dehiba any Inda, izay anaovan'izy ireo ezaka ho an'i Kristy: Mumbai, Kochi, Bidar, New Delhi, Coimbatore, Surat, Imphal, Vijayawada. Mivavaha mba hitondra vokatra ny Tenin'Andriamanitra.

- Mivavaha ho an'ireo olona fito (na mihoatra) ao amin'ny lisitra nataonao, mba hahita valiny ny filan'izy ireo ary mba hanokatra ny fony ho an'ny Fanahy Masina izy.

- Mivavaha ho an'izay mety faniriana manokana ao anatinao.

***Fisaorana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)***

- Misaora an'Andriamanitra noho ny fanomezan'ny Fanahy Masina!

- Misaora an'Andriamanitra noho ny fomba fiasan'ny Fanahy Masina ao am-ponao.

- Misaora an'Andriamanitra noho ny fomba hamonjeny ireo fanahy maro ho an'ny fanjakany, mandritra ny 10 andro.

***Torohevitra ny amin'ireo hira azo hiraina***

"Jesôsy o, arotsahy" (Fihirana lah. 171); "O, Baboy 'zahay ho anao re" (Fihirana lah. 175); "Ry Fanahy Mpanazava (Fihirana lah. 176)"; "He, Injao mamelombelona" (Fihirana lah. 181); "Efa ivelomako" (Fihirana lah. 182); "Ry Fanahy Masina ô!" (Fihirana lah. 183); "Avia, Fanahy Masina o!" (Fihirana lah. 184); "Tomoera aminay" (Fihirana lah. 584).

**NY TENA ILAINA INDRINDRA: NY FANAHY MASINA**

*"Ary hoy izaho aminareo: Mangataha dia homena hianareo; mitadiava, dia hahita hianareo; dondòny, dia hovohana hianareo. Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay rehetra mitady no mahita; ary izay mandondòna no hovohana. Fa iza moa aminareo izay ray, raha angatahin'ny zanany mofo, no hanome azy vato? ary raha angatahiny atody, no hanome azy maingoka? Koa raha hianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka Aminy?"* - Lio. 11:9-13.

Ny herin'ny Fanahy Masina no ilaina. Misy fihetseham-po mifototra amin'ny fahafinaretan'ny tena manokana ao aminao sy eo amin'ny andian'ondrin'Andriamanitra, izay tsy maintsy potehina. Ny Fanahin'Andriamanitra dia hery mandresy lahatra. Rehefa iainan'ny fiangonana izany, dia hisy fiovana matotra eo amin'ny fahaiza-miasa mahomby ananany. Ny Tompo Andriamanitra dia vonona hanome, saingy maro kosa no tsy mahatsapa ny maha-zava-dehibe ny handraisana izany. Tonga malemy izy ireo, raha tokony hatanjaka; tsy manan-kery izy ireo, raha tokony hahazo hery avy amin'ny fahombiazan'ny Fanahy Masina. Manjavozavo ny fahazavany. Atsangano avy ao amin'ny fahatsapana fahafaham-pon'ny tenany manokana sy ny fanamarinan-tena izy ireo. - *Testimonies to Southern Africa, t. 69.*

*"Fa Izaho milaza ny marina aminareo; mahatsara anareo ny fialàko; fa raha tsy hiala Aho, dia tsy ho avy aty aminareo ny Mpananatra; fa raha handeha Aho, dia hirahiko ho aty aminareo Izy. Ary raha tonga Izy, dia hampiaiky izao tontolo izao ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana."* - Jao. 16:7,8.

Mila ny hery miasa manginan'ny Fanahy Masina, izay manalefaka sy mamonto ary manadio isika, mba hamolavola ny toetsika sy hitondra ny eritreritra tsirairay ho eo ambany fahefan'i Kristy. Ny Fanahy Masina no mahatonga antsika hahita fandresena, no mitarika antsika hipetraka eo an-tongotr'i Jesôsy, tahaka an'i Maria, ka hianatra ny fahamoram-pony sy ny fietren'ny fony. Ilaintsika ny hohamasinin'ny Fanahy Masina isan'ora mandritra ny andro, andrao dia ho rembin'ilay fahavalo isika, ary ho potika ny fanahintsika. - *God's Amazing Grace, t. 203.*

*"Fa raha tonga ny Fanahin'ny fahamarinana, dia Izy no hitari-dàlana anareo ho amin'ny marina rehetra; fa tsy hiteny ho Azy Izy, fa izay ho reny dia holazainy avokoa; ary ny zavatra ho avy aza dia hambarany aminareo. Izy hankalaza Ahy; fa handray avy amin'ny Ahy Izy ka hanambara izany aminareo. Izay rehetra ananan'ny Ray dia Ahy avokoa, koa izany no nilazako fa mandray avy amin'ny Ahy Izy ka hanambara izany aminareo."* - Jao. 16:13-15.

Ny fifohazana amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra marina no tena ilaintsika indrindra sy maika indrindra. Ny fikatsahana izany no tokony ho adidy imasoantsika voalohany indrindra. Tsy maintsy misy ezaka amin-kafanam-po lalina atao mba handraisana ny fitahiana avy amin'ny

Tompo, tsy hoe satria Andriamanitra dia vonona ny handrotsaka ny fitahiany ho amintsika, fa satria isika no tsy mbola vonona handray izany. Dodona Ilay Raintsika any an-danitra, hanome ny Fanahiny Masina ho an'izay mangataka Aminy, mihoatra noho ireo ray aman-dreny eto an-tany, manome fanomezan-tsoa ho an-janany. Kanefa, amin'ny alalan'ny fiaiken-keloka sy fanetren-tena ary vavaka mafana, dia anjarantsika ny mameno ny fepetra amin'ny fanomezan'Andriamanitra antsika ny fitahiana izay nampanantenainy. Ny fifohazana no hany antenaintsika amin'ny valim-bavaka. Raha tsy manana ny Fanahy Masin'Andriamanitra ny olona, dia tsy afaka ny hankasitraka ny toriteny avy amin'ny Soratra Masina; saingy rehefa mikasika ny fon'izy ireo ny herin'ny Fanahy, dia hisy vokany ny lahateny nomena. Amin'ny alalan'ny fampianaran'ny Tenin'Andriamanitra, miaraka amin'ny fisehoan'ny Fanahy Masina, amin'ny fampiasana ny feon'ny fisainana mazava, dia hahita fanandramana sarobidy ireo izay tonga manatrika ny fotoam-pivoriantsika. Ary rehefa mody izy ireo, dia ho vonona hanapariaka hery miasa mangina mahasoa. - *Selected Messages, boky 1, t. 121*.

Toa mbola zavatra ho avy no fijery ny firotsahan'ny Fanahy Masina amin'ny fiangonana; saingy tombontsoa ho an'ny fiangonana ny mahazo izany ankehitriny. Katsaho izany, mivavaha ny amin'izany, hinoy izany. Tsy maintsy mahazo izany isika, ary miandry ny handrotsahana izany ny lanitra. - *The Review and Herald, 19 Mar. 1895*.

Nampanantena ny fanomezan'ny Fanahy Masina ho an'ny fiangonany Kristy, ary ho antsika tahaka ny an'ny mpianatra voalohany ny teny fikasana. Tahaka ny teny fikasana rehetra anefa, dia misy fepetra ny hanomezana izany. Betsaka ny mino sy milaza ho mitaky ny teny fikasan'i Jehôvah; miresaka ny amin'i Kristy sy ny amin'ny Fanahy Masina izy, nefa tsy mandray tombontsoa. Tsy mampilefitra ny fanahy hotarihin'ireo fiasan'Andriamanitra sy hofeheziny izy. Tsy azontsika ampiasaina anefa ny Fanahy Masina. Ny Fanahy no tokony hampiasa antsika. Miasa ao amin'ny vahoakany Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fanahy *"na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony."* - Fil. 2:13. Betsaka anefa no tsy hilefitra amin'izany. Maniry ny hitondra ny tenany izy. Izany no antony tsy handraisany ny fanomezana avy any an-danitra. Izay miandry an'Andriamanitra amim-panetren-tena ihany, izay miambina mba handray ny fitarihany sy ny fahasoavany, no omena ny Fanahy. Miandry ny fangatahany sy ny fandraisan'izy ireo azy ny herin'Andriamanitra. Io fitahiana nampanantenaina io, rehefa takina amin'ny finoana, dia mitarika ny fitahina hafa rehetra manaraka azy. - *IFM, tt. 725, 726.*

**Fanontaniana Hoenti-Mandini-Tena**

1. Ny teny hoe mangataka (aiteo) ao amin'ny faran'ny and. 13 amin'ny Lio. 11, dia endriky ny fangatahana mitohy. Araka ny hevitrao, nahoana Andriamanitra no nampiasa io endri-teny io?

2. Moa misy zavatra manakana anao tsy hangataka isan'andro ny Fanahy Masina amin'Andriamanitra ve, mba hitoerany ao am-ponao sy eo amin'ny fiainanao? Hafoinao eo amin'Andriamanitra ve izany anio?




## Andro faharoa

## Ny Fanomezana Lehibe Indrindra ho an'Andriamanitra: Ny Tenantsika

*"Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany."* - Rôm. 12:1.

**Tari-dalana ho an'ny Fotoam-Bavaka**

***Fiderana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)***

• Atombohy amin'ny fiderana an'Andriamanitra, noho ny toetrany, ny vavaka ataonao: mahatoky Izy, mahalala ny zavatra rehetra, marina, sns.

• Miderà an'Andriamanitra noho ny faharetany niandry ny hanomezanao Azy ny fonao rehetra.

• Misaora an'Andriamanitra, satria tsy ny ampahany amin'ny fiainanao ihany no ilainy, fa ny talentanao mbamin'ny fahalemenao rehetra koa.

• Misaora an'Andriamanitra ny amin'ny fomba nampianarany anao hitoetra ao Aminy.

***Fiaiken-keloka sy Fangatahana ny amin'ny Fandresena ny Ota (tokony ho eo amin'ny 5 minitra)***

• Angataho Andriamanitra haneho aminao ny fahotana izay tokony hekenao ampahibemaso sy izay tokony hekenao mangina. Mangataha ny fandresena avy Aminy, handresenao ireo ota ireo.

• Angataho Andriamanitra hamela ny helokao, raha toa ka tsy mbola nanolotra ny fonao ho Azy isan'andro ianao.

• Angataho Andriamanitra hamela ny helokao noho ireo fotoana sy vola ary talenta izay nampiasainao ho an'ny tenanao manokana fa tsy ho Azy sy ho voninahiny.

- Misaora an'Andriamanitra noho ny namelany ny fahotanao, araka izay ambaran'ny 1 Jao. 1:9.

### *Fitalahoana sy Fanelanelanana (tokony ho eo amin'ny 35 minitra)*

- Angataho Andriamanitra hanaisotra izay rehetra mety ho sakana tsy hanoloranao ny fotoananao, ny volanao, ny tanjakao, ny fahaiza-manao anananao, ny tahotrao, ny fanantenanao ary ny sitraponao. Ambarao Azy fa tianao ny hanoloranao izay rehetra momba anao manontolo ho an'i Kristy.

- Angataho Andriamanitra mba hanampy anao hivavaka tahaka an'i Jesôsy, *"Aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao"* - Lio. 22:42.

- Moa misy zavatra manakana anao tsy hanoloranao ny fonao sy ny momba anao manontolo Azy ve? Lazao Aminy izany. Angataho Izy hanova anao hahafoy izany.

- Ento amim-bavaka ny ankohonanao sy ny sakaizanao izay tsy mbola nanolo-tena (feno) ho an'i Kristy. Angataho Andriamanitra hiasa ao anatin'izy ireo, mba ho vonona izy ireo hanolotra ny momba azy rehetra ho Azy.

- Mivavaha mba hisian'ny fanoloran-tena tanteraka ho an'Andriamanitra avy amin'ny mpitandrina eo amin'ny faritra misy anao sy ireo mpitarika isan-tsokajiny ao amin'ny fiangonana.

- Mivavaha ho an'ny tanora ao amin'ny fiangonantsika mba hahita fifaliana izy ireo amin'ny fanolorany ny fiainany ho an'i Kristy sy fanarahany Azy. Tonòny amim-bavaka amin'ny anarany tsirairay avy ny tanora rehetra ao amin'ny fiangonana misy anao.

- Ento amim-bavaka ny mpitarika ny fiangonana tsirairay maneran-tany, mba hifikitra amim-pahatokiana amin'ny fomba fijery ara-panahy sy ara-pilazantsara. Angataho ny Tompo hiaro ireo mpitandrina sy mambran'ny fiangonana mba tsy hanadino ny fototra ara-paminaniana niaingantsika amin'ny maha-Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika, sy ny maha-fiangonana sisa antsika amin'izao andro farany izao.

- Iraka eny an-tanàn-dehibe - Ento amim-bavaka ny Diviziona Trans-Eorôpeanina mbamin'ireo tanàna anaovan'izy ireo ezaka ho an'i Kristy: London, Zagreb, Tallinn, Dublin, Copenhague, Helsinki, Budapest, Bergen, Randstad, Varsovie, Belgrade, Göteborg. Mivavaha mba hahatonga ny olona hangetaheta ny Tenin'Andriamanitra.

- Mivavaha ho an'ireo olona fito (na mihoatra) ao amin'ny lisitra nataonao, mba hahita valiny ny filan'izy ireo ary mba hanokatra ny fony ho an'ny Fanahy Masina izy.

- Mivavaha ho an'izay mety ho faniriana manokana ao anatinao.

### *Fisaorana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)*

- Misaora an'Andriamanitra fa hamaly ny vavakao araka ny sitrapony sy ny fotoany Izy.

• Misaora an'Andriamanitra fa vonona Izy hanaisotra ny fonao feno fahotana ka hanadio sy hanamasina izany.

• Misaora an'Andriamanitra noho ny fanoloran-tenany ho faty sy ny fitsanganany indray, izay tsy nataony ho an'ny Tenany samirery fa ho an'Ilay Iray izay naniraka Azy.

• Misaora an'Andriamanitra noho ny nanehoany ny Tenany tamin'ny fomba manokana, teo amin'ny fiainanao nandritra ny folo andro fiaraha-mivavaka.

***Torohevitra ny amin'ireo hira azo hiraina***

“Atolotro Anao” (Fihirana lah. 259); “Mba taomy aho e” (Fihirana lah. 346); “Ray ô! Todihonao” (Fihirana lah. 379); “Inona no mety hataoko” (Fihirana lah. 441); “Hanaraka ny dianao” (Fihirana lah. 451); “Hanaraka anao” (Fihirana lah. 457); “He! Manolo-tena aho” (Fihirana lah. 472); "Endrey Jeso" (Fihirana lah. 707).

**NY FANOMEZANA LEHIBE INDRINDRA HO AN'ANDRIAMANITRA: NY TENANTSIKA**

*"Koa amin'izany mangataka amianreo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany."* - Rôm. 12:1.

Kristy dia nampianatra ny mpianany fa ny haben'ny fijerin'Andriamanitra ny zavaboary tsirairay dia mifanaraka amin'ny saranga misy azy eo amin'ny zavaboary noforonin' Andriamanitra. Nisarika ny sain'ireo Izy hijery ny vorona manidina eny amin'ny lanitra. Tsy misy na dia tsintsina iray aza, hoy Izy, eto an-tany ka tsy hitan'ny fijerin'Ilay Ray any an-danitra. Koa raha mitsinjo ny tsintsina kely ny masony, dia tsy hisalasalana fa ireo fanahy izay nanoloran'i Kristy ny ainy koa dia ho sarobidy eo imasony. Eo amin'ny hazo fijalian'ny Kalvary no ahitana ny tena tombambidin'ny olombelona sy ny lanja apetrak'Andriamanitra aminy. *"Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay."* Ka moa ve Andriamanitra tsy hitsara ireo izay mahatonga fangirifiriana sy fahadisoam-panantenana eo amin'izay nanolorany ny ainy? Koa amin'izany, aoka ny olona hitandrina ny amin'ny teny na ny fihetsika ataony izay mety hitondra halahelo sy fahoriana eo amin'ireo zanak'Andriamanitra. - *The Signs of the Times, 17 Nov. 1898*.

Nanao sorona ny Tenany ho antsika i Kristy, rehefa nanolotra ny Tenany ho fanatitra noho ny ota; ka dia mangataka antsika koa Izy ny mba hanolorantsika feno ny tenantsika ho Azy. Mangataka ny fontsika manontolo Izy; tsy ekeny izay rehetra tsy ahitana ny fatoram-pitiavana. *"Andriamanitra dia fanahy; ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana."* - *The Signs of of Times, 1 Feb. 1899.*

*"Ahoana àry? Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina, Izay ao anatinareo sady azonareo tamin'Andriamanitra? ka tsy tompon'ny tenanareo hianareo. Fa olomboavidy hianareo, koa dia mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo."* - 1 Kôr. 6:19,20.

Na atolotsika ho an'ny Tompo ny tenantsika na tsia, dia Azy foana isika. Tsy tompon'ny tenanao ianao; novidina tamin'ny vidiny manokana ianao. Zavaboarin'Andriamanitra isika, ary Azy tamin'ny alalan'ny fanavotana. Koa amin'izany, tsy manana alalana isika hihevitra fa azontsika atao izay mahafinaritra ny tenantsika manokana. Izay rehetra ataontsika dia Azy avokoa. Tsy manan-jo amin'ny tenantsika isika na amin'inona na amin'inona, eny, fa na dia ny fisiantsika fotsiny aza. An'Andriamanitra avokoa na ny volantsika, na fotoanantsika mbamin'ny talentantsika, ary nomeny antsika ireo hoenti-manatanteraka ny asa nampiandraiketiny antsika. Izao no andraikitra nomeny antsika: *"Mandrantoa mandra-piaviko."* - Lio. 19:13; *Our High Calling, t. 42.*

Ny fitiavan'i Kristy mitoetra ao am-pontsika no zava-dehibe indrindra. Tsy maintsy homboana ny izaho. Rehefa foana ao amin'i Kristy ny izaho dia fitiavana madio no hipololotra tsy an-kijanona. Tsy fihetseham-po izany, na koa fahataitairana fotsiny, fa fanapahan-kevitra vokatry ny sitrapo nohamasinina. Tsy fahatsapana velively izany, fa mifototra amin'ny fiovan'ny fo tanteraka, sy ny fanahy ary ny toetra, izay maty ny amin'ny izaho ka velona ao amin'Andriamanitra. Miangavy antsika ny Tompo mba hanolorantsika ny tenantsika ho Azy. Ny hanolorantsika ny izahontsika amin'Andriamanitra no hany takiny amintsika, hanomezantsika ny tenantsika ho Azy mba hampiasany antsika araka izay hitany fa sahaza antsika. Tsy ho haintsika ny hiasa amim-pifaliana, amim-pahakingana, na amim-pahombiazana, mandra-pahatongantsika amin'ny fanoloran-tena. - *Letter 97, 1898.*

Olona maro no hitako ankehitriny, izay azon'Andriamanitra ampiasaina, raha toa ka mametraka ny fianteherana feno Aminy izy ireo. (…) Tombontsoa lehibe ny fanarahana ny Mpamonjy. Ary amin'ny fankatoavana ny torohevitra izay nomeny ihany no hahatonga antsika ho vonona hihaona Aminy rehefa ho avy izy. Raha mangataka amin'Andriamanitra ianao mba hanampiany anao handresy izay rehetra tsy araka ny endrik'i Kristy eo anoloanao, dia hanomana anao tokoa Izy hiditra ny lanitra, dia ilay toerana izay tsy azon'ny fahotana hidirana akory. Hahita fitahiana sesehena tokoa ireo izay manolotra ny fiainany isan'andro ho an'i Jesôsy, ka manara-dia Azy mba hahalalany Azy bebe kokoa. Lazao amin'ny tenanao manao hoe: 'nanolotra ny fiainany ho ahy Kristy, koa tsy maintsy hanolotra ny fiainako ho Azy koa aho.' Ho tonga mpandresy eo amin'ny ady atao amin'ny ota ianao, raha manolotra tanteraka ny tenanao Aminy. Ilay Tompo Jesôsy no ho tonga mpanampy anao sy fianteheranao ary tanjakao, raha tahiny ka mandray sy mankatò Azy ianao. - *The Youth's Instructor, 9 Jona 1914.*

Tsy naseho ho toy ny fanomezana ilay vatosoa voalaza ao amin'ny fanoharana. Novidin'ilay mpandranto tamin'izay nananany rehetra izany. Maro no mametra-panontaniana ny amin'izay mety ho hevitr'izany, satria toy ny fanomezana no hanehoana an'i Kristy ao amin'ny Soratra Masina. Eny tokoa, tena fanomezana Izy, saingy ho an'ireo izay manolotra tanteraka ny fanahiny sy ny vatany ary ny sainy ho Azy ihany, ka tsy mihazona na inona na inona ho an'ny tenany manokana. Ilaintsika ny hanolorantsika ny tenantsika ho an'i Kristy, ny hiainantsika fiainana vonona hankatò ireo fitakiana ataony. An'Andriamanitra avokoa izay rehetra momba antsika, ny talenta rehetra sy ny fahafaha-manao ananantsika, mba ho voatokana ho an'ny fanompoana Azy izany. Koa rehefa manolo-tena feno ho Azy isika, i Kristy kosa, miaraka amin'ireo harena

sarobidin'ny lanitra rehetra, dia hanolotra ny Tenany ho antsika. Dia handray ny vatosoa sarobidy isika. - *Maranatha, t. 72*.

**Fanontaniana Hoenti-Mandini-Tena**

1. Sarobidy loatra eo imason'Andriamanitra ianao, ka nanao ny zavatra rehetra mba hahatonga anao ho fananany. Inona no fahatsapana aterak'izany ao anatinao?

2. Hevero manokana izay zavatra natolotr'i Kristy anao, mba hahazoanao ny lanitra. Moa tsy mendrika ve ny hanoloranao ny tenanao isan'andro ho Azy? Moa tsy izany va no zavatra mety indrindra tokony hataonao?




## Andro fahatelo

## Kristy ao Anatintsika

*"Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy."* - Gal. 2:20.

**Tari-dalana ho an'ny Fotoam-Bavaka**

***Fiderana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)***

- Atombohy amin'ny fiderana an'Andriamanitra, noho ny toetrany, ny fotoam-bavakao. Miderà Azy, satria tsy miova na oviana na oviana Izy, noho ny famindrampony, noho ny fahatokiany, sns.

- Miderà an'Andriamanitra satria tsy misy toerana tsara kokoa noho ny eo afovoan'ny fitiavany, rehefa mitolo-batana tanteraka ho Azy isika.

- Misaora an'Andriamanitra, satria miantso anao hitoetra eo Aminy Izy.

***Fiaiken-keloka sy Fangatahana ny amin'ny Fandresena ny Ota (tokony ho eo amin'ny 5 minitra)***

- Angataho Andriamanitra haneho aminao izay fahotana tokony hekenao mangina. Mangataha ny fandresena avy Aminy, handresenao ireo ota ireo.

- Angataho Andriamanitra hamela ny helokao, noho ireo fotoana tsy namelanao Azy hitoetra ao am-poanao. Asao Izy hanjaka ao am-ponao isan'andro.

- Misaora an'Andriamanitra noho namelany ny fahotanao, araka izay ambaran'ny 1 Jao. 1:9.

***Fitalahoana sy Fanelanelanana (tokony ho eo amin'ny 35 minitra)***

- Hitan'ireo manodidina anao ve fa velona ao anatinao i Kristy? Angataho Andriamanitra hiditra eo amin'ny fiainanao, ka hazava amin'ny alalanao mba hahitan'ny hafa ny endriny eo aminao.

- Mivavaha ho an'ny fianakaviana sy namana izay tsy mitoetra ao amin'i Kristy. Ento amim-bavaka mba ho tanteraka eo amin'ny fiainan'izy ireo ny vokatry ny Fanahy.

- Mivavaha mba homen'Andriamanitra anao ny finoana hoentinao mandray ny fahamarinan'i Kristy ho an'ny tenanao manokana.

- Moa misy petim-pitiavan-tena ve eo amin'ny fiainanao? Apetraho eo anatrehan'Andriamanitra izany, ary angataho Izy hanova anao hihevitra ny hafa.

- Mivavaha ho an'ny fo manetry tena sy malemy fanahy, mba hahatonga an'i Kristy hitoetra ao anatinao.

- Mivavaha ho an'ny mpitarika ny fiangonana rehetra miaraka amin'ny mambra, mba hananan'izy ireo toetra vonona sy fahatsapana fa miaina amin'ny andro farany tokoa isika izao, ary tsy ho ela dia ho avy Jesôsy araka izay voalaza intelo ao amin'ny Apôk. 22.

- Mivavaha mba hanokanantsika bebe kokoa ny fotoantsika amin'ny zavatra maharitra mandrakizay, amin'ny alalan'ny fianarana ny Baiboly sy ny vavaka, ka hamela an'Andriamanitra hitarika ny olony araka ny sitrapony fa tsy araka ny sitrapontsika. Izany dia hanampy antsika hitoetra akaiky kokoa an'Andriamanitra ary hahatonga ny herin'Fanahy Masina ho afaka hanova ireo fironana araka izao tontolo izao, izay loza manambana ho an'ny fiangonan'Andriamanitra sy ny fiainantsika isan'andro.

- Mivavaha mba hananana fo feno fankasitrahana, sy fankatoavana feno ny asasoratra voarakitra ao amin'ny Fanahin'ny Faminaniana, amin'ny maha-azo ampiharana izany eo amin'ny fiainantsika ankehitriny. Mivavaha mba hananan'ny mpitarika ny fiangonana sy ny mambra rehetra fahazotoana hampiasa isan'andro ireo fitaovana ireo.

- Iraka an-tanàn-dehibe - Ento amim-bavaka ny Diviziona Azia Pasifika Atsimo sy ireo tanàna anaovan'izy ireo ezaka manokana: Metro Manila, Dhaka, Cebu, Makassar, Yangon, Urdaneta, Karachi, Kota Kinabalo, Vavao, Medan. Mivavaha ho an'ireo mpiasa any an-toerana mba ho feno sy hampaherezin'ny Fanahy Masina izy ireo.

- Mivavaha ho an'ireo olona fito (na mihoatra) ao amin'ny lisitra nataonao, mba hahita valiny ny filan'izy ireo ary mba hanokatra ny fony ho an'ny Fanahy Masina izy.

- Mivavaha ho an'izay mety ho faniriana manokana ao anatinao.

***Fisaorana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)***

- Misaora an'Andriamanitra fa *"havaozina isan-andro isan-andro kosa ny toetranany anatiny"* - 2 Kôr. 4:16.

- Misaora an'Andriamanitra fa vonony Izy ny hitoetra ao am-ponao.

- Misaora an'Andriamanitra noho ny nanirahany ny anjeliny hamaly ireo vavaka asandratrao mandritra ny folo andro.

***Torohevitra ny amin'ireo Hira Azo Hiraina***

"Jesôsy no asandratro" (Fihirana lah. 87); "Tomoera aminay, Tompo" (Fihirana lah. 278); "Efa tonga atỳ izao" (Fihirana lah. 294); "Mitoera, ry Jesôsy" (Fihirana lah. 295); "Sambatra tretrika" (Fihirana lah. 324); "Mba taomy aho e" (Fihirana lah. 346); "Jesôsy irery no famonjena" (Fihirana lah. 423); "Tompo ô! Avia" (Fihirana lah. 450); "Jesôsy no manjaka" (Fihirana lah. 454).

**KRISTY AO ANATINTSIKA**

*"Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy."* - Gal. 2:20.

Nahoana no toa sarotra ho antsika ny mahataka-javatra? Nahoana isika no tsy mifikitra amin'i Jesôsy, ka mandray amim-pinoana ny hery sy ny fahatanterahan-toetrany, toy ny sampam-boaloboka mandray ny ranon-kazo avy amin'ilay voaloboka velona? Tsy maintsy mibanjina an'i Jesôsy isika, koa raha manakaiky antsika ny fakam-panahy, dia hiakatra tsikelikely ny vokatry ny fandresena isika. Rehefa mitoetra ao amin'i Kristy isika, dia ho tonga iray Aminy. Koa amin'izany, dia hahita fiarovana isika, ary dia voaaro tanteraka amin'ireo fanafihana ataon'i Satana. Rehefa mitoetra ao amin'ny fanahy iray i Kristy, dia miseho eo amin'ny toetra izany. Tsinontsinona ny olombelona raha tsy eo i Kristy. Saingy raha velona ato anatintsika kosa i Kristy, dia hanao ny asan'Andriamanitra isika. Manjary maneho an'i Kristy eo amin'ny fiainantsika isika, hiresaka ny amin'i Kristy, satria misaintsaina ny momba Azy isika. Hitombo ao amin'i Kristy isika, hahatratra ny fetran'ny lehilahy sy vehivavy fenon'ny fahazavan-tsaina ara-panahy. - *Signs of the Times, 10 Okt. 1892*.

*"Izaho no voaloboka, hianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona."* - Jao. 15:5.

Rehefa tsapantsika izay ilain'ny fontsika, rehefa maniry fatratra ny hery miasa mangina mamelona avy amin'ny Fanahy Masina isika, dia hanakaiky antsika i Kristy. Voahombo ny izaho. Velona ao anatintsika i Kristy, ary hifanojo amin'ireo ezaka ataontsika ny herin'ny Fanahy Masina; rehefa izany, dia ho voadio sy voasandratra ambony ny fanahy. Miantefa amintsika ny fahazavana avy ao amin'ny fitoerana masina any an-danitra, ka ho afaka hanapariaka hery miasa mangina, dia ny tsiron'ny fiainana ho amin'ny fiainana isika. Amin'ny alalan'ny firaisana amin'i Kristy, amin'ny alalan'ny finoana, no hahazoantsika tombontsoa mankasitraka ny fanelanelanana mahomby ataony. Voahombo miaraka amin'i Kristy isika, miara-mitsangana amin'i Kristy, mba hizotra ho amin'ny fiainana mihavao. - *Signs of the Times, Oct. 11, 1899.*

Mila hery ivelany sy ambonin'ny herin'ny tenany ny olombelona, mba hamerenana azy indray amin'ny fitoviana amin'Andriamanitra, sy hahatonga azy ho afaka hiasa ho an'Andriamanitra; tsy midika anefa izany fa fitaovana tsy mahomby ny olombelona. Tohanan'ny hery avy amin'Andriamanitra ny olombelona, Kristy kosa mitoetra ao am-po amin'ny alalan'ny finoana; ary amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ny herin'Andriamanitra, dia hahita fahombiazana ny herin'olombelona. - *Colporteur Ministry, t. 104.*

*"Jesôsy namaly ka nanao taminy hoe: Izay rehetra misotro ity rano ity dia mbola hangetaheta indray; fa na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay; fa ny rano izay homeko azy dia ho loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay."* - Jao. 4:13,14.

Tsy nilaza akory i Jesôsy fa ranon'aina indray migoka dia ho ampy ho an'izay mandray izany. Izay manandrana ny fitiavan'i Kristy dia haniry bebe kokoa hatrany; ary tsy hitady zavatra hafa intsony Izy. Tsy manintona azy ny harena, ny voninahitra sy ny fahafinaretan'izao tontolo izao. Ny antsoantso ataon'ny fony hatrany dia ny hoe: "Bebe kokoa hatrany ny Aminao". Ary Ilay mampiseho amin'ny fanahy izay ilainy dia miandry mba hahafa-po ny hanoanany sy ny hetahetany. Ho foana avokoa izay

notehirizin'ny olombelona sy izay ianteherany rehetra. Ho maina ny fantsakana, ho ritra ny kamory; fa loharano tsy mety lany kosa ny Mpanavotra antsika. Azontsika atao ny misotro, ny misotro hatrany, nefa mbola hahita tahiry vaovao hatrany. Izay itoeran'i Kristy dia manana loharanom-pitahiana ao anatiny, "loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay". Azony atao ny misintona hery sy fahasoavana ampy ho amin'izay rehetra ilainy avy amin'io loharano io." – *Ilay Fitiavana Mandresy, t. 183, 184.*

Raha mbola miaina eto an-tany isika, dia hifanehatra hatrany amin'ireo hery miasa mangina ratsy. Hisy fihantsiana mba hisedrana ny toe-pontsika; ary amin'ny fiatrehana ireo amin'ny fanahy marina, no hitomboan'ny fahasoavana kristianina. Raha mitoetra ao amintsika i Kristy, dia manjary mahari-po, mora fanahy isika sy mifandefitra isika, ary falifaly eo anivon'ny fahasorenana. Isan'andro isan'andro, isan-taona isan-taona, dia handresy ny izaho isika, ka hitombo ho amin'ny herim-po mendri-kaja. Izany no asa nomena antsika; saingy tsy azontsika tanterahina izany, raha tsy misy ny fanampian'i Jesôsy, ny fanapahan-kevitra hentitra, ny tanjona tsy azo hozongozonina, ny fiambenana mitohy ary ny vavaka tsy misy fitsaharana. Samy manana ny ady atrehin'ny tenany manokana ny isam-batan'olona. Na Andriamanitra aza dia tsy afaka hanova ny toetsika ho ambony na ny fiainantsika ilaina, raha tsy tonga mpiara-miasa Aminy isika. Ireo izay milavo lefona manoloana ny tolona, dia manary ny hery sy ny fifalian'ny fandresena. - *Gospel Workers, t. 477.*

Tombontsoa ho an'ny fanahy tsirairay ny mampiasa ny finoany ao amin'i Jesôsy Kristy Tompo. Saingy ny fiainam-panahy madio kosa, dia tsy azo raha tsy avy amin'ny fanahy iray mitolo-batana tanteraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra, amin'ny alalan'i Kristy, Ilay Mpamonjy mpampihavana. Tombontsoa ho antsika ny hiasan'ny Fanahy Masina. Voataona hiray amin'i Kristy Jesôsy isika amin'ny alalan'ny fampiasana ny finoana, satria Kristy mitoetra ao am-pon'ireo rehetra malemy fanahy sy manetry tena. Azy ireo ny finoana izay miasa amin'ny alalan'ny fitiavana, ny finoana izay manadio ny fanahy, ny finoana izay mitondra fiadanana ao am-po, ary izay mitarika amin'ny lalan'ny fandavan-tena sy fahafoizan-tena. - *This Day with God, t. 359*.

**Fanontaniana Hoenti-Mandini-Tena**

1. Tsy sitrak'i Jesôsy ny hisian'ny elanelana eo amin'ny fifandraisana aminao, fa iriany kosa ny hahatonga izany ho ety kokoa araka izay azo atao. Te hitoetra ao am-ponao Izy. Inona no fahatsapana aterak'izany ao anatinao? Ahoana no hanasanao Azy hanjaka ao am-ponao?

2. Hevero manokana izay mety ho sakana tsy hitoeran'i Kristy ao anatinao.




## Andro fahefatra

## Mitoetra ao amin'i Kristy

*"Tomoera amiko ary Izaho aminareo. Tahaka ny sampany tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray amin'ny voaloboka izy, dia toy izany koa hianareo, raha tsy miray amiko. Izaho no voaloboka, hianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa hianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona"* - Jao. 15:4,5.

**Tari-dalana ho an'ny Fotoam-Bavaka (Fotoana amin'ny Sabata Hariva)**

***Fiderana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)***

- Atombohy amin'ny fiderana an'Andriamanitra, noho ny toetrany, ny fotoam-bavaka. Ohatra, mpanolo-tsaina mahafinaritra Izy (Isa. 9:6)

- Misaora an'Andriamanitra, satria ny hany ataonao dia ny mitoetra ao amin'i Kristy, mba hahazoana fandresena ny ota.

- Misaora an'Andriamanitra noho ireo fomba hampianarany anao hitoetra ao Aminy.

***Fiaiken-keloka sy Fangatahana ny amin'ny Fandresena ny Ota (tokony ho eo amin'ny 5 minitra)***

- Angataho Andriamanitra haneho aminao raha toa ka miahotra ny hanolotra ny zava-drehetra ho Azy ianao. Ekeo mangina eo Aminy izany. Angataho ny fandreseny, handresenao ireo fahotana ireo.

- Angataho Andriamanitra hamela ny helokao, noho ireo fotoana niezahanao hanao zavatra amin'ny alalan'ny herin'ny tenanao samirery.

- Misaora an'Andriamanitra noho ny namelany ny fahotanao, araka izay ambaran'ny 1 Jao. 1:9.

***Fitalahoana sy Fanelanelanana (tokony ho eo amin'ny 35 minitra)***

- Mivavaha mba hanampian'Andriamanitra anao hahatakatra bebe kokoa ny filanao hitoetra ao Aminy, sy hanomezany anao faniriana hanao izany. Mivavaha koa ho an'ny fianakaviana sy ny namana mba hitoeran'izy ireo ao Aminy. Ary mivavaha ihany koa mba hampianaran'Andriamanitra anao ny fomba hitoeranao ao Aminy (Jao. 15:4).

- Mivavaha ho an'ireo mpitarika ny fiangonana (mpitandrina eo an-toerana, mpitarika ny federasiona, ny fivondronambe, ny diviziona ary ny Foibe maneran-tany), mba ho fenon'ny Fanahy Masina izy ireo ary ho tafatoetra ao amin'i Kristy.

- Mivavaha ho an'ny mambran'ny fiangonana rehetra sy ny mpitarika mba hanohana sy ho liana bebe kokoa amin'ny fanabeazana Advantista, mba ho tena fanabeazana marina araka ny maha-Andvantista Mitandrina ny Andro Fahafito izany, amin'ny antsakany sy andavany. Zava-dehibe indrindra ho an'ny mpiasa sy ny fomba fijerin'ny fiangonana ny iraka amin'ny hoavy izany.

- Mivavaha mba hananana fahalianana mitombo hatrany amin'ny fandinihana ny bokin'i Daniela sy Apôkalipsy.

- Mivavaha mba hahatakaran'ny olona ny asa fanompoana ao amin'ny fitoerana masina ka hitoriany izany amin'ny maha-fomba tsara indrindra hanehoana ny asam-pamonjena.

- Iraka an-tanàn-dehibe - Ento amim-bavaka ny Diviziona Atsimon'i Afrika Ranomasimbe Indianina sy ireo tanàn-dehibe anaovan'izy ireo ezaka manokana ho an'i Kristy: Luanda, Antananarivo, Lilongwe, Maputo, Saurimo, Bloemfontein, Lubango, Kitwe, Harare. Mivavaha hahatsapan'ny olona ny filany an'i Kristy ka hiantsoany Azy.

- Mivavaha mba hisian'ny fifantohana mazava amin'i Kristy sy ny asany nandritra ny fiainany teto an-tany, ny fahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana, ny fitsanganany tamin'ny maty, ny asa fanompoana ataony ankehitriny ao amin'ny Efitra Masina Indrindra any an-danitra, ary ny fiverenany fanindroany tsy ho ela.

- Mivavaha mba hanokanantsika bebe kokoa ny fotoantsika amin'ny zavatra maharitra mandrakizay, amin'ny alalan'ny fianarana ny Baiboly sy ny vavaka, ka hamela an'Andriamanitra hitarika ny olony araka ny sitrapony fa tsy araka ny sitrapontsika. Izany dia hanampy antsika hitoetra akaiky kokoa an'Andriamanitra ary hahatonga ny herin'ny Fanahy Masina ho afaka hanova ireo fironana araka izao tontolo izao, izay loza manambana ho an'ny fiangonan'Andriamanitra sy ny fiainantsika isan'andro.

- Mivavaha ho an'ireo olona fito (na mihoatra) ao amin'ny lisitra nataonao, mba hahita valiny ny filan'izy ireo ary mba hanokatra ny fony ho an'ny Fanahy Masina izy.

- Mivavaha ho an'izay mety ho faniriana manokana ao anatinao.

***Fisaorana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)***

- Misaora an'Andriamanitra noho ireo fomba maro namelan'i Jesôsy ohatra ho antsika ny amin'ny fomba hahatonga antsika ho tafatoetra ao amin'Andriamanitra.

- Misaora an'Andriamanitra mialoha, noho ny fahavononany hiasa sy hamaly ny vavakao.

- Misaora an'Andriamanitra fa hampianatra anao ny fomba hitoeranao ao Aminy Izy.

- Misaora an'Andriamanitra noho ny nanirahany ny Fanahy Masina hiasa amin'ireo antombavaka rehetra nasandratrao.

***Torohevitra ny amin'ireo Hira Azo Hiraina***

"Maniry mafy aho" (Fihirana lah. 81); "Tazony aho" (Fihirana lah. 229); "Mba taomy aho e" (Fihirana lah. 346); "'Zaho te ho tia Anao tokoa" (Fihirana lah. 348); "Jesô hany fiereko" (Fihirana lah. 392); "Ny eo akaikinao, ry Ray" (Fihirana lah. 419); "An'i Jehôvah aho" (Fihirana lah. 439); "Tompo ô! An-tananao tokoa" (Fihirana lah. 449); "An-tananao, ry Ray malala" (Fihirana lah. 460); "Tsaroako anio" (Fihirana lah. 734).

## MITOETRA AO AMIN'I KRISTY

*" Tomoera amiko ary Izaho aminareo. Tahaka ny sampany tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray amin'ny voaloboka izy, dia toy izany koa hianareo, raha tsy miray amiko. Izaho no voaloboka, hianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa hianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona"* - Jao. 15:4,5.

Ireo izay manao ny fiainana kristianina ho fahombiazana dia hanisa ny zava-drehetra ho fatiantoka, noho ny fahatsaran'ny fahafantarana an'i Kristy. Ireo izay mitoetra ao amin'i Kristy ihany no hahalala ny atao hoe tena fiainana. Ho tsapan'izy ireo ny tombambidin'ny fivavahana marina. Entin'izy ireo eo anoloan'ny alitaran'ny fanamasinana ny talenta mahay mandresy lahatra ananany sy ireo fomba ary fahafaha-manaony, hikatsahany ny hahafantatra sy hanatanteraka fotsiny ihany ny sitrapon'Ilay maty mba hanavotana azy. - *Our High Calling, t. 8.*

Tsy fifampikasohana kisendrasendra amin'i Kristy no ilaina, fa ny mitoetra ao Aminy. Niantso anao Izy mba hitoeranao ao Aminy. Tsy manome anao fiainana voatahy mandalo fotsiny ihany Izy, izay tsapa tsindraindray noho ny fitadiavana fatratra ny Tompo, ka foana rehefa, injay ianao fa mirotsaka tanteraka amin'ny famitana ny adidy eo amin'ny fiainana andavanandro. Ny fitoeranao ao amin'i Kristy dia manamaivana ny adidy ilaina rehetra, satria Izy no efa mizaka ny enta-mavezatra tsirairay. Nanomana anao Izy mba hitoeranao ao Aminy. Izany dia midika, fa mila miambina mandrakariva ianao, ny mba hitoeranao ao amin'i Krsity, mba hiarahanao tsy tapaka amin'i Kristy, izay toerana tsara indrindra hahazoanao herim-po sy tanja-tsaina. - *In Heavenly Places, t. 55*.

Aoka tsy hijoro amin'ny toerana ivelan'i Kristy ianao, tahaka izay ataon'ny Kristianina maro ankehitriny. Ny hoe "Tomoera amiko, ary Izaho aminareo" dia zavatra azo tanterahina tsara, ary tsy omena ny fanasana raha toa ka tsy hainao tanterahina izany. Mitaona anao tsy tapaka, amin'ny alalan'ny Fanahiny Masina i Jesôsy Mpamonjy antsika, miasa ao an-tsainao mba hitoeranao miaraka amin'i Kristy.... Mifandraika amin'ny fihetsika ataon'ny tenanao manokana ireo fitahiana arotsany. Koa holavina va i Kristy? Hoy Izy manao hoe: *"Ary izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy"* - Jao. 6:37. Hoy kosa Izy amin'ny antoko iray hafa, *"Kanefa tsy mety manatona Ahy hianareo hanananareo fiainana"* - Jao. 5:40. - *In Heavenly Places, t. 55*.

*"Mankanesa atỳ amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana"* - Mat. 11:28.

Takatry ny sainao ve, takatry ny saiko ve, ny dikan'ilay antsom-pahasoavana manao hoe: "Mankanesa aty amiko"? Hoy Izy, *"Tomoera amiko",* fa tsy hoe tomoera miaraka amiko. "Aoka ho azonao ny antsoko. Manatòna Ahy, mba hiara-mitoetra Amiko." Handrotsaka ny fitahiana rehetra avy Aminy amin'ireo izay manatona Azy amin'ny fiainana Izy. Manana zavatra tsara lavitra kokoa noho ny fiainana voatahy miserana fotsiny ihany Izy, izay tsapanao rehetra mitady ny Tompo amim-bavaka mafana ianao. Toy ny rano indray mitete ao anaty siny ny miresaka amin'i Kristy. Mahazo tombontsoa amin'ny fanatrehany mitoetra eo amin'ny tombontsoa mandalo izay tsy maharitra akory ianao, rehefa mirotsaka mamita ireo adidy eo amin'ny fiainana.... Moa hitarika anao hanalavitra an'i Kristy ve ny tebiteby, ny adin-tsaina sy ny fiahiana? Moa mihena ve ny fianteherantsika amin'Andriamanitra, rehefa any an-toeram-piasana, eny an-tsaha na any amin'ny toeram-piantsenanana? Na aiza na aiza, dia hitoetra eo anilanao ny Tompo Jesôsy, ary ianao kosa ho eo anilany. - *In Heavenly Places, t. 55*.

Tonga iray amin'i Kristy ireo rehetra mandray Azy amim-pinoana. Mifamatotra amin'ny voaloboka ny sampana. Tsy avy amin'ny fatorana artifisialy no mampifandray azy ireo. Miray amin'ny voaloboka izany, mba ho tonga rantsana avy aminy. Avy amin'ny fakan'ny voaloboka no hamelomana azy. Koa izay mandray an'i Kristy amim-pinoana dia tonga iray Aminy amin'ny fitsipi-piainana sy ny asa atao. Tafaray Aminy izy ireo, ka ny fiainana iainany dia ny fiainan'Ilay Zanakalahin'Andriamanitra. Misintona ny fiainany avy amin'Ilay Iray izay tena fiainana izy ireo. - *In Heavenly Places, t. 56*.

*"Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo."* - 2 Kôr. 5:17.

Angamba azo atao ny mamerina imbetsaka ny batisa, saingy raha ny amin'ny heviny manokana dia tsy hanan-kery hanova ny fon'olombelona izany. Tsy maintsy tafaray amin'ny fon'i Kristy ny fo, tsy maintsy voasaron'ny sitrapony sy ny sitrapo, tsy mainty tonga iray amin'ny sainy ny saina, tsy maintsy mifantoka Aminy ny eritreritra.... Ny olona nateraka indray dia manana fifandraisana velona amin'i Kristy. Tahaka ny sampana mandray ny hery mahavelona avy amin'ny tahiry, ka mamoa be, dia toy izany koa ny tena mpino marina, iray amin'i Kristy, maneho eo amin'ny fiainany ireo vokatry ny Fanahy. Tonga iray amin'ny voaloboka ny sampana; tsy afaka manaisotra azy ny tafio-drivotra; tsy afaka manimba ny heriny mahavelona ny fanala. Tsy misy na inona na inona afaka hampisaraka azy amin'ny voaloboka. Sampana velona izy, ka

hitondra voa tsara ho an'ny voaloboka. Tsy hafa amin'izany koa ny mpino. Amin'ny alalan'ny teny mahafinaritra sy ny asa soa no hanehoany ny toetran'i Kristy.... - *In Heavenly Places, t. 56.*

Kristy dia nanome ireo fomba rehetra izay hahatonga ny fiainantsika manontolo tsy ho azo sarahina Aminy; kanefa amin'ny alalan'ny finoana velona ihany no hahatsapana ny fanatrehan'i Kristy. - *In Heavenly Places, t. 56.*

**Fanontaniana Hoenti-Mandini-Tena**

1. Misy zavatra (tebiteby, fiahiana ny fiainana, rarintsaina, harena) ve manakana anao tsy hitoetra ao amin'i Kristy?

2. Aiza ho aiza ny andraikitrao amin'ny fahazoana antoka fa hitoetra ao amin'i Kristy ianao?

# TORINTENY HO AN'NY SABATA 9 JANOARY 2016

## MINISTERAN'NY VAVAKA, IOUC

# MITOETRA AO AMIN'I KRISTY, ILAY TENA VOALOBOKA

**Vakiteny fototra**: Jao. 15:1-11

**FAMPIDIRANA**

Ny and. farany ao amin'ny toko 14, dia milaza fa efa handao ilay efitrano ambony i Jesôsy sy ny mpianatra. Hitodi-doha ho any Getsemane izy ireo.

Ao amin'ny toko 15 kosa, dia aseho an-tsary toy ilay Tena Voaloboka i Jesôsy.

Vao avy nampahafantarina ny mpianatra fa handeha i Jesôsy, ny asany kosa anefa mbola hitohy, ary amin'ny alalan'izy ireo sy ny fiainany no hitohizan'izany – (Jao. 14:12). Raha tsy maintsy hampandroso izany asan'ny Tompo izany izy ireo, dia tokony hahafantatra ny fomba hitondrana voa tsara toy izany eo amin'ny fiainany.

2000 taona mahery atỳ aorian'io alina io, isika izao maraina izao, saingy mbola mandroso hatrany ny asan'ny Tompo. Andriamanitra dia mbola miasa amin'ny alalan'ireo mpanara-dia an'i Jesôsy Kritsy, mba hahatanterahan'ny asany sy ny sitrapony eo amin'izao tontolo izao ankehitriny.

Raha handia ny 10 andro fiaraha-mivavaka isika, dia mety hanontany tena ny amin'ny fomba tokony hanatontosantsika ny asan'ny Tompo sy ny fomba hamoazantsika karazam-boa toy izany eo amin'ny fiainantsika manokana. Eny, hitantsika ao amin'ireto andininy manaraka ireto ny valin'izany, izay miresaka ny amin'ny lohahevitra fototra mandritra ity 10 andro fiaraha-mivavaka 2016 ity – MITOETRA AO AMIN'I KRISTY! Koa satria miompana amin'ny maha-mpianatra marina sy ny amin'ny fomba hitondrana voa ho voninahitr'i Jehôvah io andalana io, dia handeha isika hanokana fotoana hijerena io fanehoana an'i Jesôsy io: Ilay Tena Voaloboka ary ho hitantsika nahoana isika no tsy maintsy Mitoetra ao Aminy hoe:

**I. NY TOETRAN'ILAY TENA VOALOBOKA – and. 1-3**

**A. Ny Maha-Tena Voaloboka Marina**

Jesôsy, dia Jesôsy irery ihany no manana ny Fiainana ao anatiny – Jao. 14:6. Sandoka avokoa ny voaloboka hafa rehetra. Izy irery ihany no tena loharanon'ny fiainana be dia be sy mandrakizay.

## B. Ny Mpikarakara ny Tena Voaloboka

Ny teny hoe "mpamboatra" dia maneho ny mpikarakara voaloboka, ny mpikarakara ny saha, ilay iray izay tompon'andraikitra amin'ny fikarakarana ny tanim-boaloboka. Jesôsy dia nilaza fa ny Ray any an-danitra no Mpamboatra.

Ny fehezanteny fototra dia ao amin'ny and. 2 hoe: "eo amiko".

Voakasik'izay rehetra mifandray amin'ny Voaloboka ny Mpamboatra. Mampivoitra manokana ireo andraikitry ny Mpamboatra manoloana ny Voaloboka io andininy:

1. Fiarovana – izany hoe, ny Mpamboatra no miantoka ny fiambenana sy ny fiarovana ny Tanim-boaloboka. Ny Tompo dia mahita izany rehetra izany, tsy misy na inona na inona voadingan'ny fijerin'Ilay Ray any an-danitra – Ohab. 15:3

2. Fanadiovana – mampiasa fomba roa hanadiovana ny tanim-boalobony ny Mpamboatra.

a. Misedra ny Sampana Izy – ny teny hoe "esoriny", dia midika hoe manandratra na manangana ho ambony kokoa. Izany hoe, esorin'ny Mpamboatra ny sampana tsy mamoa ka asandrany hiala amin'ny fahalotoana izay nahalavo azy, ka hanome tombontsoa ho azy indray mba ho tonga mahavokatra.

Raha ho an'ny isam-batan'olona, dia izao, rehefa mandeha amin'ny toerana iray eo amin'ny fiainana kristianina misy antsika isika, ka tsy mamoa sy mamokatra, dia hiditra an-tsehatra eo amin'ny fiainantsika ny Tompo, hamoha ny torimasontsika ka hampijoro antsika ho amin'ny ezaka izay manosika antsika hitombo.

Misy fotoana anefa, indraindray, izay tsy hahafahan'ny Tompo manao izany, raha tsy amin'ny alalan'ny famaizana. Raha valiantsika amin'ny fibebahana izany, dia hanampy antsika hahavokatra ho voninahitr'Andriamanitra izany.

Nametraka fisedrana teo amin'ny fiainanao ve ny Tompo? Raha izany tokoa, dia aza miala hanalavitra ny fisedrana avy Aminy. Fa aoka kosa hiazakazaka ho eo amin'Andriamanitra, hiverina hiantoraka eo Aminy.

Raha ny tena marina, ny famaizany dia porofo mivaingana ny amin'ny fitiavany (Apôk. 3:19), sy ny fifandraisantsika Aminy (Heb. 12:8).

b. Manadio ny Sampana Izy – izany hoe, ny Mpamboatra dia manaisotra izay rehetra mandritra ny aina sy ny herin'ny sampana, toy ireo rantsana mpandany hery, tsiry tsy ilaina, solofo diso toerana, pentimpentina, ravina maina, sns. Na inona na inona mandany ny ainy, kanefa tsy mitondra vokatra, dia tsy maintsy esorina avokoa!

Dia toy izany koa ny amin'ny fiainan'ny mpino. Rehefa avelantsika hiseho eo amin'ny fiainantsika ny zavatra izay ho tonga sakana amin'ny dia hiarahantsika amin'ny Tompo, dia azo antoka ny handalovantsika amin'ny fandrantsanana.

Ny "fandrantsanana" amin'ny tena heviny manokana dia mangirifiry, ary tsy mora ny manapaka ireo zava-poana hiala eo amin'ny fiainantsika, ny Mpamboatra Izay any an-danitra no manaramaso ny dingana rehetra.

Ahoana no fanatanterahana io fandrantsanana io? Amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra – and. 3.

Ny fanontaniana mipetraka amin'ity maraina ity, dia ny hoe: moa miteny aminao amin'ny alalan'ny Teniny ve ny Tompo? Raha izany, manaiky ny antson'ny Tompo ve ianao? Raha tsy izany kosa, manainga anao aho, hamela ny Tompo handrantsana ny fiainanao amin'ny Teniny.

## II. NY TANJON'ILAY TENA VOALOBOKA – and. 2-6

**A.** Misy tanjona manokana (and. 2) – Tokana ny tanjona kendren'Ilay Voaloboka: ny hamoazana be. Izany tanjona tokana izany no hahaveloman'Ilay Voaloboka. Raha tsy misy ny vokatra dia ho very maina ny ezaka rehetra nataon'ny voaloboka. Tokana ny tanjona kendren'ny Tena Voaloboka, dia ny hitondra voa ho voninahitr'i Jehôvah.

**B.** Misy tanjona miavaka (and. 8) – Ny antony hanirian'ny Voaloboka mba hitondrana voa, dia satria omem-boninahitra noho izany ny Mpamboatra. Tsy mahazo sitraka ny Voaloboka, ny sampany, ny tany naniriny, eny, fa na dia ny voa aza, rehefa tsy mamokatra ny tanim-boaloboka. Atolotra ny Mpamboatra avokoa ny voninahitra rehetra. Ho an'i Jesôsy Tompo izany. Izay rehetra nataony sy ataony, dia ho voninahitry ny Rainy.

Izany no tsy maintsy ho faniriana miredareda ao anatin'ny zanak'Andriamanitra tsirairay – miaina ny fiainantsika, ka ny minitra tsirairay ao anatin'izany, dia entina hanomezam-boninahitra ny Ray Izay any an-danitra (1 Kôr. 10:31).

Hisetra tsy filaminana ny fiainana tsirairay izay tsy misy faniriana hanome voninahitra sy haja ho an'Andriamanitra Izay tia antsika, mihazona sy mikarakara antsika.

**D.** Misy tanjona izay napetraka amin'ny hafa – Raha ny Voaloboka samirery dia tsy mitondra voa! Ny sampana no manana adidy hitondra voa. Manome ny fiainany ho an'ny sampana ny Voaloboka, ary ireo indray no mandray izany fiainana izany ka mampiasa azy mba hamoazana. Andeha hodinihintsika akaiky ny amin'ireo sampana sy voa entiny.

1. Ireo toetra tsara hamoazana:

a. Tsy maintsy miray amin'ny voaloboka ny sampana (and. 2) – Raha tsy tafaray amin'ny Voaloboka ianao, dia tsy afaka hifampizara, na oviana na oviana, ny fiainan'ny Voaloboka.

Firaisana mitondra aina izany, dia firaisana eo amin'ny mpino sy Jesôsy Kristy Tompo, Ilay Tena Voaloboka.

b. Tsy maintsy mitoetra amin'ny voaloboka ny sampana (and. 4-5) – Izany hoe, tsy maintsy mitahiry ny fihavanana ety amin'ny Voaloboka isika, raha toa ka tsy maintsy ho velona amin'ny alalantsika Izy, sy hitondra ny voany eo amin'ny fiainantsika. Tsy tanteraka afa-tsy amin'ny "fitoerana" ao Aminy izany!

Ahoana no hitoerana ao Aminy? Ny vavaka, ny fianarana ny Soratra Masina, ny fandavana ny izaho, ireo rehetra ireo no mitaona antsika ho amin'Andriamanitra! Arakaraka ny maha-akaiky antsika amin'ny Voaloboka, no hahatonga ny fiainany hikoriana bebe kokoa amin'ny alalantsika, mba hamoazantsika voa araka ny faniriny.

Moa manaitra ny saintsika ve, raha tsy ahitam-bokatra sy tsy mamoa ny fiainana kristianina maro?

Ahoana no hamaritanao ny fiainanao? Moa mitondra voa betsaka ho an'ny Tompo ve ianao?

2. Ny toe-tsara mamaritra ny voa entintsika – Rehefa miresaka mikasika ny voa isika, inona no tiantsika hambara? Inona no vokatra ateraky ny fiainantsika, rehefa milefitra isika? Inona no mety hitranga raha toa tsy azo avy amintsika ny voa?

Ireo voa ireo dia antsoina koa hoe *"vokatry ny Fanahy"* (Gal. 5:22; Efes. 5:9), na *"vokatry ny fahamarinana"* (Fil. 1:11; jereo Heb. 12:11), izany hoe, ny voa dia ny fahamarinana. Hita miavaka eo amin'ny toetra sy ny fiainana ireo voa ireo. Rehefa foana ireo *"voka-tsoa"* (Jak. 3:17) ireo, dia ilaina ny fanapahana ny sampana tsy mamoa. - *Nichol, F. D. (Ed.) 1980. The Seventh-day Adventist Bible Commentary (b. 5, t. 1042). Review and Herald Publishing Association.*

Ny mitoetra no anjarantsika, mba hahafahantsika mamoa be! Hitantsika mazava, avy amin'ireo andininy ireo, fa Andriamanitra dia maneho mialoha ny fivoarana goavana eo amin'ny famoazantsika. Mariho ny and. 2 & 8 – tsy mamoa, mamoa, mamoa bebe kokoa, mamoa be! Arakaraka ny maha-akaiky antsika amin'ny Voaloboka, no handraisany vokatra misimisy kokoa avy amintsika

3. Ny vokatry ny tsy famoazana (and. 6) – Tsy hoe ny sampana rehetra no mitoetra ao amin'ny Voaloboka araka ny tokony ho izy. Mety mbola miray aminy izany, saingy mitsahatra tsy manohy ny fiainana avy amin'ny fahafenoan'ny Voaloboka. Manjary tsy mamoa sy malazo izy vokatr'izany. Rehefa io no mitranga, dia hiafara amin'ny fahaverezan'ny tanjany tanteraka!

Ny hoe malazo --- tsy misy aina! Maty ary maina tanteraka.

Angamba mety haneho ny toerana misy antsika izany amin'izao maraina izao! Misolo toerana ny fiainana ny fahafatesana. Misolo toerana ny tanjaka ny fahalemena. Misolo toerana ny fahafenoana ny fahafoanana.

Nahoana no tsy manaiky isika, ka hiverin-dalana mba hanavao indray ny firaisantsika amin'ny Tompo?

### III. NY TENY FIKASAN'ILAY TENA VOALOBOKA – and. 7-11

Ireo izay mitoetra ao amin'ilay Tena Voaloboka dia hahazo antoka ny amin'ireo teny fikasana mahatoky sady sarobidy!

#### A. Fiainam-bavaka tsy voasakantsakana (and. 7)

Nahoana? Rehefa mitoetra araka ny tokony ho izy isika, sy rehefa manovo ny fiainantsika avy Aminy isika, dia ho tonga sitrapontsika ny sitrapony.

Araka izany, isaky ny mivavaka isika sy izay rehetra entintsika amim-bavaka dia hifanaraka tanteraka amin'ny sitrapony, ary hanome antsika araka izay ilaintsika Izy (Jao. 14:13-14).

#### B. Fitiavana tsy misy fetra (and. 9)

Tian'i Jesôsy avokoa ny olona rehetra, fa ireo izay mitoetra ao Aminy kosa anefa, dia manana fifandraisana manokana sy ety Aminy. Izany no teny fampanantenana omen'ilay Voaloboka ho an'ireo sampany!

Ny hoe mitoetra ao amin'i Kristy dia midika hoe mitoetra eo ambany fialofan'ny fitiavany. Mampahery tokoa ny mahafantatra fa mitoetra tahaka ny fitiavan'ny Ray ny Zanany, ny fitiavan'i Kristy antsika.

#### D. Fifaliana tsy misy toa azy (and. 11)

Ny fifaliana dia tsy midika ho fahasambarana, izay miankina tanteraka amin'ny toe-java-mitranga; ny fifaliana dia fahafinaretana miorim-paka lalina ao anaty. Izany dia ny fahazoana antoka tanteraka sy fahatokiana eo amin'ny fifandraisantsika amin'Ilay Ray sy amin'i Kristy, ka mameno ny fo amin'ny "fifaliana tsy azo tononina sady be voninahitra", ary izany dia handrehitra ny fo hanompo an'Andriamanitra.

Laharana faharoa, ao amin'ireo fahasoavan'ny Fanahy, notanisain'i Paoly (Gal. 5:22) ny fifaliana. Ny tena fifaliana dia tsy hita ao amin'ny korana feno fihomehezana, na ao amin'ny fientanam-po tsy amim-piheverana noho ny fahafinaretana mandalo eo amin'izao tontolo izao. Amin'ny fitoerana ao amin'ny fitiavan'i Kristy sy amin'ireo fandresena azo ary ao amin'ny asa fanompoana tsy misy fitiavan-tena no ahitan'ny Kristianina ny tena fifaliana. Hahatratra ny fahatanterahany ambony indrindra ao amin'ilay fiainana mbola ho avy ny fifaliana. Azon'izay rehetra mitoetra ao amin'i Kristy atao anefa, ny miaina dieny izao sahady izany fifaliana.

**FAMINTINANA**

I Jesôsy no Ilay Tena Voaloboka. Ny faniriany dia ny ho velona eo amin'ny fiainantsika, mba hahazoantsika mitondra voa ho an'Ilay Ray any an-danitra. Raha hamarana izao fotoana izao isika, dia misy fanontaniana roa izay tokony hapetraka anio.

- Moa "mitoetra ao amin'i Jesôsy" – Ilay tena Voaloboka ve ianao?

Manovo hery avy Aminy ve ianao, mba hahatonga Azy hitondra ny voany eo amin'ny fiainanao?

- Mitondra voa ho Azy ve ianao ankehitriny?

Aiza no toerana hijoroanao miaraka amin'i Jesôsy anio? Raha toa ka misy faritra nasehon'Andriamanitra anao eo amin'ny fiainanao, izay mila fandrantsanana, na fikarakarana hafa anio, dia manainga anao mba hanatona an'i Jesôsy ka hamela Azy hiahy ireo filanao.

Raha handia ny 10 andro fiaraha-mivavaka isika, dia andeha hanolotra ny fiaintsika ho an'i Jesôsy sy hitoetra ao Aminy, mba hahafahantsika manomboka indray, na manohy ny fanandramana ny Fiainana Be dia Be dieny izao ankehitriny, eto izao!




## Andro fahadimy

## Manoatra Noho ny Mpandresy

*"Kanefa amin'izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'Ilay tia antsika."* - Rôm. 8:37.

**Tari-dalana ho an'ny Fotoam-Bavaka**

***Fiderana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)***

- Atombohy amin'ny fiderana an'Andriamanitra (noho ny toetrany) ny fotoam-bavaka. Miderà Azy noho ny toetrany mahatoky ary satria Izy no fialofana ho antsika.

- Miderà an'Andriamanitra satria ny hany ataonao dia ny mitoetra ao amin'i Kristy, raha toa ka maniry ny hahita fandresena amin'ny ota ianao.

- Miderà an'Andriamanitra noho ny fandresena ny ota azon'i Jesôsy teo amin'ny hazo fijaliana.

***Fiaiken-keloka sy Fangatahana Fandresena ny Ota (tokony ho eo amin'ny 5 minitra)***

- Angataho Andriamanitra haneho anao ireo fahotana tokony hekenao ampahibemaso sy ireo izay tokony hekenao mangina. Angataho Aminy ny fandresena ny ota.

- Moa nisy fotoana ve izay tsy nahatsapanao fa mila mandresy ny ota ianao? Angataho Andriamanitra hamela ny helokao. Aoka Izy hampitoetra ao am-ponao ny faniriana handresy ny ota.

- Mangataha famelan-keloka avy amin'Andriamanitra satria mbola tsy naharesy ny ota isika, amin'ny maha-fiangonana antsika.

- Misaora an'Andriamanitra noho ny famelan-keloka atolony antsika, araka izay voasoratra ao amin'ny 1 Jao. 1:9.

*Fitalahoana sy Fanelanelanana (tokony ho eo amin'ny 35 minitra)*

- Mivavaha mba hampitoeran'Andriamanitra ao anatinao ny faniriana handresy ny ota.

- Mivavaha ho an'ireo ankohonanao sy namanao izay mila ny fandresena ny ota koa.

- Ento amim-bavaka ireo toe-javatra misy eo amin'ny fiainanao ka ilainao indrindra ny fandresena ny ota. Angataho Izy hanome anao fandresena tanteraka.

- Angataho Andriamanitra hanampy anao hino fa azony atao ny hanome anao ny fandresena feno ny ota.

- Moa misy sampy izay mbola ankamamianao ve eo amin'ny fiainanao? Ento eo anatrehan'Andriamanitra izany, ary angataho Izy hampitoetra ao anatinao ny fankahalana ireny.

- Mivavaha ho an'ireo mpitarika ny fiangonana (mpitandrina eo an-toerana, mpitarika ny federasiona misiona, ny fivondronambe, ny diviziona ary ny Foibe Maneran-tany) mba hamelan'izy ireo an'Andriamanitra hanome azy ireo ny fandresena ny ota.

- Mivavaha mba hanovan'Andriamanitra anao hanana fileferana tanteraka, ka ho hitanao ireo fahalemenao. Mangataha hery hoenti-mandresy azy ireny.

- Mivavaha ho an'ireo drafitra fitoriana ny filazantsara faobe sy ireo asa fitoriana any ivelany, izay atao any amin'ireo diviziona 13 miaraka amin'ireo fivondronambe ao anatiny (Faritra Afovoany Atsinana sy Fivondronambe Afrika Avaratra). Ento amim-bavaka mba hahita fahombiazana ny hetsika "Iraka any an-Tanàn-Dehibe" sy ireo asa fitoriana any ambanivohitra.

- Iraka any an-tanàn-dehibe – Mivavaha ho an'ny Diviziona Amerika Atsimo sy ireo tanàn-dehibe 74 izay notsongain'izy ireo hanaovana asa fitoriana. Ento amim-bavaka ihany koa ny Diviziona Pasifika Atsimo sy ireo tanàn-dehibe nofidiny hiasana ho an'i Kristy: Sydney, Christchurch, Lae, Apia. Mivavaha mba hisy irak'Andriamanitra ho vonona handeha ary mba ho voatahy ny ezaka hataon'izy ireo.

- Mivavaha mba hitohy hatrany ny fitarihan'Andriamanitra ny fiangonany ary mba hahita fandresena ny ota ny mambra rehetra.

- Ento amim-bavaka ireo olona fito (na mihoatra) voarakitra ao amin'ny lisitra nataonao, mba hahita valiny ny fangatahan'izy ireo ary mba hanokatra ny fony hitoeran'ny Fanahy Masina izy ireo.

- Ento amim-bavaka ny fanirianao manokana rehetra (Ohab. 3:5,6).

*Fisaorana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)*

- Misaora an'Andriamanitra noho ny fahafoizany hanome anao ny fahamarinany.

• Misaora an'Andriamanitra satria Izy irery ihany no *"miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony"* - Fil. 2:13.

• Misaora an'Andriamanitra noho ny fiainana tsy misy pentim-pahotana ananan'i Jesôsy sy noho ny nanehoany ny fomba hahatonga antsika ho mpandresy.

• Misaora an'Andriamanitra satria mamaly ny vavaka asandratrao araka ny sitrapony Izy.

***Torohevitra ny amin'ireo hira azo atao:***

"Misy baiko re…" (Fihirana lah. 367); "Ny Fiainan'ny lanitra ambony" (Fihirana lah. 424); "Aingao ny hiranao" (Fihirana lah. 432); "Azoko anio" (Fihirana lah. 455); "O! Mijoroa fa Jesôsy Mpanjaka" (Fihirana lah. 479); "Ry miaramila! Mandrosoa izao" (Fihirana lah. 489); "O, Aza matahotra" (Fihirana lah. 496); "Raha mandia lalan-tsarotra" (Fihirana lah. 498); " 'Zay mandresy" (Fihirana lah. 629).

**MANOATRA NOHO NY MPANDRESY**

*"Kanefa amin'izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'Ilay tia antsika."* - Rôm. 8:37.

Manoloana ny ady atao amin'i Satana, ny fianakaviamben'ny taranak'olombelona dia mandray ny fanampiana rehetra izay nananan'i Kritsy koa. Tsy tokony ho resy izy ireo. Azon'izy ireo atao ny ho tonga mihoatra noho ny mpandresy, amin'ny alalan'Ilay tia azy ka nanolotra ny fiainany ho azy ireo. (…) Tamin-kery lehibe tsy azo hozongozonina, no nitoloman'Ilay Zanakalahin'Andriamanitra tamin'ny fakam-panahy, izay mamely mafy antsika – fakam-panahy amin'ny fampanaranam-po ny filan'ny tenda, amin'ny fahasahisahiam-poana handeha amin'izay tsy nitarihan'Andriamanitra azy ireo akory, ary amin'ny fiankohofana amin'andriamanitr'izao tontolo izao, amin'ny fanaovana sorona ny fahasambarana mandrakizay ka hanaraka ny fahafinaretana manaitran'izao fiainana izao. Halaim-panahy avokoa ny tsirairay, saingy ny Soratra Masina milaza fa tsy halaim-panahy mihoatra noho izay zakantsika isika. Azontsika atao ny manohitra sy mandresy ilay fahavalo feno hafetsena. - *Christ Triumphant, t. 195.*

*"Tsy misy fakam-panahy nahazo anareo afa-tsy izay zakan'ny olombelona; nefa mahatoky Andriamanitra ka tsy hamela anareo halaim-panahy mihoatra noho izay zakanareo; fa momba ny fakam-panahy dia hasiany làlana hahafahanareo koa mba hahazakanareo izany."* - 1 Kôr. 10:13.

Ny asa nampiandraiketina antsika eto amin'izao fiainana izao dia ny hiomanantsika ho amin'ny fiainana mandrakizay, ary raha tanteratsika izany asa izany, araka izay nanendren'Andriamanitra azy, dia ho tonga fampandrosoana ho antsika ny fakam-panahy tsirairay; koa raha nahatohitra ny heriny mandangolango isika, dia hitombo amin'ny fiainana manana ny toe-panahy araka an'Andriamanitra isika. Eo afovoan'ny ady mangotraka, rehefa tena mirotsaka amin'ny ady ara-panahy isika, dia hitoetra eo anilantsika ireo iraky ny lanitra tsy hita maso, ka hanampy antsika

amin'ny tolona ataontsika. Omena antsika, eo anivon'ny ady sarotra, ny hery sy ny fijoroana ho mahatoky ary ny tanjaka, ka hanana hery mihoatra noho ny hery ara-nofo, izay mety maty isika. Kanefa, raha tsy hampirindra ny sitrapony amin'ny sitrapon'Andriamanitra ny olombelona, raha tsy hahafoy ny sampiny tsirairay izy, ka hahatohitra ireo fahazaran-dratsy tsirairay, dia tsy hahita fahombiazana eo amin'ny ady na oviana na oviana izy; fa ho resy kosa amin'ny farany. Tsy maintsy miara-miasa amin'ireo iraka tsy hita maso, ireo izay maniry ny ho mpandresy; tsy maintsy resy ny fitaka ao anatin'ny tsirairay, ary tsy maintsy arindra sy atokana ho an'i Kristy ny saina. Ny Fanahy Masina dia miasa mandrakariva, mikatsaka ny hanadio sy hanova ary hifehy ny fanahin'ny olombelona, mba hahatonga azy ireo ho mendrika hiditra ny fiarahamonin'ny olona masina sy ny anjely. Ary amin'ny maha-mpandresy azy ireo, dia ho afaka hiredona ny hiran'ny fandresena izy, ka hiaiky fa an'Andriamanitra sy ny Zanak'Ondry, eo amin'ny seza fiandrianana any ambony, ihany ny voninahitra sy ny hafa. - *Christian Education, tt. 122, 123*.

Tsy misy fahavalo, raha tsy izany dia tokony hatahotra isika. Ny ady lehibe indrindra manoloana antsika dia ny ady amin'ny izaho tsy nohamasinina. Manoatra noho ny mpandresy isika, amin'ny alalan'Ilay tia antsika, rehefa mahita fandresena ny izaho. Ry rahalahiko isany, misy fiainana mandrakizay izay tokony hotratrarintsika. Andeha isika hiady ny ady tsaran'ny finoana. Tsy fizahan-toetra mbola ho avy anefa izany, fa dieny izao ankehitriny izao. - *Counsels on Stewardship, tt. 21, 22.*

*"Fa aza manadino hanao soa sy hiantra; fa fanatitra toy izany no sitrak'Andriamanitra."* - Heb. 13:16.

Ny fiainana ny fiainan'ny Mpamonjy, ny fandresena ireo filana feno fitiavan-tena, ny fanatanterahana amim-pahakingana sy amim-pifaliana ny adidy ho an'Andriamanitra, sy ho an'ireo manodidina antsika – izany rehetra no mahatonga antsika ho manoatra noho ny mpandresy. Izany no manomana antsika hijoro manoloana ilay seza fiandrianana madio lehibe, afaka amin'ireo loto na ny fiketronana, hanana ny fitafiana madio, dia ny toetra, ary hamotsy izany amin'ny ran'Ilay Zanak'Ondry. - *Reflecting Christ, t. 37.*

Ny hery mangejan'ny fitiavan-komana no porofo maneho ny faharesen'ny olona an'arivony. Koa raha maharesy izany izy ireo, dia hanovo herin-tsaina hoenti-mandresy ny fakam-panahy tsirairay alefan'i Satana. Fa ireo andevon'ny filan'ny tenda kosa dia tsy mba hahita fahombiazana ao amin'ny fitomboana amin'ny toetra kristianina. Nitondra aretina sy fangirifiriana ary fahatesana ny fahotana mitohy nataon'ny zanak'olombelona hatry ny enina arivo lasa. Koa raha mandroso amin'ny fiafaran'ny tantara isika izao, dia hihamafy sy ho sarotra hatrany ny handresena ny fakam-panahy alefan'i Satana amin'ny fampanaranam-po amin'ny fitiavan-komana. - *Counsels on Diet and Foods, t. 59.*

Ry rahalahiko, aoka hafointsika avokoa izany rehetra izany. Tsy manana alalana hampifantoka ny saintsika amin'ny tenantsika sy ny safidintsika manokana ary ny haitraitrantsika isika. Tsy tokony hikatsaka ny hitahiry ny mampiavaka antsika manokana isika, ny maha-izy antsika, izay hahatonga antsika ho tafasaraka amin'ireo mpiara-miasa namantsika. Misy toetra izay tokony hotahirizintsika, dia ny toetran'i Kristy izany. Azontsika atao ny miombona, hampandeha ny

asan'Andriamanitra, rehefa ao anatintsika ny toetran'i Kristy. Hihaona amin'i Kristy ao anatin'ireo rahalahintsika ny Kristy ao anatintsika, ary omen'ny Fanahy Masina ny firaisam-po sy ny firaisan-kina, izay porofo maneho amin'izao tontolo izao fa zanak'Andriamanitra isika. Ny Tompo anie hanampy antsika ho faty ny amin'ny izaho sy hanangana antsika indray, ka hahatonga an'i Kristy hamelona ao anatintsika, ireo fitsipi-piainana velona sy manan-kery ary matanjaka izay hitahiry ny fahamasinantsika. - *Testimonies for the Church, b. 9, tt. 187, 188.*

**Fanontaniana Hoenti-Mandini-Tena**

1. Inona ireo tolona lehibe misy eo amin'ny fiainanao? Inona eo amin'ny fiainanao no tianao horesena?

2. Inona no sakana manoloana anao, tsy hahatonga anao ho "manoatra noho ny mpandresy"? Atolory an'Andriamanitra izany rehetra izany.




## Andro fahenina

## Fifaliana amin'ny Fankatoavana

*"Ary hiravoravo amin'ny didinao aho, satria tiako ireny."* - Sal. 119:47.

**Tari-dalana ho an'ny Fotoam-Bavaka**

***Fiderana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)***

• Atombohy amin'ny fiderana an'Andriamanitra (noho ny toetrany) ny fotoam-bavaka. Izy no mpampahery, Mpamerina amin'ny laoniny ny zavatra rehetra, sns.

• Misaora an'Andriamanitra noho ny amin'i Jesôsy, izay naneho antsika ny hevitry ny hoe fifaliana amin'ny fankatoavana.

• Misaora an'Andriamanitra noho ny fifaliana sy fiadanana ary fahasambarana ao amin'ny fankatoavana an'i Kristy.

***Fiaiken-keloka sy Fangatahana Fandresena ny Ota (tokony ho eo amin'ny 5 minitra)***

• Angataho Andriamanitra haneho aminao ireo fahotana tokony hekenao am-pahibemaso. Angataho Aminy ny fandresena ireo ota.

• Mangataha famelana noho ireo fotoana nanjombona sy feno alahelo izay nanamarika ny dia kristianina nataonao.

• Misaora an'Andriamanitra noho ny famelany ny helokao, araka izay voasoratra ao amin'ny 1 Jao. 1:9.

*Fitalahoana sy Fanelanelanana (tokony ho eo amin'ny 35 minitra)*

- Mahita fifaliana ve ianao amin'ny fanatanterahana izay angatahin'Andriamanitra aminao? Mivavaha mba hanomezan'Andriamanitra anao finiavana hankatò Azy ary mba hahita fifaliana mandrakariva ianao amin'izay rehetra angatahiny aminao.

- Mivavaha ho an'ireo tanora fanahy ao amin'ny fiangonana misy anao, mba hahitan'izy ireo fifaliana amin'ny fankatoavana.

- Mivavaha ho an'ireo mpitarika ny fiangonana (mpitandrina eo an-toerana, mpitarika ny federasiona, fivondronambe, diviziona ary Foibe maneran-tany) mba hananan'izy ireo fifaliana amin'ny fanatanterahana izay rehetra ampanaovin'Andriamanitra azy.

- Ento amim-bavaka mba ho tanteraka ao amin'ny fiangonan'Andriamanitra ny fitiavany.

- Mivavaha ho an'ny fanomezan-danja lehibe ny foto-pampianarana ara-Baiboly mikasika ny famoronana – fa ny tanintsika dia noforonina tao anaty enina andro ara-bakiteny, tamin'ny alalan'ny tenin'ny Tompo.

- Mivavaha ho an'ny fanohanana goavana sy mitohy ireo tanora Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito izay mianatra any amin'ny sekolim-panjakana. Mivavaha mba ho tonga misiônera mavitrika izy ireo, izay hanompo ny hafa eny anivon'ireny anjery manontolo sy kôlejy maneran-tany ireny.

- Mivavaha ho an'ny fiaraha-miasa mafy orina sy ny firaisana eo amin'ny isam-piangonana ary ny fanohanana ireo asa fanompoana eo amin'ny fitoriana ny filazantsara izay ataon'ny fiangonantsika.

- Angataho ny Tompo mba hanolokolo sy hanome mpitarika ny fiangonana feno ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, ho fianarana ary feno fanetren-tena, mba ho ohatra haneho ny tena fitarihana marina miorina eo amin'i Kristy, eo am-panatanterahan'ny fiangonany ny iraka avy any an-danitra dia ny hitory amin'izao tontolo izao ny hafatry ny anjely telo miaraka amin'ny fahamarinan'i Kristy ho fototra.

- Iraka any an-tanàn-dehibe – Mivavaha ho an'ny Diviziona Amerika Avaratra: New York, Calgary, Indianapolis, St. Louis, Seattle, San Francisco, Oakland, Tampa, Oklahoma City. Ento amim-bavaka ihany koa ny Diviziona Azia-Pasifika Avaratra mbamin'ireo tanàn-dehibe hanaovan'izy ireo ezaka fitoriana ny filazantsara: Tokyo, Daegu, Daejon, Wuxi, Ulaanbaatar, Taipei. Mivavaha mba hiasa amin'ny fomba mahery vaika any amin'ireo tanàn-dehibe ireo ny Fanahin'Andriamanitra.

- Mivavaha mba ho tsapan'ireo mambran'ny fiangonana sy ny olona rehetra ny maha-zava-dehibe ny fanavaozana ara-pahasalamana, amin'ny maha-hiaka lehibe iray azy, ho famerenana indray ny olombelona ho araka ny endrik'Andriamanira, amin'ny alalan'ny fahamarinan'i Kristy.

Mivavaha mba haneken'ny be sy ny maro ny fomba fiaina ara-pahasalamana sy ny fahalalana onony, ary mba hitandrovantsika ny vatantsika amin'ny maha-tempolin'ny Fanahy Masina antsika, ka hahafahantsika mandray misimisy kokoa ireo hevi-dehibe avy amin'Andriamanitra.

• Ento amim-bavaka ireo olona fito (na mihoatra) voarakitra ao amin'ny lisitra nataonao, mba hahita valiny ny fangatahan'izy ireo ary mba hanokatra ny fony hitoeran'ny Fanahy Masina izy ireo.

• Ento amim-bavaka ny fanirianao manokana rehetra.

### *Fisaorana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)*

• Misaora an'Andriamanitra, satria amin'ny alalan'i Kristy, dia azonao atao ny milaza hoe: *"Ny hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô, no sitrako"* - Sal. 40:8.

• Misaora an'Andriamanitra noho ireo olony marobe, any amin'ny tanàna tsirairay, izay misento miandrandra ny lanitra!

• Misaora an'Andriamanitra noho ny nanolokoloany mpitarika feno fanetren-tena sy môdely, ho an'ny hoavy.

### *Torohevitra ny amin'ireo hira azo atao:*

"Avia, ry vazan-tany ô!" (Fihirana lah. 27); "Tonga eto an-tranonao" (Fihirana lah. 43); "Manonja malefaka" (Fihirana lah. 131); "Jiro mazava" (Fihirana lah. 186); "Mihira fihiram-pifaliana" (Fihirana lah. 200); "Mangina! Mangina!" (Fihirana lah. 203); "Fotoana soa…" (Fihirana lah. 226); "Ray ô, tsy mba takatry ny saina" (Fihirana lah. 679); "Vonona aho, ry Mpamonjy" (Fihirana lah. 686).

## FIFALIANA AMIN'NY FANKATOAVANA

*"Ary hiravoravo amin'ny didinao aho, satria tiako ireny."* – Sal. 119:47.

Nanapa-kevitra ny Tompo fa ny fanahy tsirairay izay mankatò ny teniny dia handray ny fifaliany, ny fiadanany, ny heriny mihazona tsy tapaka. Ireo lehilahy sy vehivavy toy izany, dia voasarika ho eo anilany mandrakariva, tsy hoe amin'ny fotoana hampileferany ny lohaliny amim-bavaka eo anatrehany ihany, fa amin'ny fotoana rehetra handraisanay ny andraikiny eo amin'ny fiainany. Nanomana toerana hiarahany monina Aminy Izy, toerana hanjakan'ny fiainana voadio afaka amin'ny fahambanian-toetra sy ny tsy fitiavana rehetra. Tonga mpiara-miasa Aminy eo amin'ny fiainany izy ireo noho izany fatoram-pifandraisana tsy tapaka Aminy izany. - *Heavenly Places, t. 53*.

Rehefa mitoetra ao am-po i Kristy, dia ho heniky ny fitiavany, ho heniky ny fifaliana amin'ny firaisana Aminy ny fanahy,  ka ho tonga raiki-tampisaka Aminy izany; ary raha mibanjina azy isika, dia ho foana araka izany koa ny izaho. Ny fitiavan'i Kristy no manjary loharano hipoiran'ny asa atao rehetra. Ireo izay mahatsapa ny fitiavana manery avy amin'ny Andriamanitra dia tsy hangataka ny kely indrindra hoenti-manatanteraka ireo fitakian'Andriamanitra; tsy hangataka ny fenitra ambany indrindra izy ireo, fa hanatratra kosa ny fanahafana ny sitrapon'ny Mpanavotra azy. Amin'ny faniriana miredareda no hampileferan'izy ireo ny zava-drehetra, ka hanehoany fahalianana mifandraika amin'ny tombambidin'ny zavatra izay katsahin'izy ireo.

Fanahy feno fileferana sy manaiky hotarihina no ilain'Andriamanitra. Hiseho miharihary ny mahatonga lafatra ny vavaka, satria rivotra hiainan'ny fo feno fitiavana sy fankatoavana izany. - *My Life Today, t. 7.*

*"Raha tia Ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko."* - Jao. 14:15.

Ny olona izay miezaka ny hitandrina ny didin'Andriamanitra noho ny fahatsapany fotsiny fa tsy maintsy atao izany, satria nangatahina hanao izany izy, dia tsy hanana na oviana na oviana fifaliana avy amin'ny fankatoavana. Tsy izany no atao hoe mankatò. Rehefa raisina ho enta-mavesatra ny fitakian'Andriamanita, satria mifanipaka amin'ny fironan'olombelona, dia aoka ho fantatsika fa tsy fiainana kristianina izany fiainana izany. Ny fankatoavana marina dia asa tanterahin'ny foto-kevitra ao anaty. Mipoitra avy amin'ny fitiavana ny fahamarinana izany, ary avy amin'ny fitiavana ny lalàn'Andriamanitra. Ny fototra maha-izy ny fahamarinana rehetra dia ny fijoroana ho mahatoky amin'ny Mpanavotra antsika. Hitarika antsika hanao ny marina izany satria izany no marina ary satria ankasitrahan'Andriamanitra ny fanaovana ny marina. - *Henoinareo ny Fanoharana*, t. 72.

Napetraka eto amin'ity izao tontolo izao ity isika, mba ho tonga fanampiana sy fitahiana ho an'ny hafa, iray amin'i Kristy amin'ny ezaka famerenana amin'ny laoniny indray ny endrik'Andriamanitra eo amin'ny olona. Tsy maintsy mianatra amin'i Jesôsy isika ho fanatanterahana izany asa izany. *"Ento ny ziokago",* hoy Izy, *"ka mianara Amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho; dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo hianareo."* Tsy ahitana hoe "raha" ao amin'izany teny fikasana izany. Ireo rehetra nahita fanandramana tamin'ny fitondrana ny ziogan'i Kristy, dia ziogan'ny fifehezana sy fankatoavana, dia hahalala fa fananana fitsaharana sy fiadanana ao Aminy no hevitr'izany. Ao amin'ny fankatoavana no ahitana fifaliana sy fiononana. Manidina manodidina ny mpankatò ireo anjely masina, mba hihazona azy ireo ho amin'ny lalan'ny fiadanana mandrakariva. - *Atlantic Union Gleaner, 9 Sept. 1903.*

Tsy misy finoana mahavonjy ao amin'i Kristy afa-tsy izay asehon'ny fankatoavana ihany. Mitoetra eo ambonin'ny olombelona tsirairay avy ny andraikitra masin'ny fankatoavana an'Andriamanitra. Miankina amin'ny fankatoavany an-tsitrapo ireo fitakiana avy amin'Andriamanitra ny fifaliany ankehitriny sy ho mandrakizay. Tsy maintsy ampileferina eo amin'Andriamanitra avokoa ny sitrapo sy ny fironana ao anatin'ny olona tsirairay. Rehefa izany, dia ho tonga mpiara-miasa amin'Andriamanitra izy, haneho, amin'ny foto-kevitra sy ny ohatra velona, fa, amin'ny lafiny rehetra, dia nifidy ny ho eo ambany fifehezan'ilay Mpahary azy izy. Faly

ny Tompo rehefa misafidy ny hanompo Azy ny zanany, mihoatra noho ny fifaliana amin'ny fahafinaretan'izao tontolo izao, toy izay nataon'i Mosesy. Raha azo naorina ny efitra lamba, raha azon'ny olona natao ny mahita ireo anjely maro be midera an'Andriamanitra amin'ny hiram-pifaliana sy firavoravoana, dia ho tsapan'izy ireo fa mitondra fifaliana ny fankatoavana, ary mitondra alahelo kosa ny tsy fankatoavana. Mifaly ny amin'ny fandresena tsirairay azon'ny Kristianina Andriamanitra mbamin'ireo anjely maro; saingy rehefa lavon'ny fakampanahy kosa ny fanahy, dia alahelo no mameno ny lanitra manontolo. - *Review and Herald, Dec. 14, 1897*.

Soloantsika lainga ny fahamarinana, omentsika voninahitra i Satana, rehefa mizotra amin'alahelo sy ny haizim-pito isika satria mihevitra fa mihoatra lavitra noho izay azontsika tanterahina no takina amintsika eo amin'ny fiainana kristianina. Tianao ilay Mpanavotra anao, ary manolotra anao ny fifaliana mandrakizay ao amin'ny fiainam-pakatoavana Izy. Tsy misy na iza na iza, nanandrana ny fifaliana ateraky ny fileferana feno sy an-tsitrapo amin'Andriamanitra, ka tsy nahatsapa fiadanana sy fahasambarana ary antoka ny amin'ny fitiavany. - *Review and Herald, 13 Jan. 1891.*

**Fanontaniana Hoenti-Mandini-Tena**

1. Eo am-panandramana ny fifaliana amin'ny fankatoavana an'i Kristy ve ianao?

2. Moa misy sakana tsy mahatonga anao hahita fifaliana amin'ny fankatoavana ilay Mpamonjinao be fitiavana ve?




## Andro fahafito

## Fiainana Tonga Fitahiana ho an'ny Hafa

*"Izay mino Ahy, dia hisy onin'ny rano velona hiboiboika avy ao an-kobon'ny, araka ny voalazan'ny Soratra Masina."* - Jao. 7:38.

**Tari-dalana ho an'ny Fotoam-Bavaka**

***Fiderana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)***

• Atombohy amin'ny fiderana an'Andriamanitra (noho ny toetrany) ny fotoam-bavaka. Andriamanitra mandrakizay Izy, mahari-po sy be fitiavana. Izy no fiarovana mafy ho antsika (Sal. 27:1) sy tany fandriantsika (Jer. 50:6).

• Misaora an'Andriamanitra noho ny fanekeny hampiasa antsika ho fitahiana ho an'ny hafa, eny, fa na dia eo aza ny fahalementsika sy ny fahadisoantsika.

• Misaora an'Andriamanitra satria tsy isika samirery, fa i Kristy ato anatintsika no mikasika sy mitahy ny fiainan'ny hafa.

Fiaiken-keloka sy Fangatahana Fandresena ny Ota (tokony ho 5 minitra)

• Angataho Andriamanitra haneho aminao ireo fahotana tokony hekenao ampahibemaso sy ireo izay tokony hekenao mangina. Angataho Aminy ny fandresena ireo ota ireo.

• Mangataha famelana noho ireo fotoana izay tsy nahatonga ny fiainanao ho fitahiana ho an'ny hafa.

• Angataho Andriamanitra hamela ny helokao, noho ireo fotoana izay nampifantoka anao bebe kokoa tamin'ny fahombiazan'ny tenanao manokana mihoatra noho ny fanompoana Azy.

• Misaora an'Andriamanitra noho ny famelany ny helokao, araka izay voasoratra ao amin'ny 1 Jao. 1:9.

***Fitalahoana sy Fanelanelanana (tokony ho eo amin'ny 35 minitra)***

• Mivavaha mba hanomezan'Andriamanitra finoana anao, eny, fa na hiezaka aza ilay ratsy hanakivy anao amin'ny fanompoana ny hafa.

• Angataho Andriamanitra hanome anao andraikitra amin'ny fanohanana fanahy, sy fitiavana ireo zanany maniasia.

• Ento amim-bavaka ny hanana toetra manintona, tahaka ny an'i Kristy, izay mitaona ny olona ho eo amin'i Jesôsy.

• Ento amim-bavaka ny mba hahatsapan'ny mambra tsirairay ny maha-zava–dehibe ny famaboana fanahy, ary mba hahatsapa fa mangataka ny tsirairay ny lanitra, mba hanaraka ny dian'i Kristy amin'ny fizaràna ny finoany manokana ny fitarihan'Andriamanitra.

• Mivavaha ho an'ny fampiasana araka ny tokony izy ny haino aman-jery tsirairay hoenti-mizara ny hafatry ny anjely telo amin'ny fomba vaovao, ho an'ireo olona mirotoroto amin'izao vaninandro ankehitriny izao.

• Mivavaha ho an'ny fandraisana anjara bebe kokoa amin'ny fitoriana ny filazantsara, avy amin'ny mambran'ny fiangonana sy ireo sehatr'asa hafa, ho fanohanana ny iraka tanterahin'ny fiangonana anketriny.

• Iraka any an-tanàn-dehibe – Mivavaha ho an'ny Diviziona Amerika Afovoany sy ireo tanàn-dehibe hanaovan'izy ireo ezaka ho an'i Kristy: Mexico City, Caracas, Bogota, Nassau, Belize, Georgetown, Cali, Cayenne, Guatemala City, Quetzaltenango, Port-au-Prince, Tegucigalpa, Mérida, Porto Rico (ny nosy manontolo), Santiago de los Caballeros, ary Maracaibo. Mivavaha mba hahafahan'ireo mambra mamelabelatra paikady hanatrarana ireo tanàn-dehibe ireo.

• Mivavaha ho an'ny fanorenana "ivon-toeram-pifandraisana" (fiangonana, tobim-pahasalamana, toeram-pitaizana zaza, toeram-pamakiam-boky, ivon-toerana fanaovana asa fitoriana eo amin'ny fiarahamonina, ivon-toerana ho an'ny tanora, toeram-pisakafoana ho an'ny tsy mihinan-kena, toeram-pitsaboana ary ny maro hafa koa), indrindra fa any amin'ireo tanàn-dehibe manerana ny tany. Ento amim-bavaka ihany koa mba hisy fiovana goavana ho tsapa entin'ireo ivon-toerana ireo eo amin'ny fiainan'ny olona rehefa manao fanandramana ny amin'ny fahamarinan'Andriamanitra izy ireo amin'ny alalan'ireo asa fanompoana kristianina.

• Ento amim-bavaka ireo olona fito (na mihoatra) voarakitra ao amin'ny lisitra nataonao, mba hahita valiny ny fangatahan'izy ireo ary mba hanokatra ny fony hitoeran'ny Fanahy Masina izy ireo.

• Ento amim-bavaka ny fanirianao manokana rehetra.

***Fisaorana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)***

• Misaora an'Andriamanitra, satria te hampiasa antsika Izy, fa tsy ny anjely, mba ho mpiara-miasa Aminy ho fitahiana ny hafa.

• Misaora an'Andriamanitra noho ny ohatra napetrak'i Kristy ho antsika ny amin'ny fomba hahatonga antsika ho fitahiana ho an'ny hafa.

• Misaora an'Andriamanitra noho ny nanirahany ny Fanahy Masina hiasa ao am-pon'ireo olona izay anaovanao vavaka manokana.

***Torohevitra momba ny hira azo atao:***

" 'Ndeha hilazako" (Fihirana lah. 329); "Mamafaza voa" (Fihirana lah. 366); "Velomy mafy mba ho re" (Fihirana lah. 371); "Moa mba henonao va re?" (Fihirana lah. 375); "Iza no any an-danitra" (Fihirana lah. 399); "Tsy misy miadana ka afa-po" (Fihirana lah. 413); O! Ry namako avia (Fihirana lah. 480); "Raha mafy izao ny mahory" (Fihirana lah. 481); "Tompo, ampio aho hitaona" (Fihirana lah. 650).

## FIAINANA TONGA FITAHIANA HO AN'NY HAFA

*"Izay mino Ahy, dia hisy onin'ny rano velona miboiboika avy ao an-kibony, araka ny voalazan'ny Soratra Masina."* – Jao. 7:38.

Mpiara-miasa amin'Andriamanitra ho fitahiana ho an'ny taranak'olombelona izay rehetra itoeran'i Kristy ny fony sy izay rehetra haneho ny fitiavany amin'izao tontolo izao. Rehefa mandray fahasoavana avy amin'ny Mpamonjy hozaraina amin'ny hafa izy, dia mitobaka avy amin'ny maha-izy azy manontolo ny fisamontan'ny fiainana ara-panahy. - *Vavolombelona Mahery, t. 14.*

Na dia izay ambany indrindra sy mahantra indrindra amin'ny mpianatr'i Jesôsy aza, dia mety ho fitahiana amin'ny hafa. Angamba tsy fantany fa manao asa soa lehibe izy, nefa noho ny heriny tsy ampoizina dia indro izy manomboka alondranom-pitahiana izay mitatra sy mihalalina; ary ny voka-tsoa angamba tsy ho fantany akory ambara-pahatongan'ny andro famaliana amin'ny farany. Tsy tsaorany sady tsy fantany fa manao zava-dehibe izy. Tsy ilaina akory ny ho vizana sy hanahy ny amin'izay vokatra ho azo. Tsy maintsy mandroso fotsiny amim-pahanginana izy, hanao amim-pahamarinana ny asa voatendrin'Andriamanitra, ary dia tsy ho foana ny fahavelomany eto ambonin'ny tany. Ny fanahy koa hitombo lalandava ho tahaka an'i Kristy: mpiara-miasa amin'Andriamanitra izy eto amin'ity fiainana ity; ary noho izany dia tonga mendrika ho amin'ny asa ambony kokoa sy ny fifaliana tsy arahin-tsento any amin'ny fiainana ho avy. - *Ny Dia ho eo amin'i Kristy, t. 57*.

Manaitra antsika ny Tompo mba hahatsapantsika ny andraikitsika. Nomen'Andriamanitra ny asany avy ny olona tsirairay. Azon'ny tsirairay atao ny manana fiainana misy antony ilaina azy. Aoka hianarantsika izay rehetra azontsika hianarana, ka hanjary fitahiana ho an'ny hafa isika amin'ny fizaràna ny fahalalana ny fahamarinana. Aoka ny tsirairay hanao araka ny fahafaha-manao ananany avy, ho vonona hanampy amin'ny fizakana izay enta-mavezatra. - *Counsels on Health, t. 218*.

*"Mazotoa manolotra ny tenanao amin'Andriamanitra ho olona voazaha toetra, dia mpiasa tsy mahazo henatra, mizara tsara ny teny fahamarinana."* - 2 Tim. 2:15.

Angamba ho tonga fitahiana lehibe ho an'ny hafa ianao, raha tahiny ka manolo-tena tanteraka, tsy misy fitiavan-tena, amin'ny asa fanompoana ny Tompo. Hirotsaka aminao ny hery avy any ambony, raha toa ka miandany amin'ny Tompo ianao. Amin'ny alalan'i Kristy, dia azonao atao ny mandositra ny fitaka izay misy eto amin'izao tontolo izao noho ny filana, ka ho tonga ohatra ambony ny amin'izay azony tanterahina ho an'ireo izay miara-miasa Aminy. - *Counsels to Parents, Teachers, and Students, t. 489.*

Irin'Andriamanitra ny hiainan'ny lehilahy sy vehivavy fiainana ambony. Atolony azy ireo ny zava-tsoan'ny fiainana, tsy hoe hahatonga azy ireo hahazo harena fotsiny, fa hoenti-manatsara ihany koa ny fahefana ambony tanan'izy ireo, amin'ny fanatanterahana ny asa izay nankininy tamin'ny taranak'olombelona – asa fitadiavana sy fanamaivanana ny filan'ny mpiara-belona aminy. Tsy tokony hiasa ho an'ny tombontsoan'ny tenany manokana ny olona, fa ho an'ny tombontsoan'ny tsirairay mifampikasoka aminy kosa, ka hitahy ny hafa amin'ny alalan'ny hery miasa mangina sy ny asa tsara ataony. Hita taratra teo amin'ny fiainan'i Kristy izany tanjona napetrak'Andriamanitra izany. - *Mind, Character, and Personality, boky. 2, t. 645*.

*"Nefa manome fahasoavana bebe kokoa Izy. Koa hoy izy: Andriamanitra manohitra ny mpiavonavona, fa manome fahasoavana ho an'ny manetry tena."* - Jak. 4:6.

Rehefa manetry tena sy torotoro fo isika, dia afaka sy hijoro eo amin'izay hahafahany maneho ny Tenany Andriamanitra. Ankasitrahan'Andriamanitra rehefa manandratra indray ireo famindrampo sy fitahiana tamin'ny lasa isika ho toy ny antony tokony handrotsahany fitahiana bebe kokoa amintsika indray. Hanao mihoatra noho ny fanatanterahana fotsiny ny fanantenan'ireo izay matoky tanteraka Azy Izy. Fantatr'i Jesôsy izay tena ilain'ireo zanany, ny fatran-kery avy amin'Andriamanitra izay hoentintsika ho fitahiana ho an'ny taranak'olombelona; ary harotsany amintsika izay rehetra hampiasaintsika amin'ny fitahiana ny hafa sy ho fanandratana ny fanahintsika manokana. - *Help in Daily Living, t. 61.*

Ireo izay tena tia marina an'Andriamanitra dia haniry fatratra ny hampivelatra ny talentany izay nomeny azy, mba hahatonga azy ireo ho fitahiana ho an'ny hafa. Ary tsy ho ela dia hisokatra hidanadana ny vavahadin'ny lanitra mba handraisana azy ireo, ka avy amin'ny molotry ny Mpanjakan'ny Voninahitra no hikorianan'ny tso-drano eo an-tsofin'izy ireo, toy ny feon-kira sarobidy indrindra, manao hoe *"Avia hianareo izay notahin'ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay voavoatra ho anareo hatrizay nanorenana izao tontolo izao"* - Mat. 25:34. - *In Heavenly Places, t. 367*.

**Fanontaniana ho Enti-Mandini-Tena**

1. Inona ireo zava-madinika azonao atao, ho fitahiana ireo manodidina anao?

2. Mazàna, toa mora kokoa ny ho tonga fitahiana ho an'ny olona lavitra anao, noho ny ho an'ny ankohonanao manokana. Fomba ahoana no hahatonga anao ho fitahiana ireo izay akaiky anao indrindra?




## Andro fahavalo

## Kristy Hita Taratra eo amin'ny Fianakaviana

*"Ry malala, aoka hifankatia isika; fa avy amin'Andriamanitra ny fitiavana, ary izay rehetra tia no naterak'Andriamanitra sady mahalala an'Andriamanitra."* - 1 Jao. 4:7.

**Tari-dalana ho an'ny Fotoam-Bavaka**

***Fiderana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)***

• Atombohy amin'ny fiderana an'Andriamanitra (noho ny toetrany) ny fotoam-bavakao. Andriamanitra mpamindra fo Izy, sns.

• Miderà an'Andriamanitra satria Izy no Rain'ny fiankaviamben'olombelona eto an-tany.

• Miderà an'Andriamanitra satria tiany ny hanehoan'ny fianakaviamben'olombelona ny hatsarany sy ny toetrany.

*Fiaiken-keloka sy Fangatahana ny amin'ny Fandresena ny Ota (tokony ho eo amin'ny 5 minitra)*

• Angataho Andriamanitra haneho aminao ny fahotana izay tokony hekenao mangina. Mangataha ny fandresena avy Aminy, handresenao ireo ota ireo.

• Angataho Andriamanitra hamela ny helokao, noho ireo fotoana tsy nanehoanao Azy teo amin'ny ankohonanao.

• Angataho Andriamanitra hamela ny helokao noho ireo fotoana tsy nankatoavanao sy tsy nanajanao ny ray aman-dreninao sy ireo mpiray tampo aminao.

• Misaora an'Andriamanitra noho ny namelany ny fahotanao, araka izay ambaran'ny 1 Jao. 1:9.

***Fitalahoana sy Fanelanelanana (tokony ho eo amin'ny 35 minitra)***

• Angataho Andriamanitra hameno ny fonao amin'ny Fanahy Masina ka hanova anao ho ohatra velona ho an'ny fianakavianao.

• Angataho Andriamanitra mba hahatonga ny tsirairay ao amin'ny ankohonanao ho voataona hanakaiky kokoa an'i Kristy.

• Angataho amin'Andriamanitra ny mba hiarovana ny fianakaviana advantista manoloana ny fanafihana ataon'ilay ratsy, ao anatin'izany ireo fianakaviana ao amin'ny fiangonana misy anao. Angataho Andriamanitra hitondra fanasitranana any amin'izay rehetra mila izany.

• Mivavaha ho an'ireo mpitarika ny fiangonana (mpitandrina eo an-toerana, mpitarika ny federasiona, ny fivondronambe, ny diviziona ary ny Foibe maneran-tany) sy ny fianakaviany mba haneho taratra an'i Kristy eo amin'izao tontolo izao izy ireo.

• Mivavaha mba hisian'ny fotoam-pijinjana fanahy mahafinaritra, vokatry ny famafazana voa mandritra ny hetsika fanapariahana ny Hery Mifanandrina, amin'ny fomba samy hafa hanatanterahana izany.

• Mivavaha ho an'ireo ray aman-dreny mba haneho an'i Kristy amin'ireo zanany izy ireo ary hanolokolo azy ireo ho an'Ilay Fanjakana be voninahitra.

• Mivavaha mba hahazoana ny fahazavan-tsaina avy amin'Andriamanitra, hahafantarana ny fomba fiasan'i Kristy (asa fanompoana ara-pahasalamana feno), izay mitarika ny mambran'ny fiangonana hamaly ny hetahetan'ny olona ka hanaraka ny ohatr'i Kristy ny amin'ny fanompoana ny hafa.

• Ento amim-bavaka ny asa fitoriana filazantsara sy ny fijoroana ho vavolombelona hiarahan'ny lehilahy sy ny vehivavy ary ny ankizy madinika mpino advantista maneran-tany. Mivavaha mba hanafiana antsika ny herin'ny Fanahy Masina raha milefitra eo ambany fitantanany isika eo amin'ny fiainantsika.

• Mangataha amin'ny Tompo ho an'ireo ankohonana advantista maro mitandrina ny andro fahafito, mba hahatonga azy ireny ho môdely haneho taratra ny fomba hitondran'i Kristy fiadanana sy fitiavana ao amin'ny isan-tokantrano ka manafoana ny fanararaotana sy ny rarintsaina amin'ny alalan'ny hery manamasin'ny fahamarinan'i Kristy sy mampitodika ny fijerin'ny rehetra ho amin'ny fiavian'i Jesôsy tsy ho ela ary ny fihaonan'ny ankohonon' Andriamanitra any an-danitra ho mandrakizay.

• Iraka eny an-tanàn-dehibe - Ento amim-bavaka ny Diviziona Eorô-Azia mbamin'ireo tanàna anaovan'izy ireo asa: Moscou, Kiev, Kishinev, Donetsk, Kharhov, Minsk, St. Petersburg, Novosibirsk, Krasnoyarsk, Khabarovsk, Rostov-on-Don, Tbilisi, Yerevan ary Almaty. Mivavaha ho an'ireo asa fitoriana ivelany an'arivony sy ny hetsika fijinjana atao any ankehitriny.

• Mivavaha ho an'ireo olona fito (na mihoatra) ao amin'ny lisitra nataonao, mba hahita valiny ny filan'izy ireo ary mba hanokatra ny fony ho an'ny Fanahy Masina izy.

• Mivavaha ho an'izay mety ho faniriana manokana ao anatinao.

***Fisaorana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)***

• Misaora an'Andriamanitra fa miasa ao am-pon'ireo mambra ao amin'ny ankohonanao Izy.

• Misaora an'Andriamanitra fa vonona Izy ny hanadio sy hanavao ary hitoetra ao aminao sy ny fianakavianao.

• Misaora an'Andriamanitra noho ny ohatra nomen'i Jesôsy antsika ny amin'ny fanajana ireo ray aman-drenintsika sy ny fitiavana ireo mpiray tampo amintsika.

Torohevitra ny amin'ireo hira azo hiraina

"Anio dia mandona…" (Fihirana lah. 301); "Endrey ny faniriako" (Fihirana lah. 349); "Misy didy tena tsara" (Fihirana lah. 416); "Arỳ an-koatra arỳ" (Fihirana lah. 520); " 'Zay mahakolokolo" (Fihirana lah. 562); "Indreto fa vonon-kanompo" (Fihirana lah. 689); "Sambatra sy tretrika" (Fihirana lah. 756).

## KRISTY HITA TARATRA EO AMIN'NY FIANAKAVIANA

*"Ry malala, aoka hifankatia isika; fa avy amin'Andriamanitra ny fitiavana, ary izay rehetra tia no naterak'Andriamanitra sady mahalala an'Andriamanitra."* - 1 Jao. 4:7.

Ny fivavahan'i Kristy dia hitarika antsika hanao izay tsara rehetra azontsika atao, na amin'ny olona ambony izany na amin'ny olona ambany, na amin'ny manan-karena na mahantra, na amin'ny fifaliana na amin-katerena. Kanefa izany dia hitarika amin'ny fanehoana miharihary ny fahamoram-po eo amin'ny fianakaviantsika manokana. Hiseho amin'ny alalan'ny fihetsika feno fahalalam-pomba sy ny fitiavana ny ray sy ny reny, ny vady ary ny zanaka izany. Ilaintsika ny hibanjina an'i Jesôsy, hihazona ny Fanahiny, hihaina ny fahazavan'ny fahatsarany sy ny fitiavany, ary haneho amin'ny hafa ny voninahiny. - *My Life Today, t. 200*.

*"Ka dia maneke an'Andriamanitra hianareo; ary manohera ny devoly, dia handositra anareo izy."* - Jak. 4:7.

Raha hatolotrao tanteraka ho an'i Jesôsy ny tenanao, dia hametraka ao anatinao ny faniriana mivaivay hifandray amin'Andriamanitra Izy, ka haniry fatratra ny haneho ny fahatsarana sy ny fitiavan'i Jesôsy eo amin'ny fiainanao izy, haneho ny toetrany eo amin'ny ankohonanao sy amin'ireo izay tsy mahalala ny fitiavan'Andriamanitra. Amin'ny fanolokolonao faharim-po, fahalemem-panahy, fandeferana, amin'ny fanehoanao fanajana sy fankatoavana ny rainao sy ny reninao, tahaka ny amin'ny Tompo, dia haneho eo amin'ny fiainanao andavanandro ianao fa ny fahamarinana dia manana hery manamasina ny toetra. - *Manuscript Releases, boky. 4, t. 194*.

Rehefa tsy ampifileferina eo amin'Andriamanitra ny fo, dia manjary zava-tsarotra tokoa ny famahana ireo fahasahiranan'ny fianakaviana, eny, fa na dia miezaka ny hametraka fijery aradrariny sy marina mikasika ireo adidy maro manoloana azy aza ny mpivady. - *The Adventist Home, t. 119*.

*"Izay mino Ahy, dia hisy onin'ny rano velona hiboiboika avy ao an-kibony, araka ny voalazan'ny Soratra Masina."* - Jao. 7:38.

Raha tanteraka ny sitrapon'Andriamanitra, dia hanjary hahay hifanaja sy hanolokolo fitiavana sy fifampitokisana ny mpivady. Tokony haetry avokoa na inona na inona mety hanimba ny fihavanana sy ny firaisan-tsainan'ny fianakaviana, ary tokony hankamamiana ny fahamorampanahy sy ny fitiavana. Izay maneho ny fanahin'ny fahalemem-panahy sy fifandeferana ary fitiavana dia hahita fa io fanahy io ihany koa no hita taratra eo aminy. Tsy ho hita velively eo amin'izay anjakan'ny Fanahin'Andriamanitra, ny resaka tsy fifanarahana eo amin'ny fatorampanambadiana. Raha miorina ao anaty i Kristy, fanantenana ny voninahitra, dia hisy firaisana sy fifankatiavana ao an-tokantrano. I Kristy mitoetra ao am-pon'ny vavy, dia hifanaraka amin'i Kristy mitoetra ao am-pon'ny lahy. Hiara-mientana hanao ezaka izy ireo mba hahazo ilay fitoerana izay nomanin'i Kristy ho an'ireo izay tia Azy. - *Adventist Home, t. 120.*

Tsy maintsy manana ny Fanahin'Andriamanitra isika, andrao dia tsy hisy firindrana na oviana na oviana ao an-tokantrano. Raha manana ny fanahin'i Kristy ny vavy, dia hanjary hanana fitandremana fatratra ny amin'ny teny atao; hifehy ny toetrany izy, hahay hilefitra, nefa tsy hahatsapa faneriterena, fa ho tena sakaiza tandrifin'ny lahy tokoa. Raha mpanompon' Andriamanitra ny lahy, dia tsy hanambony tena hanapaka ny vadiny izy; tsy hanao didy jadona na ho sarotiny izy. Tsy afaka ny hankamamy ny fifankatiavana ao an-tokantrano isika, amin'ny fiahiana be diso tafahoatra; satria ny tokantrano dia toa sombin-danitra, rehefa ny Fanahin'ny Tompo no mitoetra ao.... Raha misy iray maniasia, ny iray kosa hampiseho ny fandeferan'i Kristy, fa tsy handao amin'ny fo mangatsiaka. - *The Adventist Home, t. 118.*

Ny fiainan-tokantranonao no toeram-pifehezana tsara indrindra anananao, raha manana tanjona ambony, sy mikendry ny hanatratra fenitra avo ianao. Raha manana fiheveran-diso kosa anefa ianao ao an-tokantrano, dia ho diso amin'ny tanjona tsirairay sy ny ezaka atao ianao; koa rehefa ivelan'ny tokantrano ianao, dia tsy ho tonga fitahiana velively ho an'ireo mifampikasoka aminao. Ny fivavahana iainana ao an-tokantrano dia hihoatra lavitra ny faritra misy ny ankohonana. - *The Youth's Instructor, 21 Apr. 1886, par. 7*.

**Fanontaniana Hoenti-Mandini-Tena**

1. Ahoana no hitarihanao ny ankohonanao amin'ny ohatry ny fiainana be dia be ao amin'i Kristy?

2. Isan'ny olona mahafinaritra ao amin'ny ankohonana misy anao ve ianao? Misy zavatra sasantsasany tokony halaminao ve? Ilainao ve ny mametraka ny ankohonanao ho lohalaharana. mihoatra noho ny zavatra hafa?




## Andro fahasivy

## Kristy Hita Taratra eo amin'ny Fiangonana

*"Izaho ao aminy, ary Hianao ato amiko, mba ho tanteraka ho iray izy, mba ho fantatr'izao tontolo izao fa Hianao efa naniraka Ahy sady efa tia azy tahaka ny nitiavanao Ahy."* – Jao. 17:23.

**Tari-dalana ho an'ny Fotoam-Bavaka**

***Fiderana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)***

- Atombohy amin'ny fiderana an'Andriamanitra, ny fotoam-bavaka, satria fifaliana Izy, fiadanana ary fahari-po, sns.

- Miderà an'Andriamanitra noho nanaovany ny fiangonany sisa ho jiro manaza izao tontolo izao.

- Miderà an'Andriamanitra satria tsy ho ela dia tontosa ny asa izay natombony ao amin'ny fiangonana.

***Fiaiken-keloka sy Fangatahana ny amin'ny Fandresena ny Ota (tokony ho eo amin'ny 5 minitra)***

- Angataho Andriamanitra haneho aminao ny fahotana izay tokony hekenao ampahibemaso. Mangataha ny fandresena avy Aminy, handresenao ireo ota ireo.

- Angataho Andriamanitra hamela ny helokao, noho ireo fotoana namelanao ny fitsiriritana, ny ahiahy na ny fanakianana ny rahalahinao hameno ny fonao. Mangataha fo vaovao, anjakan'ny fitiavana sy fangoraham-po.

- Misaora an'Andriamanitra noho ny namelany ny fahotanao, araka izay ambaran'ny 1 Jao. 1:9.

***Fitalahoana sy Fanelanelanana (tokony ho eo amin'ny 35 minitra)***

- Angataho Andriamanitra hanomana ny fonao handray ny Fanahy Masina.

- Mivavaha ho an'ny firaisan'ny ankohonanao, ary mba hanjakan'ny fiadanana sy ny fitiavana anie ny fiangonantsika.

- Angataho Andriamanitra hanadio ny fiangonana ka ho tsapan'ny vahiny fa mitoetra ao tokoa ny Fanahy Masina.

- Mivavaha ho an'ireo mpitarika ny fiangonana (mpitandrina eo an-toerana, mpitarika ny federasiona misiona, fivondronambe, diviziona ary ny Foibe maneran-tany), mba ho ny fitiavana sy ny fangoraham-po ary ny firaisana no entin'izy ireo mamita ny asa izay napetrak'i Kristy tamintsika.

- Mivavaha ho an'ny vondrona sy ny fiangonana tsirairay mba hisian'ny firaisana maneran-tany, izay mifototra amin'ny fankatoavana feno ny Tenin'Andriamanitra, vavaka feno fanetren-tena, ny herin'ny Fanahy Masina, ny fanajana ny sata/fomba fiasan'ny fiangonana ary ny fanoloran-tena feno amin'ny iraka manoloana ny fiangonana.

- Ento amim-bavaka ny hisian'ny fanetren-tena eo amin'ny fiainantsika, mba hahatonga antsika ho iray eo ambany fileferana amin'ny fitarihan'Andriamanitra. Mivavaha ihany koa ho an'ny dingana tsirairay ataon'ny fiangonana eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra iombonana, sy ho an'ny fanekena izay rehetra tapaka mandritra ny fivoriana atao any amin'ny Foibe Maneran-tany.

- Mivavaha mba hanokanantsika bebe kokoa ny fotoantsika amin'ny zavatra maharitra mandrakizay, amin'ny alalan'ny fianarana ny Baiboly sy ny vavaka, ka hamela an'Andriamanitra hitarika ny olony araka ny sitrapony fa tsy araka ny sitrapontsika. Izany dia hanampy antsika hitoetra akaiky kokoa an'Andriamanitra ary hahatonga ny herin'ny Fanahy Masina ho afaka hanova ireo fironana araka izao tontolo izao, izay loza manambana ho an'ny fiangonan'Andriamanitra sy ny fiainantsika isan'andro.

- Iraka eny an-tanàn-dehibe - Ento amim-bavaka ny Diviziona Afrika Afovoany Antsinanana mbamin'ireo tanàna anaovan'izy ireo asa: Kinshasa, Dar-es-Salaam, Addis Abeba, Kampala, Kananga, Lodwar, Kigali, Lubumbashi, Goma, Magara, Juba. Ento amim-bavaka mba ho rava ny fangejan'i Satana, ary hitoetra tsy ho azo hozongozonina kosa ny fifandraisantsika amin'i Kristy.

- Mivavaha ho antsika mbamin'ireo tanorantsika rehetra mba ho voaaro amin'ny hery miasa manginan'izao tontolo izao, izay tsy mitsaha-mitombo hatrany. Mivavaha mba hananantsika fifantohana feno amin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny fanompoana ny hafa. Ento amim-bavaka ny fiangonana eo an-toerana mba hanana fahafoizana hanohana ny tanora manoloana ny iraka fitoriana filazantsara sy ireo tombontsoa maro hanaovana asa fanompoana.

• Mivavaha ho an'ireo olona fito (na mihoatra) ao amin'ny lisitra nataonao, mba hahita valiny ny filan'izy ireo ary mba hanokatra ny fony hitoeran'ny Fanahy Masina izy.

• Mivavaha ho an'izay mety ho faniriana manokana ao anatinao.

***Fisaorana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)***

• Misaora an'Andriamanitra noho izay nataony ho an'ny fiangonany sy izay mbola hotanterahiny ho azy.

• Misaora an'Andriamanitra fa vonona Izy hanadio sy hanavao ary hitarika ny fiangonana.

• Misaora an'Andriamanitra noho ny vavaka nataon'i Jesôsy ho an'ny fiangonana mba hitoetra ho iray ihany izy ireo.

• Misaora an'Andriamanitra noho ny asa tanterahiny ao am-pon'ireo olona entinao amimbavaka.

***Torohevitra ny amin'ireo hira azo hiraina:***

"Moa fantatrao 'Lay…" (Fihirana lah. 99); "Omany ny fanilo" (Fihirana lah. 143); "Mihainoa Tompo ô!" (Fihirana lah. 232); "Ry Tompo ô! Ampio" (Fihirana lah. 245); " 'Zaho te ho tia anao tokoa" (Fihirana lah. 348); "Sambatra izay mitoetra" (Fihirana lah. 735); "Jesôsy o! Tarihonao" (Fihirana lah. 737).

## KRISTY HITA TARATRA EO AMIN'NY FIANGONANA

*"Izaho ao aminy, ary Hianao ato amiko, mba ho tanteraka ho iray izy, mba ho fantatr'izao tontolo izao fa Hianao efa naniraka Ahy sady efa tia azy tahaka ny nitiavanao Ahy."* - Jao. 17:23.

Tsy misy antony hafa izay toa mampihena ny hery miasa mangina avy amin'ny fiangonana, ankoatra ny tsy fahampian'ny fitiavana. (…) Mibanjina antsika ny mponin'izao tontolo izao, mijery ny vokatry ny finoantsika eo amin'ny toetrantsika sy ny fiainantsika. Mijery antsika izy ireo, raha toa ka mitondra fahamasinana ao am-pontsika izany, raha toa ka miova ho amin'ny fanahafana an'i Kristy isika. Vonona mandrakariva izy ireo hitsikilo ny tsy fahatanterahana misy eo amin'ny fiainantsika, sy ny fihetsika tsy mety rehetra ataontsika. Aoka tsy hahita hirika hitsikerana ny finoantiska izy ireo.

Tsy ny fanoheran'izao tontolo izao no mampidi-doza indrindra antsika; fa ny ratsy ankamamiana eo anivontsika izay miteraka loza mafy ho antsika. Ny fiainana tsy nohamasinina iainan'ireo mpampianatra tsy miraika no mampihemotra ny asan'ny fahamarinana sy mitondra haizaina eo amin'ny fiangonan'Andriamanitra.

Tsy misy fomba azo inoana kokoa fa mampihena ny herim-panahintsika, afa-tsy ny fitsiriritana, fiahiahiana ny hafa, toe-tsaina mitady ny fahadisoan'ny hafa hatrany ary ny fanendrikendrehana....

Rehefa tafakambana ianareo, dia mitandrema ny amin'ny teny haloaky ny molotrao.... Raha mitoetra ao anatinao ny fitiavana ny fahamarinana, dia hiresaka ny amin'ny fahamarinana ianao. Hiresaka ny amin'ny fanantenam-pitahiana azonao ao amin'i Jesôsy ianao. Raha velona ao anatinao ny fitiavana, dia hikatsaka ny hampiorina sy hanandratra ny rahalahinao ho amin'ny finoana masina indrindra ianao. Aza mampirisika ny fomba fiteny feno faharatsiana, raha toa ka misy teny naloaka izay manimba ny toetran'ny namanao na ny sakaizanao. Asan'ilay fahavalo izany. Aoka hampahatsiahivinao amim-pahalemem-panahy ilay niteny fa ny Tenin'Andriamanitra dia mandrara ny fomba firesaka toy izany. Tsy maintsy ataontsika ny hanafoana ao am-po, izay rehetra mandoto ny tempolin'ny fanahy, mba hitoeran'i Kristy ao anaty. Nanoro hevitra antsika ny Mpanavotra antsika ny amin'ny fomba hanehoantsika Azy eo amin'izao tontolo izao. Raha ankamamiantsika ny Fanahiny, raha asehontsika etỳ ivelany ny fitiavana ny hafa, raha samy miaro ny tombontsoan'ny hafa isika, raha malemy fanahy isika, mahari-po, mifampizaka izay mahavesatra, dia hanana porofo izao tontolo izao hilazana fa tena zanak'Andriamanitra tokoa isika, noho ireo voa entintsika. Ny firaisam-po ao amin'ny fiangonana no mahatonga izany handefa hery miasa mangina amin'ny tsy mpino sy mponina eto an-tany. - *That I May Know Him, t. 153.*

*"Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro hianareo, raha mifankatia."* - Jao. 13:35.

Ny fivavahan'i Kristy dia manana dikany ambony kokoa noho ny famelana ny fahotana; izany hoe voaaisotra ny ota, ka fenoina ny Fanahy ny banga. Midika ihany koa izany fa hazavain'ny fahazavan'Andriamanitra ny saina, fa foana tamin'ny izaho ny fo ary feno ny fanatrehan'i Kristy. Rehefa tontosan'ny mambran'ny fiangonana izany asa izany, dia ho tonga fiangonana velona sady miasa ny fiangonana. - *Ye Shall Receive Power, t. 318*.

Rehefa ampiraisintsika amin'i Kristy ny fontsika, ary arindrantsika amin'ny asany ny fiainantsika, dia hirotsaka amintsika, tahaka ny tamin'ny andro Pentekôsta, ny Fanahy. Hahazo hery isika ao amin'ny herin'i Kristy ary ho fenon'ny fahatanterahan'Andriamanitra.... Aoka isika hanolotra tsy an-tery ny tenantsika ho an'i Kristy, hanokana ny fananantsika, ny fahafaha-manao ananantsika ho an'ny asa fanompoany. Ho tanteratsika ny fanekem-pinoana nataontsika; hanompo an'Andriamanitra amin'ny fanompoana ny hafa izay mila ny fanampiana avy amintsika isika. Rehefa izany dia hamela ny fahazavantsika hamirapiratra amin'ny asa tsara ataontsika. - *The Review and Herald, 16 Dec. 1884.*

Tahaka ny mpianatra nandeha nitory ny filazantsara, rehefa fenon'ny Fanahy, dia tsy maintsy mandeha toy izany koa ireo mpanompon'Andriamanitra ankehitriny. Ny tsiairay izay hisehoan'ny fahazavan'ny fahamarinana ankehitriny, dia tsy maintsy voaentan'ny fangoraham-po amin'ireo izay mbola ao anaty haizina. Tsy maintsy haseho amin'ny taratra mazava sy miavaka tsara ny fahazavana any amin'ireo mpino. Asa mitovy amin'izay notanterahan'ny Tompo tamin'ny alalan'ireo iraka solontenany, taorian'ny andro Pentekôsta, no mbola handrasany ihany koa

amin'izao anio izao. Amin'izay fotoana izay, rehefa antomotra ny fiafaran'ny zavatra rehetra, dia hafanam-po mihoatra noho ny an'ny fiangonana voalohany no tokony hitoetra ao amin'ny fiangonana. Hafanam-po ho voninahitr'Andriamanitra, izay ampitoerina ao amin'ny mpianatra tsirairay hoentina mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinana, amin-kery lehibe. Moa tsy tokony handrehitra ny fontsika amin'ny faniriana lalina hitory ny tantaran'ilay fitiavana manavotra, amin'ny tantaran'i Kristy sy ny nanomboana Azy teo amin'ny hazo fijaliana, ve izany hafanam-po izany? - *The Review and Herald, 26 Jan. 1905.*

**Fanontaniana Hoenti-Mandini-Tena**

1. Amin'ny maha-mambran'ny fiangonana velon'i Kristy anao, ahoana no hampirisihanao firaisan-kina sy fitiavana ny rahalahinao?

2. Diniho amim-bavaka raha toa ka ilainao ny mamela heloka, mifona, na mamitra-pihavanana indray amin'izay olona ao anaty na ivelan'ny fiangonana.




## Andro fahafolo

## Kristy Hita Taratra eo amin'ny Fiarahamonina

*"Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany."* - Asa. 1:8.

**Tari-dalana ho an'ny Fotoam-Bavaka**

***Fiderana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)***

• Atombohy amin'ny fiderana an'Andriamanitra ny fotoam-bavakao, noho ny toetrany feno fahamoram-panahy sy fanaovan-tsoa ary fahalemem-panahy.

• Miderà an'Andriamanitra noho ny nifidianany anao ho fitaovana hanatrarana ireo fanahy maro mangetahetan'ny ranon'aina.

***Fiaiken-keloka sy Fangatahana ny amin'ny Fandresena ny Ota (tokony ho eo amin'ny 5 minitra)***

• Angataho Andriamanitra haneho aminao ny fahotana izay tokony hekenao ampahibemaso sy izay tokony hekenao mangina. Mangataha ny fandresena avy Aminy, handresenao ireo ota ireo.

• Angataho Andriamanitra hamela ny helokao, noho ireo fotoana izay nahamenatra anao ny hizara ny finoanao amin'ny hafa. Angataho Andriamanitra hanome anao herim-po sy fitiavana amin'ny alalan'i Kristy mitoetra ao anatinao.

• Misaora an'Andriamanitra noho ny namelany ny fahotanao, araka izay ambaran'ny 1 Jao. 1:9.

***Fitalahoana sy Fanelanelanana (tokony ho eo amin'ny 35 minitra)***

• Angataho Andriamanitra mba hanome anao ny adidy amin'ny famonjem-panahy sy ny fitiavana ho an'ireo zanany maniasia.

• Angataho Andriamanitra mba hampitoetra ao am-pon'ireo mpifanolo-bodirindrina aminao, ny hanohanana sy hetaheta te hahalala Azy.

• Angataho Andriamanitra hamonto anao amin'ny Fanahiny Masina sy hanoro anao ny fomba hoenti-mananatratra ny mpiara-monina aminao, amin'ny alalan'ny asam-pitiavana, amin'ny alalan'ny asa fanompoana mifandraika amin'ny filan'izy ireo, amin'ny fahazoana ny fahatokiany ary amin'ny fanasana azy ireo hanara-dia an'i Jesôsy.

• Ento amim-bavaka mba hahita fifaliana ianao amin'ny fizarana an'i Kristy amin'ny hafa.

• Mivavaha ho an'ny toetra manintona, tahaka ny an'i Kristy izay mitaona ny olona hanatona an'i Jesôsy.

• Mivavaha mba hampianaran'Andriamanitra anao ny fomba hampitodihana ny fijerin'ny olona ho amin'i Jesôsy, fa tsy ho amin'ny tenanao.

• Mivavaha ho an'ny mambran'ny fiangonana rehetra mba hampiasa bebe kokoa ireo asa soratra kristianina. Ento amim-bavaka koa ny mba hisian'ny fanomezan-danja misimisy kokoa ny fitoriana amin'ny alalan'ny asa soratra, na amin'ny fanaovana dika mitovy an-taratasy izany, na amin'ny endrika elektrônika.

• Ento amim-bavaka ny fanamafisana indray ny maha-zava-dehibe ny fanatrehana ny Sekoly Sabata, izay manome lanja ny firaisam-po, ny iraka, ny fianarana Baiboly ary ny asa fitoriana atao eo an-toerana.

• Ento amim-bavaka ny fanamafisana ny asa fitoriana ataon'ny tarika madinika, mba hahatonga ny mambra rehetra handray anjara amin'ny fijoroana ho vavolombelona ataon'ny tena manokana sy amin'ny fanambarana ilay fahamarinan'Andriamanitra lehibe indrindra amin'izao andro farany izao.

• Mivavaha ho an'ireo mpitarika ny fiangonana (mpitandrina eo an-toerana, mpitarika ny federasiona, ny fivondronambe, ny diviziona ary ny Foibe maneran-tany) mba hahatonga azy ireo ho vavolombelona mahomby eo amin'ny mpiara-monina aminy.

• Iraka eny an-tanàn-dehibe - Ento amim-bavaka ny Diviziona Eorôpeanina Afovoany sy ireo tanàna nofidiny anaovana asa: Genève, Prague, Vienne. Trotroy amim-bavaka ihany ny Fivondronamben'ny Faritra Afovoany Antsinanana sy Afrika Avaratra mbamin'ireo tanàn-dehibe 43 kasain'izy ireo hidirana ao anatin'ny 4 na 5 taona ho avy. Mivavaha ho an'ireo mambran'ny fiangonana miasa any anivon'ireo tanàn-dehibe ireo.

• Angataho Andriamanitra hanome fahasahiana hijoro ho vavolombelona ho Azy amin'ny fotoana rehetra.

• Mivavaha mba hisian'ny fijery ambony kokoa, mifantoka amin'ny asa fitoriana atao amin'ny alalan'ny haino aman-jery advantista, izay mitarika ho amin'ny fijoroana ho vavolombelona, sy ho amin'ny filazantsara mahafaobe manerana izao tontolo izao.

• Mivavaha ho an'ireo olona fito (na mihoatra) ao amin'ny lisitra nataonao, mba hahita valiny ny filan'izy ireo ary mba hanokatra ny fony ho an'ny Fanahy Masina izy.

• Mivavaha ho an'izay mety ho faniriana manokana ao anatinao.

***Fisaorana (tokony ho eo amin'ny 10 minitra)***

• Misaora an'Andriamanitra noho ny asa tanterahiny eo amin'ny fiainam-pianakavianao, ny namanao sy ny mpifanolo-bodirindrina aminao.

• Misaora an'Andriamanitra satria manana olona maro manerana ny faritra tsirairay Izy izay miandrandra ny lanitra am-pisentoana!

• Misaora an'Andriamanitra noho ny asa tanterahiny ao am-pon'ireo olona entinao amim-bavaka.

***Torohevitra ny amin'ireo hira azo hiraina:***

"He fitiavan-tsy mba manam-petra" (Fihirana lah. 62); "Moa ve tsy holazaiko" (Fihirana lah. 94); " 'Njao re manako ato am-poko" (Fihirana lah. 122); "Efa tonga atỳ izao" (Fihirana lah. 294); "Anio dia mandona…" (Fihirana lah. 301); "Arỳ ankoatra arỳ" (Fihirana lah. 523); "Fiadanana feno" (Fihirana lah. 657).

## KRISTY HITA TARATRA EO AMIN'NY FIARAHAMONINA

*"Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany."* - Asa. 1:8.

Antsoina ireo zanak'Andriamanitra mba ho solontenan'i Kristy, hampiseho ny hatsarana sy ny famindrampon'ny Tompo. Tahaka ny nampisehoan'i Jesôsy tamintsika ny tena toetry ny Ray, toy izany koa no tokony hampisehoantsika an'i Kristy eo amin'izao tontolo izao, izay tsy mahalala ny fitiavany mora sady feno antra. Hoy i Jesôsy: *"Tahaka ny nanirahanao Ahy ho amin'izao tontolo izao, no mba nanirahako azy kosa ho amin'izao tontolo izao. Izaho ao aminy, ary Hianao efa naniraka Ahy"* - Jao. 17:18,23. Avy amin'ny alalan'ny zanany tsirairay avy no ampitondran'i Jesôsy taratasy ho an'izao tontolo izao. Raha mpiantran'i Kristy ianao, dia ianao no taratasy ampitondrainy ho any amin'ny fianakaviana sy ny tanàna ary ny arabe izay misy anao. I Jesôsy ao anatinao dia maniry hiteny amin'ny fon'ireo izay tsy mahalala Azy. Angamba tsy mamaky ny Baiboly izy, na mihaino ny feo miteny aminy ao amin'izany; ka dia tsy mahita ny fitiavan'Andriamanitra ao amin'ny asany. Nefa raha tena sarin'i Jesôsy marina tokoa ianao, dia

mety ho avy amin'ny alalanao no hahatonga azy hahalala ny hatsarany, ary ho voataona ho tia sy hanompo Azy. - *Ny Dia ho eo amin'i Kristy, t. 78.*

Tsidiho ny mpiray vodirindrina aminao, ary asehoy fa liana amin'ny famonjena ny fanahin'izy ireo ianao. Hetseho ho amin'ny asa ny tanjaka ara-panahy anananao. Ambarao amin'ireo izay olona tsidihinao fa efa akaiky ny fiafaran'ny zavatra rehetra. Hosokafan'i Jesôsy Kristy Tompo ny varavaran'ny fon'izy ireo ary hapetrany ao an-tsainy ny fahatsapana maharitra. Na dia mirotsaka tanteraka ao amin'ireo asa andavanandrony aza ny vahoakan'Andriamanaitra dia mbola afaka mitarika olona hafa ho eo amin'i Kristy izy ireo. Ary raha eo am-panatanterahana izany izy ireo, dia handray ny antoka sarobidy fa eo anilan'izy ireo mandrakariva ny Mpamonjy. Tsy ilain'izy ireo ny hihevitra fa navela ho irery izy ireo, hiantehitra amin'ny ezaka malemy ataon'ny tenany manokana. Omen'i Kristy azy ireo ny teny hambarany, izay hamelombelona sy hampahery ary hampahatanjaka ireo fanahy malahelo sy mitolona ao anaty haizina. Hohatanjahina ny finoan'izy ireo manokana, raha mahatsapa fa tanteraka ny teny fikasan'ilay Mpanavotra. Tsy hoe fitahiana ho an'ny hafa ihany izy ireo, fa ny asa izay ataon'izy ireo ho an'i Kristy ihany koa dia hitondra fitahiana ho azy manokana. - *Counsels for the Church, t. 62.*

Mipaka hatrany amin'ireo fanahy hafa ny hery miasa mangina avy aminao; tsy toy ny hoe mihazona herin'aratra ianao, saingy miverina amin'Andriamanitra ny fientanana vokatr'izany.... Adidinao ny ho tonga kristianina, amin'ny heviny ambony indrindra – "tahaka an'i Kristy." Raha toa ka tafaray tsy tapaka amin'Andriamanitra ianao, dia amin'ny alalan'ireo tsipika tsy hita maso no hahasarika ny sainao ho amin'ny hafa, dia ireo izay tonga nifandray taminao, ary mety hiteraka fahatsapana izay manova anao ho tonga tsiro eo amin'ny fiainana ho amin'ny fiainana izany. Tsy misy na inona na inona azonao atao kosa anefa, raha toa ka mitoetra ao anatinao ny fitiavan-tena, raha toa ka ao aminao ny fanandratan-tena, raha toa ka manana ny toe-tsaina araka izao tontolo izao ianao, na inona toerana mety ho tananao, na inona mety ho fanandramanao, na manao ahoana fahalalanao, raha toa ka tsy manana ny lalàn'ny fahamoram-panahy eo am-bavanao ianao ary raha toa ka ritra ny fofomanitry ny fitiavana mipololotra avy ao am-ponao. - *My Life Today, t. 178.*

*"Raha misy manao hoe: Tia an'Andriamanitra aho, nefa mankahala ny rahalahiny, dia mpandainga izy; fa izay tsy tia ny rahalahiny izay hitany, ataony ahoana no fitia an'Andriamanitra Izay tsy hitany? ary izao no didy efa azontsika taminy: Izay tia an'Andriamanitra dia tsy maintsy tia ny rahalahiny koa."* - 1 Jao. 4:20,21.

Ny teny madio indrindra, ataon'ny rahavavy, na anadahy, na sakaiza, amim-pahatsorana, dia manan-kery hanokatra ny varavan'ny fo izay mila ny fofomanitry ny teny araka an'i Kristy sy ny fikasihana tsotra sy malefaka avy amin'ny fanahin'ny fitiavan'i Kristy. - *My Life Today, t. 178.*

Re manodidina antsika ny tomanin'izao tontolo izao noho ny alahelony. Misy hatraiza hatraiza ny mahantra sy ny ory. Anjarantsika ny manampy amin'ny fanamaivanana sy ny fanalefahana ny fahasarotana sy ny fahantrana eo amin'ny fiainana. Ny fitiavan'i Kristy irery, no hany afaka mitondra fahafaham-po ho an'izay ilain'ny fanahy. Raha mitoetra ao anatintsika i Kristy, dia ho

fenon'ny fangoraham-pon'Andriamanitra ny fontsika. Ho voavaha ny loharanon'ny fitiavana madio araka an'i Kristy. - *Sons and Daughters of God, t. 151.*

Loharano mamy manao ahoana re no mikoriana avy amin'ny fanatrehan'i Kristy e! Hiseho amin'ny zanany ny fanahy izay tao Aminy. Ho voahodidin'ny rivo-piainana avy amin' Andriamanitra ireo izay itoeran'i Kristy. Ho heniky ny fofomanitra avy ao amin'ny sahan'ny Tompo ny akanjo fotsy madion'izy ireo. Hamirapiratra amin'ny tavan'izy ireo ny fahazavany, ka hanazava ny dian'ireo izay mangozohozo sy reraka am-panahy. - *The Adventist Home, t. 424.*

**Fanontaniana ho Enti-Mandini-Tena**

1. Irinao ve ny ho fenon'ny fitiavan'i Kristy sy ho heniky ny fangoraham-pony ho an'izao tontolo izao am-bavahoan'ny fahafatesana?

2. Inona ireo fomba azo tanterahina, hahazoanao mijoro ho vavolombelona amin'ireo mpiara-monina aminao?

## Andro fahiraika ambin'ny folo

## Fiainana Be dia Be

**Tari-dalana ho an'ny Sabata Famaranana**

Ito Sabata famaranana ito dia tokony ho fotoam-pifaliana lehibe, noho izay notanterahin'Andriamanitra ho anao sy ny fiangonanao nandritra ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka. Alamino ny andronao anio, mba hankalazana ny fahatsaran'Andriamanitra sy ny fahefany lehibe. Hevero manokana ny fahatsapanao ny fandraisana ny Fanahy Masina nandritra ireo folo andro lasa. Ny Sabata anio dia tombontsoa hiravoravoana noho izay rehetra nataony sy ataony ary mbola hataony.

**And. Fototra**: Jao. 10:7-16

*"Dia hoy indray Jesosy taminy: Lazaiko manireo marina dia marina tokoa: Izaho no vavahadin'ondry. Mpangalatra sy jiolahy izay rehetra tonga talohako; fa tsy nihaino azy ny ondry. Izaho no vavahady; raha Izaho no hidiran'ny olona, dia hovonjena izy ka hiditra sy hivoaka sady hahazo hanina. Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be."*

*"Izaho no Mpiandry Tsara; ny Mpiandry Tsara manolotra ny ainy hamonjy ny ondry. Ary ny mpikarama, satria tsy mpiandry na tompon'ny ondry izy, koa raha mahita ny amboadia avy, dia mandao ny ondry ka mandositra, ary ny amboadia misambotra ny ondry ka mampihahaka azy; mandositra izy, satria mpikarama ka tsy mitandrina ny ondry. Izaho no Mpiandry Tsara; ary fantatro ny Ahy, sady fantany Aho, dia tahaka ny ahafantaran'ny Ray Ahy sy ny ahafantarako ny Ray; ary Izaho manolotra ny aiko hamonjy ny ondry. Manana ondry hafa izay tsy amin'ity vala ity Aho; ary ireny koa dia tsy maintsy ho entiko ka hihaino ny feoko; ary ho tonga andiany iray izy, sady iray ihany ny Mpiandry."*

Tokana ny zavatra ilain'ny mpivory, noho izany, asaina ianao hiara-miasa amin'ireo mpitarika ny fiangonana amin'ny famelabelarana drafitra manokana ho an'ny fiangonana. Indreto misy tari-dalana sasantsasany azonao atao mandritra ny fanompoam-pivavahana ao am-piangonana amin'ny Sabata famaranana:

- Fampianarana Baiboly ny amin'ny Jao. 10:7-16: azo ampiasaina ho toriteny io na vatsim-panahy fohy izany. Azonareo ampiasaina koa ireo andininy ireo ho fampidirana sy fampifandraisana ireo tantara manambara ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra nandritra ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka.

- Finjoroana ho vavolombelona: Manokàna fotoana malalaka araka izay azo atao, hijoroana ho vavolombelona ny amin'ireo vavaka nahitam-baliny. Ireo izay nandray anjara tamin'ny 10 Andro Fiaraha-mivavaka dia tokony hanana tantara maro hozaraina amin'ny mpivory; na izany aza anefa, toroy hevitra izy ireo hanao izany amin'ny fomba fohy indrindra mba hahafahan'ny tsirairay mandray anjara. Ny hafa ihany koa dia mety ho manana tantara hambara. Mety ho tsara koa ny manana fijoroana ho vavolombelona efa voarafitra mialoha, ho fanampin'ireo fotoana malalaka hizaràna fanandramana.

- Fotoam-bavaka: Asao ny mpivory rehetra handray anjara amin'ny fotoam-bavaka iraisana. Azonao atao ny mitarika ny mpivory amin'ny vavaka ifandimbiasana toy izay natao nandritra ny herinandro. Azonao atao koa ny mivavaka ho an'ny antom-bavaka manokana. Azo tanterahina miaraka amina vondron'olona madinika izany, na miaraka amin'izay rehetra miara-mivavaka eo. Misy fomba fivavaka maro hafa ihany koa azo atao mandritra ny fotoana - mivavaka ny amin'ny Soratra Masina, antokon'olona vitsivitsy, isam-batan'olona, mpivory manontolo, mangina, sy ny hafa koa.

- Fihirana: Andro firavoravoana io andro io, noho izay notanterahin'Andriamanitra, ary ny mozika no fomba iray lehibe hankalazana izany. Raha misy hira natokan'ny vondrona madinika misy anao ho hira faneva, dia aoka hohirain'ny mpivory rehetra miaraka izany.

- Drafitra ny amin'ny hoavy: Raha nitarika anao ho amin'ny asa fitoriana manokana any ivelany na asa fanompoana hafa Andriamanitra, nandritra ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka, dia aoka hampahafantarina ny fianakaviamben'ny fiangonana izany drafitra izany, ary asao izy ireo handray anjara amin'izany.

- Ankizy/Tanora: Mety kokoa raha misy tantara ho an'ny ankizy, mikasika ny vavaka. Ankoatra izay, raha misy ankizy na tanora tonga manatrika tsy tapaka ny fotoam-bavaka, dia asao izy ireo hizara ny fanandramany sy/na hitarika ao amin'ny fotoam-bavaka.

- Fiovaovana: Aoka tsy hanao drafitra raikitra tsy azo ovaina ianao, mba hahafahanao manaraka izay fitarihan'ny Fanahy Masina anao mandritra ny fotoam-bavaka.

## FIAINANA BE DIA BE MIARAKA AMIN'I JESOSY

## ILAY MPIANDRY ONDRY TSARA

**Vakiteny fototra**: Jao. 10:1-16

### FAMPIDIRANA

"Nisy lehilahy anankiroa nantsoina, tao amin'ny efitrano fianarana lehibe iray, mba hanao tsianjery ny Sal. 23. Ny iray dia mpandaha-teny voaofana amin'ny fomba fiteny sy fanaovana tantara an-tsehatra. Namerina ny Salamo tamin'ny fomba mahery vaika indrindra izy. Rehefa nahavita izy, dia nitehaka ny mpihaino ary nangataka ny hamerenany azy indray aza mba handrenesan'izy ireo ny feony kanto. Manaraka izay, dia anjaran'ilay lehilahy iray, efa nahazo taona, indray no namerina ireo andininy teo aloha – *'Jehovah no Mpiandry ahy, tsy hanan-java-mahory aho…'* Kanefa rehefa nahavita izy, dia tsy nisy na dia feo iray aza nivoaka avy tamin'ilay kilasy lehibe. Nitoetra tao anaty, faniriana feno fanoloran-tena sy vavaka kosa ireo olona nanatrika teo.

"Dia nitsangana ilay lehilahy voalohany, dia ilay mpandaha-teny. 'Manana zavatra hambara aho,' hoy izy. Ny maha-samy hafa ny zavatra renareo avy amin'ilay sakaizako, sy avy amin'izay nolazaiko dia izao: Mahay ny Salamo aho, fa io namako io kosa mahafantatra ilay Mpiandry ondry.'"

Amin'ireo sary maro, entin'i Jaona ao amin'ny filazantsarany, dia azo antoka fa Ny Mpiandry Tsara no anisan'ny tsara indrindra anehoany an'i Jesôsy.

Satria toy ny mpiandry ondry rehetra, Jesôsy dia voakasik'izay rehetra mahasoa sy fiahiana ny ondriny.

Raha hihaino ny hafatra amin'ity maraina ity isika, ary taorain'izay 10 andro fiaraha-mivavaka izay, dia manasa ny tsirairay amintsika aho mba hanontany tena hoe: "Mahafantatra ilay Mpiandry ondry marina ve aho/ianao?"

Ny fahafantaranao ny Mpiandry ondry dia mahatonga ny fiainanao ho be dia be sy feno!

Nahoana no antsoina hoe Mpiandry Tsara i Jesôsy, ary ahoana no hahatonga ny fiainantsika ho be dia be sy feno ao Aminy?

Mampianatra antsika ireo andiny ireo fa Jesôsy dia manana ny toetra tsara izay mamaritra Azy ho Mpiandry Tsara. Andeha isika hanokana minitra vitsivitsy, amin'izao maraina izao, handinihana io andininy io, sy hamaliana ireo fanontaniana napetraka teo aloha.

## I. MANANA NY MARI-PAHAMENDREHANA IZY – and. 1-5

### A. Tonga Araka ny Tokony ho izy Izy (and. 1-3a)

Mampiasa ny sary an'ohatra ny amin'ny valan'ondry Jesôsy hoentiny maneho ny hafatra tiany hampitaina.

Ny valan'ondry dia rindrina manao fari-bolana, tokony ho 10 metatra eo ny haavony, ary manana varavarana tokana. Mety ho betsaka ny ondry apetraka ao am-bala mandritra ny alina, ary misy mpiandry varavarana mandry eo am-baravarana. Rehefa tonga ny maraina dia miverina ny mpiandry ondry, miantso ny ondry amin'ny anarany avy, ka mitondra azy ireo ho eny amin'ny ahi-maitso.

Jesôsy dia manambara amin'ny mpihaino Azy fa ny mpangalatra sy ny mpandroba ihany no miezaka hiditra ny valan'ondry amin'ny lalana hafa tsy eo amin'ny vavahady. Ny mpiandry ondry marina kosa anefa, dia mampiasa hatrany ny varavarana!

Porofoin'i Jesôsy fa Izy no Mpiandry ny ondry, satria tonga teto an-tany tamin'ny fomba mety indrindra Izy. Niditra teto araka ny drafitra napetraka Izy. Nasehony tamin'ny olony ny maha-mendrika Azy. Mariho anie ny porofo maneho fa tonga tamin'ny fomba mendrika indrindra Izy:

1. Nateraky ny virjiny Izy – Isa. 4:7; Mat. 1:21-23
2. Teraka tao Betlehema Izy – Mika 5:2; Mat. 2:4-6
3. Tonga tamin'ny fotoan'andro Izy – Gal. 4:4
4. Nentina niala tany Egipta Izy – Hôs. 11:1; Mat. 2:14-15
5. Nanetsika ny fahatezeran'ny fahavalo ny fahatongavany – Jer. 31:15: Mat. 2:16-18

Izy no olona tena ilaina indrindra, teraka tamin'ny toerana sahaza indrindra, tonga tamin'ny fotoana mety indrindra, nantsoina avy tamin'ny firenena araka ny tokony ho izy ary natrehin'ny famantarana marina indrindra. Ananany ny fahamendrehana ilaina rehetra hanamarinana fa Izy no Mpiandry Tsara! Rehefa tonga i Jesôsy, niaraka tamin'ireo fahamendrehana ilaina indrindra, dia nanolotra azy tamin'ny vahoaka i Jaona mpanao batisa, ary nampahafantatra ny mombamomba Azy – Jao. 1:29.

### B. Miantso Araka ny Tokony ho izy Izy

Angamba betsaka ireo ondry miara-mipetraka ao amin'ny valan'ondry. Saingy, rehefa tonga ny mpiandry ondry ka mijoro eo am-baravarana sy miantso ny ondriny, dia hahalala ny feony avy hatrany izy ireo ka hamaly Azy. Fantatr'izy ireo ny antsony.

Sary an'ohatra:

Nisy lehilahy iray tany Aostralia, nosamborina noho ny fangalarana ondry iray. Nanambara tamin'ny fomba hentitra anefa izy fa iray amin'ireo andian'ondriny izany, izay very efa andro maromaro lasa izay. Rehefa niakatra teo amin'ny fitsarana ny raharaha, dia very hevitra ny mpitsara, tsy nahita izay fanapahan-kevitra tokony horaisina. Tamin'ny farany dia nangataka izy ny mba hitondrana ilay ondry ao amin'ny efitrano fitsarana. Dia nibaiko ilay mpitory izy mba hivoaka any ivelany ka hiantso ilay biby. Tsy namaly anefa ilay ondry, afa-tsy nampitraka fotsiny ny lohany ka nijery tamin-tahotra.

Niangavy ilay notorina indray anefa ny mpitsara mba hivoaka ao ivelan'ny lapa fitsarana ka hiantso ilay ondry. Rehefa nanomboka nanao ny feo fiantsoany manokana ilay voampanga, dia niazakazaka nankeo am-baravarana ilay ondry. Tsy hiadin-kevitra fa fantany ny feon'ny tompony izay efa mahazatra azy. "Mahafantatra azy ny ondriny," hoy ilay mpitsara. "Raharaha voatsara!"

Tsy hafa amin'izany ny amin'ireo fanahy very. Maro ireo feo izay mifaninana hisarika ny fifantohantsika eo amin'izao tontolo izao, kanefa, miavaka tsy misy toa azy ny feon'ny Tompo. Rehefa miantso Izy, dia miova ny zava-drehetra – Jao. 6:44.

Ny feon'ilay Mpiandry Tsara irery no afaka mamoha indray ireo fo mangatsiakan'ny fahafatesana. Io irery ihany no afaka hitondra fanantenana ho antsika. Io irery no feo kanto sahaza ho an'izay fanahy tratry ny famoizam-po.

Tsy misy hery sy mampatahotra avokoa ny feo hafa rehetra, raha mitaha amin'ny antso malefaka ataon'i Jesôsy Tompo.

D. Mibaiko Araka ny Tokony ho izy Izy (and. 4-5)

Rehefa miantso ny ondry ny mpiandry ondry, dia mialoha lalana azy ireo izy, ary ireo kosa manaraka azy avy hatrany. Mitarika azy ireo eo aloha izy, ary ireo kosa manaraka azy avy ao aoriana.

Rehefa mihaona amin'ny fahasoavan'Andriamanitra ny fanahin'ny mpanota, ka mandray izany, dia hanjary hanana faniriana hanaraka ilay Mpiandry Tsara izy!

Rehefa voavonjy ny olona iray ka mifamatotra amin'Andriamanitra ny fony, dia tsy hiandry fitalahoana fatratra izy vao hivavaka, hanolotra ny ampahafolony, hizara ny finoany, sns. Nandray ny antson'ny Mpiandry Tsara izy, ary mahatsapa ny andraikiny amin'ny fanompoana Azy – 2 Kôr. 5:17. Voafintina ao amin'ny 1 Kôr. 10:31 ny fanirian'ny fony.

**II. MANANA NY TOETRA TSARA INDRINDRA IZY – and. 6-10**

**A. Ny Maha-Izy Azy (and. 6-8)**

Ao amin'ireo andininy ireo Jesôsy dia maneho ny Tenany ho ilay Vavahady. Raha tadidinao, dia tokana ihany ny fidirana sy fivoahana amin'ny valan'ondry. Eo amin'io no mitoetra ilay mpiandry ondry. Araka izany, tonga vavahadin'ondry mihitsy ilay Mpiandry ondry. Tsy misy na inona na

inona afaka miditra ny vala; tsy misy na inona na inona afaka mivoaka ny vala, raha tsy mandalo eo amin'ny Mpiandry ondry.

Tokana ihany ny vavahady ho an'ireo izay maniry hiditra ao am-balan'Andriamanitra. Izany vavahady izany dia Jesôsy Tenany mihitsy!

Izy irery ihany no lalana mankany amin'Andriamanitra – Efes. 2:18; Jao. 14:6; Asa. 4:12. Hita mazava ao amin'ny 1 Jao. 5:12 io fahamarinana io. I Jesôsy no hany lalana mankany amin'ny Ray.

Amin'ny alalany irery ihany no hahazoana miditra ny fanjakana ara-panahy. Ireo izay mihazona fomba hafa hankanesana eo amin'Andriamanitra dia mpiandry ondry sandoka ary mpampianatra diso.

**B. Ny Fahaiza-manaony (and. 9a)**

Manambara mazava tsara amin'ny mpihaino Azy i Jesôsy, fa Izy irery ihany no vavahady mitondra ho amin'ny famonjen'Andriamanitra mandrakizay. Ny teny fikasana omeny izay rehetra miditra izany dia ny famonjena.

Izany hoe, hahita sy hahatsapa tanteraka ny famonjena tonga lafatra avy amin'Andriamanitra izy ireo.

Rehefa misy mpanota manatona an'i Jesôsy ary hateraka indray, dia afaka amin'ny fahaverezana mandrakizay izy – Jao. 5:24; Rôm. 5:9.

**D. Ny Teny Fikasany (and. 9a-10)**

Loza mandindona ho an'ny ondry ny jiolahy. Rehefa misy jiolahy tafiditra ao am-bala, ny tanjony voalohany indrindra dia ny hampiasa ireo ondry ho an'ny tombontsoan'ny tenany manokana. Tsy mihevitra ny amin'izay hahasoa azy ireo izy. Ny Mpiandry Tsara kosa anefa, etsy an-danin'izay, dia tonga mba hananan'ny ondry fiainana feno hatsarana tsy voafetra. Miahy ny amin'ny ondry Izy, ary nampanantena azy ireo fiainana vaovao sy tsara kokoa ao Aminy.

Miova avokoa ny zava-drehetra rehefa mihaona amin'i Jesôsy ny olona iray! Rehefa miditra eo amin'ny fiainana Izy, dia tsy afaka ny hitoetra tsy misy fiovana izany. Omeny antsika ny fahafahana hanana fiainana tsara kokoa, hitia amin'ny fomba tsara kokoa ary hanao asa eo amin'ny fiainantsika mba ho voninahitr'Andriamanitra.

Ny hoe teny hoe fiainana, "zoe" amin'ny teny grika, izay ampiasaina eto araka ny heviny ara-teôlôjia, dia mira lenta amin'ny hoe fiainana mandrakizay.

Rehefa nohariana i Adama sy Eva, dia nanana ny fiainana – "zoe" – izy ireo, veriny anefa izany tamin'ny nanotany. Marina tokoa fa nohalavaina ny andro niainan'izy ireo, saingy tsy nanana ny toetra tsy mety maty intsony izy – Gen. 2:17. Tonga Jesôsy mba hamerina indray ny "zoe" izay tsy hita intsony tao amin'i Adama – Jao. 8:51.

"Mba hananany fiainana, sady hananany be dia be" – Voafaoka ao anatin'ny fiainana ny ara-batana sy ara-tsaina ary ny ara-panahy.

Ny fiainana ara-nofo dia azo raisina ho feno ao amin'ny vatana tomady sy salama tsara.

Ny fahagagana nataon'i Jesôsy ny amin'ny fanasitranana ara-nofo, dia nitondra fiainana feno ho an'ireo izay nanana herim-batana nihena. Saingy, tsy mijanona eo amin'ny fanavaozana ara-nofo fotsiny anefa ny irak'i Jesôsy.

Manana fiainana ara-tsaina sy ara-panahy ihany koa ny olona, izay tsy maintsy velomina sy hampiroboroboana, satria *"tsy ny mofo ihany no iveloman'ny olona; fa izay rehetra aloaky ny vavan'i Jehovah"* - Deo. 8:3.

Zava-dehibe tokoa ny lafiny ara-batana sy ara-tsaina ho an'ny fiainana voalanjalanja tsara, ary tsy misy fiainana miroborobo, raha tsy voakolokolo ny lafiny ara-panahy.

## III. MANANA NY ANDRAIKINY MANOKANA IZY – and. 11-16

### A. Voaporofon'ny sorona nataony ny andraikiny (and. 11-13)

Manazava ny maha-samy hafa ny mpiandry ondry tompon'andraikitra sy ny mpikarama i Jesôsy.

Ny mpikarama dia tsy miandry afa-tsy ny karamany. Rehefa mitranga ny loza, dia mandositra izy ary mandao ny andian'ondry mba ho viravirain'ny ambodia.

Ny mpiandry ondry kosa, etsy an-kilany, dia tompon'ny ondry ary mahita tombontsoa amin'izay mahasoa azy ireo. Koa amin'izany, ny mpiandry tsara dia vonona mandrakariva handoa ny vidin'ny fiarovana ny andian'ondry, eny, fa na dia midika ho fanolorany ny ainy ho azy ireo mihitsy aza izany.

Noporofoin'i Jesôsy fa Izy no Mpiandry Tsara, satria hitany ny loza izay nahatafalatsaka ny ondry, kanefa tsy nandositra Izy, fa nanao izay rehetra azony natao araka ny fahefany mba hamonjena azy ireo.

Koa satria nambaran'Andriamanitra fa fahafatesana no tambin'ny ota, dia niditra avy any an-danitra Jesôsy, ary nateraka tamin'ny endrika araka ny nofo. Koa taorian'ny fiainana tsy nisy pentin'ota dia maty teo an-kazo fijaliana Izy, nisolo toerana ny mpanota tsirairay izay ho nampiorina ny finoany teo Aminy – 2 Kôr. 5:21; 2 Kôr. 5:15.

### B. Voaporofon'ny Ondriny ny andraikiny (and. 14)

Miresaka ny amin'ny fifamatorana misy eo Aminy sy ny ondriny i Jesôsy. Mahafantatra Azy izy ireo ka tsy hanaraka olon-kafa izy ireo; ary ny mpiandry ondry koa dia mahalala ny ondriny.

Toa mitovy avokoa ny ondry tsirairay ao anaty andian'ondry, raha ny fijerin'ireo tsy nandalo fanofanana. Ny Mpiandry Tsara anefa, dia afaka manavaka azy ireo — matetika noho ny fahalemeny sy ny toetra mampiavaka ny tsirairay manokana.

Sary an'ohatra:

Lehilahy iray izay niandry andian'ondry lehibe no nanazava toy izao tamina Kristianina namana iray, izay taitra noho ny fahitany ny fifankahazarany amin'ny biby tsirairay. "Hitanao ve iry ondry iry?" hoy izy nanontany."Jereo ange ny famindrany kely e. Ilay iray aoriana indray somary njolamaso; ilay manaraka kosa misy tasy ao an-damosiny; ny iray eo aloha indray mitondra marika mainty, raha toa kosa ilay iray akaiky antsika misy rimbona ny sofiny."

Raha nijery azy rehetra ity mpino, dia voasintona ho any amin'i Kristy ny sainy, ilay lehiben'ny Mpiandry ondry, izay mahafantatra ihany koa ny fahalemen'ny tsirairay sy ny fahadisoan'ny andian'ondriny ary mahita ny mambra rehetra amin'ny fijery miavaka feno fitiavana sy fahalalana feno fangorahana.

Fantany amin'ny anarana ny ondriny tsirairay – and. 3. Tsy mahafantatra ny feony fotsiny ihany izy ireo – and. 4, fa mahafantatra Azy mihitsy koa.

Ny fahalalana dia mitarika ho amin'ny asa. Ilay Mpiandry Tsara izay mahalala ny ondry ao amin'ny andian'ondriny, dia liana hahafantatra ny tsirairay amin'izy ireo amim-pitiavana; ireo ondry kosa, izay mahafantatra ny toetry ny Mpiandry azy, ho setrin'izany, dia mametraka ny fitokiana feno eo amin'ilay mpiandry azy ary manome fitiavana sy fankatoavana azo antoka.

Amim-pahalianana tsy misy fetra no anamarihan'ny Mpiandry Tsara ireo fisalasalana, tahotra, fisedrana sy ady ary faharesena izay manelingelina ny fiadanan'izy ireo, ary tsy hitaredretra Izy hitondra fanampiana azy ireo.

Ny rahalahiko sy anabaviko malala, mahafantatra ny ondriny tokoa Ilay Mpiandry Tsara!

Fantany avokoa izay rehetra tokony ho fantany mikasika anao – Mat. 10:29-31; Mat. 6:8.

Izy no Mpiandry  Tsaranao ary hiahy anao mandrakariva Izy – Sal. 23:1-6.

Mitoetra ho “Jehovah-jire” Izy – *"Jehovah no hahita!"* – Gen. 22:14.

**D. Porofoiny amin'ny Famonjena Atolony ny andraikiny (and. 15, 16)**

Ambaran'i Jesôsy mazava fa mbola hisy ondry hafa izay ho avy. Azon'izy ireo atao koa ny mahazo antoka ny amin'ny famonjena sahala amin'ireo izay efa tao, ka mandre ny feon'i Jesôsy miteny.

Koa amin'izany, na iza na iza mila famonjena, dia afaka mahazo antoka fa Jesôsy dia hanome izany famonjena izany rehefa apetratsika eo Aminy ny finoana – Jao. 1:12.

Rehefa apetraka eo amin'i Jesôsy Kristy ny finoana, dia famonjena hatrany no vokany. Mbola Izy no Vavahady ary Izy no Mpiandry Tsara.

**FAMINTINANA**

Tsy hiadian-kevitra fa Jesôsy no Mpiandry Tsara.

Ny fanontaniana sisa apetraka eo amin'ny lafiny fanompoana dia ny hoe: Fantatrao ve ilay Mpiandry ondry?

Ny valinteny asetrinao izany fanontaniana izany no hamaritra sy hanosika anao hahatsapa hoe:

- Inona no Filana Lehibe Indrindra?

- Ny Tenanao no Fanomezana Lehibe Indrindra Azonao Atolotra an'Andriamanitra!

- Zava-dehibe ny hitoeran'i Kristy ao anatinao!

- Ahoana ary nahoana no ilainao ny mitoetra ao amin'i Kristy, Ilay Tena Voaloboka?

- Manoatra noho ny mpandresy ianao!

- Ny Fifaliana ao amin'ny Fankatoavana!

- Fa ny Fiainanao dia Fitahiana ho an'ny Hafa!

- Fa hita taratra eo amin'ny Fianakavianao i Kristy!

- Fa hita taratra eo amin'ny Fiangonanao i Kristy!

- Fa hita taratra eo amin'ny Fiarahamonina misy anao i Kristy!

Ambonin'ny zavatra hafa rehetra, ny valinteninao dia hitondra fahasamihafana eo amin'ny fomba ankafizanao, dieny mbola eto an-tany, NY FIAINANA FENO SADY BE DIA BE AO AMINY ILAY MPIANDRY TSARA!

Aoka isika tsy hangataka andro intsony, zava-doza ny fangatahana andro! Ny Fifohazana sy Fanavaozana no teny manan-danja indrindra sy mavesa-danja indrindra, raha eo am-piomanana isika sy ny hafa koa, hihaona amin'i Jesôsy, Ilay Mpiandry Tsara!

Ry rahalahy sy anabavy malala, andeha isika hanokana fotoana hamaliana manokana izany fanontaniana lehibe izany, amin'ny alalan'ny fotoam-bavaka.

IA - BP 1134 Antananarivo 101 -
Tél. 24 132 46 - e-mail <impriad@yahoo.fr>
Voatolotra ara-dalàna: lah.0046 - B / 11.15 - Ny natonta: 7 500 isa